| | | ***Fitambarany*** | **14** | **10** | **4** | **0** | **0** | **71,43** | **125 807 895 000,00** | **233 505 217 614,49** | **185,60** |
| *CFM* | 057 | Fitantanana sy fandrindrana | 5 | 4 | 1 | 0 | 0 | 80,00 | 6 083 097 000,00 | 5 951 782 286,20 | 97,84 |
| | 823 | Fampihavanam-pirenena | 13 | 6 | 3 | 4 | 0 | 46,15 | 618 334 000,00 | 599 502 300,00 | 96,95 |
| | | ***Fitambarany*** | **18** | **10** | **4** | **4** | **0** | **55,56** | **6 701 431 000,00** | **6 551 284 586,20** | **97,76** |
| *CENI* | 060 | Fitantanana sy fandrindrana | 27 | 26 | 1 | 0 | 0 | 96,30 | 8 079 467 000,00 | 7 996 284 988,63 | 98,97 |
| | 126 | Fampiharana ny zotram-pifidianana | 47 | 30 | 17 | 0 | 0 | 63,83 | 5 464 382 000,00 | 5 462 177 465,24 | 99,96 |
| | 825 | Fanabeazana amin'ny fifidianana sy fifandraisana | 5 | 5 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 213 913 000,00 | 212 930 479,88 | 99,54 |
| | | ***Fitambarany*** | **79** | **61** | **18** | **0** | **0** | **77,22** | **13 757 762 000,00** | **13 671 392 933,75** | **99,37** |
| *HCDDED* | 832 | Demokrasia | 15 | 1 | 14 | 0 | 0 | 6,67 | 1 805 290 000,00 | 1 805 290 000,00 | 100,00 |
| | | ***Fitambarany*** | **15** | **1** | **14** | **0** | **0** | **6,67** | **1 805 290 000,00** | **1 805 290 000,00** | **100,00** |
| *CNIDH* | 069 | Fitantanana sy fandrindrana | 10 | 0 | 9 | 0 | 1 | 0,00 | 1 041 173 000,00 | 1 041 173 000,00 | 100,00 |
| | 834 | Fampiroboroboana sy fiarovana ny zon'olombelona | 6 | 3 | 3 | 0 | 0 | 50,00 | 600 000 000,00 | 600 000 000,00 | 100,00 |
| | | ***Fitambarany*** | **16** | **3** | **12** | **0** | **1** | **18,75** | **1 641 173 000,00** | **1 641 173 000,00** | **100,00** |
| *HCJ* | 070 | Fitantanana sy fandrindrana | 4 | 3 | 1 | 0 | 0 | 75,00 | 691 862 000,00 | 420 358 964,89 | 60,76 |
| | 835 | Fahefana ara-pitsarana mahakasika olona ambony / Mpitantana | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0,00 | 2 737 002 000,00 | 2 732 957 510,00 | 99,85 |
| | | ***Fitambarany*** | **5** | **3** | **2** | **0** | **0** | **60,00** | **3 428 864 000,00** | **3 153 316 474,89** | **91,96** |
| *MAE* | 062 | Fitantanana sy fandrindrana | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0,00 | 1 600 000,00 | 0,00 | 0,00 |
| | 617 | Fiaraha-miasa iraisam-pirenena sy fampandrosoana ara-toekarena | 1 | 0 | 1 | 0 | 0 | 0,00 | 76 000 000,00 | 76 000 000,00 | 100,00 |
| | 006 | Fitantanana sy fandrindrana | 4 | 4 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 63 720 318 000,00 | 46 392 029 051,27 | 72,81 |
| | 601 | Diplomasia sy fiaraha-miasa | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66,67 | 8 693 783 000,00 | 15 059 816 994,31 | 173,23 |
| | | ***Fitambarany*** | **8** | **6** | **2** | **0** | **0** | **75,00** | **72 491 701 000,00** | **61 527 846 045,58** | **84,88** |
| *MDN* | 007 | Fitantanana sy fandrindrana | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 273 100 356 000,00 | 267 254 335 155,06 | 97,86 |
| | 103 | Fitantanana ny politikan'ny fiarovana | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 30 061 656 000,00 | 29 948 924 746,98 | 99,62 |
| | 008 | Fitantanana sy fandrindrana | 8 | 0 | 8 | 0 | 0 | 0,00 | 12 795 866 000,00 | 12 747 034 661,37 | 99,62 |
| | 104 | Tafika an-tanety | 11 | 6 | 2 | 3 | 0 | 54,55 | 13 524 443 000,00 | 13 514 917 008,24 | 99,93 |
| | 105 | Tafika ana-habakabaka | 9 | 4 | 1 | 4 | 0 | 44,44 | 1 078 510 000,00 | 1 078 046 349,60 | 99,96 |
| | 106 | Tafika an-dranomasina | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50,00 | 960 196 000,00 | 959 975 150,00 | 99,98 |
| | | ***Fitambarany*** | **34** | **15** | **12** | **7** | **0** | **44,12** | **331 521 027 000,00** | **325 503 233 071,25** | **98,18** |
| *SEMD NCG* | 009 | Fitantanana sy fandrindrana | 15 | 11 | 4 | 0 | 0 | 73,33 | 301 453 582 000,00 | 301 369 631 322,42 | 99,97 |
| | 108 | Fidirana an-tsehatra iarahana na mitokana | 6 | 6 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 7 631 537 000,00 | 7 625 851 039,25 | 99,93 |
| | 121 | Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka | 16 | 13 | 3 | 0 | 0 | 81,25 | 9 455 989 000,00 | 9 417 393 259,98 | 99,59 |
| | 125 | Fiofanana | 9 | 8 | 1 | 0 | 0 | 88,89 | 1 654 438 000,00 | 1 648 960 853,80 | 99,67 |
| | | ***Fitambarany*** | **46** | **38** | **8** | **0** | **0** | **82,61** | **320 195 546 000,00** | **320 061 836 475,45** | **99,96** |
| *MID* | 063 | Fitantanana sy fandrindrana | 8 | 8 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 72 104 439 000,00 | 64 891 170 416,46 | 90,00 |

| SEHATRA FITANTANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Amin'ny isa | | | | | % | Amin'ny Ariary | | % |
| And/ Min | Kaody | Fandaharan'asa | Ind. Insc | A | NA | ND | Aut | Taux de réal. | Sora-bola farany | Fandaniana | Tahan'ny vita |
| | 133 | Fitantanana ny lafin-tany | 6 | 6 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 58 232 323 000,00 | 57 222 733 360,97 | 98,27 |
| | 134 | Fitsinjaram-pahefana sy fampandrosoana ifotony | 5 | 3 | 2 | 0 | 0 | 60,00 | 194 553 147 000,00 | 194 968 933 696,47 | 100,21 |
| | 135 | Fanavaozana ny fitantanan-draharaha | 3 | 3 | 0 | 0 | | 100,00 | 429 006 000,00 | 412 629 115,92 | 96,18 |
| | 216 | Fitantanana ny loza sy ny tandindon-doza | 14 | 1 | 13 | 0 | 0 | 7,14 | 57 004 640 000,00 | 57 004 639 604,00 | 100,00 |
| | | ***Fitambarany*** | **36** | **21** | **15** | **0** | **0** | **58,33** | **382 323 555 000,00** | **374 500 106 193,82** | **97,95** |
| *MSP* | 036 | Fitantanana sy fandrindrana | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66,67 | 143 691 283 000,00 | 134 789 500 601,34 | 93,80 |
| | 120 | Filaminam-bahoaka | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0,00 | 18 506 714 000,00 | 14 898 157 888,24 | 80,50 |
| | 136 | Fanaraha-maso ny lafin-tany sy ny fitsikilovana ankapobeny | 4 | 2 | 2 | 0 | 0 | 50,00 | 5 981 722 000,00 | 5 809 229 447,52 | 97,12 |
| | 137 | Fiofanana sy fanavaozana | 3 | 1 | 2 | 0 | 0 | 33,33 | 2 371 484 000,00 | 2 349 042 047,18 | 99,05 |
| | | ***Fitambarany*** | **12** | **5** | **7** | **0** | **0** | **41,67** | **170 551 203 000,00** | **157 845 929 984,28** | **92,55** |
| *Min Jus* | 012 | Fitantanana sy fandrindrana | 11 | 5 | 5 | 1 | 0 | 45,45 | 120 082 883 640,00 | 113 824 087 276,56 | 94,79 |
| | 111 | Fitantanana ny fitsarana | 13 | 2 | 8 | 3 | 0 | 15,38 | 12 509 728 440,00 | 12 242 946 746,89 | 97,87 |
| | 112 | Fandraharahana ny fonja | 7 | 1 | 6 | 0 | 0 | 14,29 | 26 331 017 920,00 | 24 720 755 337,85 | 93,88 |
| | 127 | Fanandratana ny fahamarinana | 5 | 3 | 2 | 0 | 0 | 60,00 | 526 557 000,00 | 517 429 664,20 | 98,27 |
| | 132 | Fanaraha-maso ivelany ny fitantanam-bolam-panjakana | 10 | 5 | 5 | 0 | 0 | 50,00 | 714 009 000,00 | 659 116 173,40 | 92,31 |
| | 140 | Fampihenana ny fanaovana kolikoly | 10 | 5 | 5 | 0 | 0 | 50,00 | 2 448 804 000,00 | 2 351 247 406,90 | 96,02 |
| | | ***Fitambarany*** | **56** | **21** | **31** | **4** | **0** | **37,50** | **162 613 000 000,00** | **154 315 582 605,80** | **94,90** |
| *MEF* | 013 | Fitantanana sy fandrindrana | 16 | 5 | 10 | 0 | 1 | 31,25 | 192 393 639 000,00 | 104 540 504 094,37 | 54,34 |
| | 114 | Fitantanana ny tetibola | 6 | 4 | 2 | 0 | 0 | 66,67 | 2 423 280 720 000,00 | 2 250 919 677 638,40 | 92,89 |
| | 115 | Fitantanana ny hetra | 18 | 4 | 11 | 3 | 0 | 22,22 | 79 306 903 000,00 | 78 203 823 780,14 | 98,61 |
| | 116 | Fadintseranana | 6 | 1 | 5 | 0 | 0 | 16,67 | 46 932 337 000,00 | 42 004 427 147,12 | 89,50 |
| | 117 | Tahirimbola | 29 | 9 | 17 | 2 | 1 | 31,03 | 1 528 258 382 000,00 | 1 357 244 184 857,26 | 88,81 |
| | 129 | Fanaraha-maso ny tetibola sy ara-bola | 7 | 6 | 1 | 0 | 0 | 85,71 | 24 979 864 000,00 | 24 418 444 779,65 | 97,75 |
| | 130 | Fitantanana ny vola ho an'ny mpiasam-panjakana | 5 | 3 | 2 | 0 | 0 | 60,00 | 92 162 151 000,00 | 89 861 415 129,22 | 97,50 |
| | 803 | Hetsika ara-tsosialy sy fampandrosoana | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0,00 | 3 645 458 000,00 | 2 655 770 022,70 | 72,85 |
| | 014 | Fitantanana sy fandrindrana | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 13 190 724 000,00 | 9 364 536 511,25 | 70,99 |
| | 604 | Toekarena | 34 | 9 | 21 | 0 | 4 | 26,47 | 1 054 821 000,00 | 1 015 921 529,46 | 96,31 |
| | 612 | Teti-pivoarana | 30 | 14 | 12 | 0 | 4 | 46,67 | 82 490 000,00 | 82 477 900,00 | 99,99 |
| | | ***Fitambarany*** | **153** | **55** | **83** | **5** | **10** | **35,95** | **4 405 287 489 000,00** | **3 960 311 183 389,57** | **89,90** |
| *MTEF PLS* | 824 | Mampiroborobo ny fampidirana sy ny famerenana amin'ny asa | 10 | 1 | 9 | 0 | 0 | 10,00 | 80 500 000,00 | 74 203 622,64 | 92,18 |
| | 826 | Fampiroboroboana ny fitsirihana sy ny fitantanana ny asa | 8 | 0 | 8 | 0 | 0 | 0,00 | 364 033 000,00 | 352 006 024,07 | 96,70 |
| | 015 | Fitantanana sy fandrindrana | 9 | 4 | 5 | 0 | 0 | 44,44 | 23 110 779 000,00 | 21 929 472 952,98 | 94,89 |

| SEHATRA FITANTANAN-DRAHARAHA | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Amin'ny isa | | | | | % | Amin'ny Ariary | | % |
| And/ Min | Kaody | Fandaharan'asa | Ind. Insc | A | NA | ND | Aut | Taux de réal. | Sora-bola farany | Fandaniana | Tahan'ny vita |
| | 128 | Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha | 6 | 0 | 6 | 0 | 0 | 0,00 | 34 600 000,00 | 34 586 008,00 | 99,96 |
| | 131 | Mampiroborobo ny asam-panjakana matihanina, mifanaraka amin'ny toetr'andro, marina ary miompana amin'ny fikarakarana ny vahoaka | 12 | 4 | 8 | 0 | 0 | 33,33 | 287 710 000,00 | 276 815 902,02 | 96,21 |
| | 607 | Fampiroboroboana ny fitomboana ara-toekarena amin'ny alàlan'ny asa mendrika | 20 | 4 | 16 | 0 | 0 | 20,00 | 467 995 000,00 | 451 316 678,56 | 96,44 |
| | | ***Fitambarany*** | **65** | **13** | **52** | **0** | **0** | **20,00** | **24 345 617 000,00** | **23 118 401 188,27** | **94,96** |
| *MCC* | 030 | Fitantanana sy fandrindrana | 5 | 5 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 16 537 438 000,00 | 15 669 848 019,81 | 94,75 |
| | 212 | Fampitam-baovao | 14 | 14 | 0 | 0 | 0 | 100,00 | 1 085 000 000,00 | 9 932 500,00 | 0,92 |
| | 213 | Famolavolana fotodrafitrasa fampielezam-peo sy fahitalavitra | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66,67 | 6 051 376 000,00 | 6 050 404 311,40 | 99,98 |
| | 064 | Fitantanana sy fandrindrana | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0,00 | 3 385 784 000,00 | 3 189 405 013,20 | 94,20 |
| | 831 | Kolontsaina | 16 | 12 | 4 | 0 | 0 | 75,00 | 30 529 534 000,00 | 29 584 450 372,30 | 96,90 |
| | | ***Fitambarany*** | **38** | **33** | **5** | **0** | **0** | **86,84** | **57 589 132 000,00** | **54 504 040 216,71** | **94,64** |
| ***10 And.9 Min.* 73 Fand** | | | **738** | **349** | **352** | **20** | **17** | **47,29%** | **6 360 336 991 000,00** | **5 923 181 460 840,18** | **93,13 %** |

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

### b. Ny zava-bita isaky ny fandaharan'asan'ny Andrim-panjakana sy ny Minisitera tao amin'ny sehatry ny fitantanan-draharaha

- **FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny tanjona amin'ny fiantohana ny fampandehanana ankapobeny ny asa tao amin'ny Fiadidiana ny Repoblika dia tanteraka tamin'ny ampahany satria azo antoka ny fiarovana ny Filohan'ny Repoblika sy ny manodidina azy, ary ny fitaovana enti-manatanteraka ny fiarovana teny anivon'ireo faritra manan-danja sy ireo sampana dia azo. Nihemotra anefa ny fanamboarana sy fanarenana ireo trano teo anivon'ireto farany noho ny krizy ara-pahasalamana. Ho an'ny ANRE (Agence Nationale de Réalisation de l'E-gouvernance), dia tsy nisy hetsika fampiasana vola natao taorian'ny fandravana azy ireo.

- *Fanohanana ny fitondrana tsara tantana sy ny fanjakana tan-dalàna :* ao anatin'ny fanamafisana ny fahefan'ny Fanjakana, ny fanjakana tsara tantana ary ny fanjakana tan-dalàna, dia sehatra 9 tao amin'ny SNLCC (Paikadim-pirenena miady amin'ny kolikoly) no navitrika tamin'ny ady hanoherana ny kolikoly sy ny fampiroboroboana ny fitantanana raha 6 no novinavinaina tany am-boalohany. Nifanaraka tamin'ny vinavina ny tahan'ny fikirakirana sy fampitana ny tatitra momba ny

fifampiraharahana mampiahiahy (DOS) tany amin'ny tompon'andraikitra mahefa noho ny fampiharana ny fepetra hanamafisana ny fahombiazan'ny SAMIFIN (Sampan-draharaha Malagasy Iadiana amin'ny Famotsiam-bola). Na izany aza, 138 monja tamin'ny 550 noheverina fa raharaha kolikoly no voampanga fa nisy, voamarina sy nampitain'ny BIANCO (Birao mahaleo tena miady amin'ny kolikoly) teny amin'ny fitsarana noho ny fanakorontanana nateraky ny krizy ara-pahasalamana.

- *Fanohanana ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena :* Tondro 5 tamin'ireo 22 tafiditra tao anatin'ity fandaharan'asa ity no tratra, ny tena nanaitra indrindra dia ny isan-jaton'ny lehilahy (48%) sy ny vehivavy (51%), olon-dehibe 15-49 taona naneho fandeferana (fihetsika tsy fanilikilihana sy tsy fanavakavahana) manoloana ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH.

- **ANTENIMIERANDOHOLONA**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* Mba hampiroboroboana ny fitondrana tsara tantana teo amin'ny fitantanana ny Antenimierandoholona, nokarakaraina ara-potoana avokoa ny antontan-taratasy. Mikasika ny fanarenana ireo fotodrafitrasa dia trano miisa 21 tamin'ireo 40 nokasaina no vita ary nanara-penitra.

- *Fitantanana ny iraky ataon'ny parlemanteran'ny Antenimierandoholona:* tsy nisy hetsika goavana nataon'ireo Loholona.

- **ANTENIMIERAMPIRENENA**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* voahaja ny fe-potoana nanaovana ny antontan-taratasy na ny karama na ny faktiora.

- *Fitondrana tompon'andraikitra* : teo amin'ny fanamafisana ny fifandraisana eo amin'ny olom-boafidy sy ny olom-pirenena dia 1 562 ny fitsidihan'ny parlemantera natao tamin'ny 1 500 nokasaina ary na dia teo aza ny fihanaky ny Covid 19 maneran-tany, fandraisana anjara tamin'ny fivoriana iraisam-pirenena 35 tamin'ny 15 nandrasana no natao tamin'ny alàlan'ny fihaonana ampitain-davitra.

- **FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tsoa-kevitra 9 momba ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ara-bola tamin'ny 5 noheverina no noraisina, fivezivezenana, fisoloan-tena ary fitsidihana 45 natao hiantohana ny fahitana sy ny fisian'ny andrim-panjakana ary fampiharana ara-pitantanana ny informatika 2 (fitantanana ny tahiry sy ny fitantanana ny olona) no novolavolaina araka ny fitsipiky ny fitondrana tsara tantana. Na izany aza, ny hetsika mifandraika amin'ny fiofanana dia nofoanana avokoa noho ny toe-draharaha ara-pahasalamana.

- *Fitondrana tompon'andraikitra :* natao tamin'ny alàlan'ny peta-drindrina ny torolàlana momba ny olana ara-pifidianana ary nalefa tany amin'ireo distrika 114 mifanaraka amin'ny isan'ny

biraom-pifidianana. Ankoatra izay dia novolavolaina ihany koa ny fampiharana ny fitantanana ara-informatika ny disadisa sy ny fikirakirana ny voka-pifidianana, ary nahazo tombony tamin’ny fampitam-baovao sy fampahafantarana momba ny raharaham-pifidianana koa ny faritra. Na izany aza, tsy nisy fiofanana, fitsidihana fandratoana fianarana sy/na fifanakalozana traikefa na teo amin'ny firenena na teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, na ny fandraisana anjara tamin'ny fivorian'ny Fitsarana sy ny Filankevitra momba ny Lalàm-panorenana tany ivelany noho ny toe-draharaha ara-pahasalamana nanahirana.

- **FIADIDIANA NY PRAIMINISITRA**

  - *Fitantanana sy fandrindrana :* efa tanteraka ny vinavina rehetra toy ny fiarovana ny faritr'i Mahazoarivo amin'ny maha-Lapam-panjakana azy, ny fiantohana ny filamin'ny Praiminisitra.

  - *Fanohanana ny fampandrosoana :* fanohanana ny fampandrosoana maharitra ho an'i Madagasikara no tanjon'ity fandaharan'asa ity. Araka izany, tsy mbola nisy ny fampiharana ny hetsika sy ny fanampiana ho an’ny fampandrosoana ary ny antontan-taratasy politika mifehy ny fitantanana ny fiaraha-miasa amin’ny fampandrosoana. Fanampin’izany, dia narindra sy nampifanarahana tao anatin’ny rafitry ny antontan-taratasy stratejika ny fidirana an-tsehatra tany ambanivohitra sy ny hetsika ho an’ny fampandrosoana ambanivohitra.

- **FILANKEVITRY NY FAMPIHAVANANA MALAGASY**

  - *Fampihavanam-pirenena :* Hetsika fampihavanana sy fandriam-pahalemana miisa 7 no natao mba hametrahana tontolo manaja ny demokrasia ary fakan-kevitra 22 no natao hamerenana sy hanamafisana ny fitoniana ara-tsosialy.

- **VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA**

  - *Fampiharana ny zotram-pifidianana* : voaloa avokoa ny adidy ara-bola an'ny CENI sy ny rantsamangaikany ; namboarina ny fitaovana informatika simba ; tontosa avokoa ny fifidianana voatondro ho tapitra fe-potoana ny 2018-2020 miisa 5. Na izany aza, tsy nisy fitaovana azo ho an'ny fikarakarana ny fifidianana, na fanaka na fitaovana informatika ho an'ny CNTDI (Centre national de traitement des données informatiques). Torak’izany koa ny foibem-paritry ny informatika (CIR) sy ny foibe informatikan'ny distrika (CID) noho ny tsy fahampian’ny tetibola.

  - *Fanabeazana amin'ny fifidianana sy fifandraisana :* ao anatin'ny fampiharana ny paikadin'ny fanabeazana olom-pirenena momba ny fifidianana, nampahafantarina ny olom-pirenena ny zony sy ny andraikiny manoloana ny fifidianana mba hampiroboroboana ny fandraisan'ny olom-pirenena anjara amin'ny fifidianana.

- **FILANKEVITRA AMBONY MOMBA NY FIAROVANA NY DEMOKRASIA SY NY TANY TAN-DALANA**

- *Demokrasia :* tahaka ny tamin'ny taona 2019, ny demokrasia no hany fandaharan'asa tao anatin'ity andrim-panjakana ity. Araka izany, tondro tokana ihany no tratra tamin'ireo 15 voasoratra, mifandraika amin'ny isan'ny fanentanana, fidirana an-tsehatra na fanaraha-maso vita mba haha-laharam-pahamehana ny fanatsarana ny asam-panjakana ao anatin'ny fampiroboroboana ny fitondrana mahomby sy mandray andraikitra. Etsy ankilany, firaiketana fandikan-dalàna ara-pifidianana 10 monja tamin'ny 1000 nandrasana no voaray an-tànana, ary 25%-n'ny antontan-taratasy momba ny fidirana an-tsehatra miady amin'ny fandrahonana na fanakanana ny fampiroboroboana ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety no nahomby. Noho ny tsy fahampian'ny tetibola dia fanaraha-maso iray monja tamin'ireo 40 noheverina ho fanatsarana ny fitantanana ny raharaham-panjakana no tanteraka.

- **VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MIARO NY ZON'OLOMBELONA**

- *Fitantanana sy Fandrindrana :* Mba hampiakarana ny haavon'i Madagasikara eo amin'ny lafin'ny Zon'olombelona, dia fitaovana na fomba fiasa 4 ho fiarovana ny zon'olombelona no natao ary nisy ny atrikasa fanentanana momba ny fisorohana ny fanitsakitsahana. Ankoatra izay dia nisy ny fidinana ifotony miisa 4 natao hanatsarana ny fahalalana sy ny fananana ny zo mahaolona tany amin'ireo faritra kinendry.

- *Fampiroboroboana sy fiarovana ny zon'olombelona :* mikasika ny fampihenana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona eto Madagasikara amin'ny lafiny rehetra, mpisehatra 500 miahy ny zon'olombelona no nahazo fanatsarana fahaiza-manao, fandaharana anaty haino vaky jery 6 no nalefa araka ny nomanina ary atrikasa 2 fakan-kevitra momba ny fisorohana ny fanitsakitsahana no nokarakaraina. Na izany aza, ho fampihenana ny trangan'ny fanitsakitsahana tao amin'ny tontolon'ny fonja, 2 ihany ny toerana fitazonana am-ponja, toeram-pampitandremana ary fonja (fonja ao Toamasina sy Nosy Be Hell Ville) voatsidika tamin'ny 30 novinavinaina.

- **FITSARANA AVO**

- *Fahefana ara-pitsarana mahakasika olona ambony / Mpitantana :* ny fanafainganana sy ny fanatsorana ny fomba fiasa amin'ny fikarakarana antontan-taratasy eo amin'ny sehatry ny fitsarana sy ny tribonaly no tanjona manokana amin'ity fandaharan'asa ity. Koa satria tsy maintsy dinihina mialoha eny amin'ny Fitsarana Avo ny antontan-taratasy vao alefa eny amin'ny Antenimierampirenena, ny antsasak'ireo fangatahana dia tsy notsaraina afa-tsy teo amin'ny ambaratongan'ny Fitsarana Avo ihany

- **MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

**Iraka « Fiaraha-miasa sy fampandrosoana »**

- *Fiaraha-miasa iraisam-pirenena sy fampandrosoana ara-toekarena :* ao anatin'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa ara-toekarena iraisam-pirenena amin'ny alàlan'ny diplaomasia, ny tondro « tanjona tratra amin'ny tanjona nokasaina » dia tsy tratra afa-tsy 58% raha 75% araka ny tombana.

**Iraka « Raharaham-bahiny »**

- *Diplomasia sy fiaraha-miasa :* eo amin'ny fanatsarana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena ho amin'ny fampandrosoana maharitra an'i Madagasikara dia olona 550 no nisoratra anarana tao amin'ny REPEX (Représentations Extérieures) ary 15 ny fitsidihana avo lenta voaray na natao.

- **MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA**

**Iraka « Fiarovana sy Filaminana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ireo tondro roa nampidirina dia samy nahatratra ny tanjona nifanaraka tamin'ny vinavina, ary izany dia mahakasika ny tahan'ny fanarahana ny fenitra voafaritra amin'ny resaka filaminana sy fiarovana ary koa ny tahan'ny fahatomombanan'ny fampiasana ny loharanon-karena manoloana ny olana ara-pilaminana sy fiarovana.

- *Fitantanana ny politikan'ny fiarovana :* mitovy tamin'ny fandaharan'asa teo aloha, ny tondro dia efa tratra avokoa, anisan'izany ny tahan'ny fampidirana ny kolontsaina sy ny toe-tsaina fiarovana eo anivon'ny fiaraha-monina tamin'ny alàlan'ny fametrahana fitaovana ara-tafika ary koa ny fahavitrihan'ny fandraisana anjaran'ny tafika tamin'ny ady amin'ny fiparitahan'ny Covid 19.

**Iraka « Tafika malagasy »**

- *Tafika an-tanety :* nifanaraka tamin'ny vinavina ny zava-bitan'ny ankamaroan'ny tondro, ny tena manaitra indrindra dia ny taham-pamerenana ny omby halatra sy ny tahan'ny fampihenana ny tsy fandriam-pahalemana tany amin'ny faritra ambanivohitra (ZRPS) nosahanina. Tsy nihena afa-tsy 50% fotsiny ny isan'ny hetsika halatr'omby raha oharina tamin'ny 60% novinavinaina. Ny zava-bitan'ireo tondro 3 dia nambara fa tsy misy, dia ny tahan'ny fihenan'ny tsy fandriampahalemana manerana ny tanin'ny firenena, ny isan'ny fiofanana isaky ny sehatra manokana ary koa ny isan-jaton'ny miaramila miasa mahafehy ny fitsipiky ny fanoloran-tena.

- *Tafika ana-habakabaka :* mpanamory fiaramanidina 22 sy mpikirakira mekanika manam-pahaizana manokana momba ny fiaramanidina 9 no nofanina sy nomena toerana ; hetsika fiarovana sy fiarovana sivily miisa 6 no natao ho tombontsoan'ny mponina nifototra tamin'ny iraka famonjena voina tao anatin'ny hetsika « Ranobe », an'ny iraka misahana ny fitaterana fanampiana ny maha-olona tany Ambatondrazaka, ary ny fanampiana ireo mponina tany Atsimo miatrika ny kere.

- *Tafika an-dranomasina:* fisafoana an-dranomasina 165 andro no natao tamin'ny 477 nandrasana noho ny famerana ny famatsiana solika. Na izany aza, nihena hatramin'ny 9, 66% ny lozam- pifamoivoizana any an-dranomasina sy ireo faritra mitoka-monina raha 12% no novinavinaina tany am- boalohany.

- **SEKRETARIAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA MIADIDY NY ZANDARMARIA**

**Iraka « Zandarmariam-pirenena »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* hiadiana amin'ny kolikoly, nitombo ny tahan'ny fandinihana ireo fitarainana mikasika ny miaramila ary tombanana ho 98,70% ny tahan'ny fampiasana ny tetibola. Na izany aza, ny isan'ny drafitra stratejika sy ny torolàlana momba ny asa natao hiantohana ny fampandehanana araka ny tokony ho izy ny fitantanan-draharaha ary koa ny isan'ny fanaraha-maso nataon'ny manam-pahefana dia tsy tratra afa-tsy tamin'ny ampahany noho ny toe-javatra manodidina ny Covid 19.

- *Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka :* mba hifehezana ny tranga-na halatra omby sy asan-jiolahy dia tratra avokoa ny vinavina rehetra ary nihoatra noho izany aza, tamin'ity tranga ity dia 66,64% ny omby halatra tafaverina tamin'ny 6% noheverina ary omby amidy 500 683 no voasava tamin'ny 4 000 novinavinaina tany am-boalohany. Mikasika ny fampihenana ny asan-jiolahy dia 18 149 ny fitaovam-piadiana voasava ary 349 ireo mpanao hosoka voasambotra.

- *Fiofanana :* mikasika ny fanatsarana ny fandrakofana sy ny maha-matihanina ny mpiasan'ny Zandarimariam-pirenena (GN), 259 ny mpanatanteraka sy ny mpampianatra nampiofanina mba hampitomboana ny fifandanjan'ny Zandary/mponina (miohatra tamin'ny 150 noheverina), fiofanana miisa 67 no nomanina, ary mpianatra zandary miisa 1 184 no noraisina (fanomezan-dalana avy amin'ny filankevitry ny Minisitra). Taratasy fankasitrahana 7 tamin'ny 72 nandrasana ihany anefa no navoaka nandritra ny fiofanana.

- **MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

- Fitantanana sy fandrindrana : nifanaraka tamin'ny vinavina avokoa ny zava-bita mikasika ny fanatsarana ny tontolo iainana teny anivon'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana tamin'ny alàlan'ny fanentanana momba ny fambolen-kazo sy ny famolavolana ny drafitra hiadiana amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro na teo amin'ny ambaratongan'ny foibe na koa teo amin'ny rantsamangaikan'ny Minisitera ary koa ny fampahafantarana sy ny fampanajana ny didy aman-dalàna mifehy ny tontolo iainana.

- *Fitantanana ny lafin-tany :* nohamafisina ny fahefam-panjakana sy ny fitondrana tsara tantana tamin'ny alàlan'ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mpiasan'ny kaominina eo amin'ny fitantanana sy ny fifehezana ny tetikasan'ny kaominina. Nihena ihany koa ny tsy fandriam-pahalemana

noho ny fanavaozana ny fitantanana ara-taratasy ny omby sy ny fananganana fikambanana mandray anjara eny ifotony.

- *Fitsinjaram-pahefana sy fampandrosoana ifotony:* teo amin'ny fampiharana ny politikan'ny fitsinjaram-pahefana ho tombontsoan'ny fampandrosoana ifotony, fanohanana 114 ho an'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana no nampiharina vokatry ny iraka famaritana fomba fijery teo amin'ny faritra 7 ao amin'ny Foibem-pitantanana ny Fitsinjaram-pahefana, ka ny tanjona sy ny fitaovana ankapobeny ho an'ireo olom-boafidy vaovao dia efa fantatra ary nohamafisina ny fahaiza-manaon'ny Ben'ny tanàna sy ny mpitahiry vola.

- *Fanavaozana ny fitantanan-draharaha :* noho ny fanomezana fitaovana informatika ho an'ny distrika, dia vita ny 50%-n'ny hetsika fanavaozana momba ny fitantanana ny lafin-tany.

- *Fitantanana ny loza sy ny tandindon-doza :* fitaovana teknika 9 momba ny drafitra, fampiharana sy fanaraha-maso ho an'ny fiomanana sy fiatrehana amin'ny vonjy taitra no novolavolaina. Taorian'ny tsy famoahana ny tetibolan'ny Biraom-pirenena misahana ny loza voajanahary sy ny tandindon-doza (BNGRC) ho an'ny taona 2020, na dia ny antsasaky ny fandraisana an-tànana nomanina ihany aza no natao, dia antontan-taratasy politika vaovao 2 sy fandaharan'asa fampandrosoana amin'ny sehatra fampandrosoana ho amin'ny fitantanana ny loza sy ny tandindon-doza no efa vita.

- **MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* azo antoka ny fangaraharana sy ny fahombiazana teo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana sy ny fitantanam-bola noho ny fampiharana ny fenitry ny asa hanamafisana ny rafitra fitsirihana sy fanaraha-maso-tombana ary fanarenana ny fitantanana ny polisim-pirenena. Ankoatra izay, noho ny fanamafisana ny fanentanana sy ny fanaraha-maso nataon'ny Fitsirihana Ankapoben'ny Polisim-pirenena dia nihena ny isan'ireo mpitandro filaminana voarohirohy tamin'ny kolikoly sy ny tranga tahaka izany.

- *Filaminam-bahoaka :* mikasika ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny polisim-pirenena dia tsy tratra ny tanjona satria nihena 1,29% fotsiny ny tahan'ny heloka bevava raha 1,63% no nandrasana. Toy izany koa ny tahan'ny famahana ny olana, izay tsy nisy afa-tsy 41,26% noho ny fihenan'ny hetsika manoloana ny valan'aretina Covid 19.

- *Fanaraha-maso ny lafin-tany sy ny fitsikilovana ankapobeny :* ny tanjona ankapobeny dia ny hanamafisana ny fanangonam-baovao sy ny fanaraha-maso ny tanim-pirenena. Nihoatra lavitra noho ny tanjony ny zava-bita. Araka izany, angom-baovao 34.870 no nampiasaina, nozahana ary nampitaina tamin'ny polisim-pirenena tamin'ny 10.000 nandrasana ary 27,74%-n'ny antontan-taratasin-dia no nivoaka tamin'ny 10% novinavinaina tany am-boalohany taorian'ny fanatsarana ny fomba fiasa mifandraika amin'ny fanomezana pasipaoro mahazatra.

- *Fiofanana sy fanavaozana :* mpianatra ho polisy miisa 1 250 no voaray sy nanaraka fiofanana. Na izany aza, rijan-teny fampandehanan-draharaha iray (01) ihany no nohavaozina raha novinavinaina ho 6. Ny andinin-dalàna nokasaina hohavaozina nandritra ny taona 2020 dia tsy vita noho ny fanovàna natao tamin'ny laharam-pahamehanan'ny Minisitera, vokatry ny ady tamin'ny fihanaky ny Covid 19.

- **MINISITERAN'NY FITSARANA**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tao anatin'ny rafitry ny fanatsarana sy ny fanavaozana ny fitantanana ny sampan-draharaha ara-pitsarana mba hahazoana fahombiazana sy vokatra, 95%-n'ny atrikasa, ny zava-nitranga ary ny hetsika nahitana lohahevitra sy faritra manokana misy ny Fitsarana tamin'ny taona 2020 no naseho tamin'ny fampahafantaram-baovao. Fanampin'izany, ny 53%-n'ny sampan-draharahan'ny fitsarana sy ny firaketan-draharaha dia nampiasa fitaovana informatika sy rindrambaiko fikirakirana raharaha mba hametrahana teknolojia vaovao ho an'ny fanavaozana natao tao amin'ny rafi-pitsarana.

- *Fitantanana ny fitsarana:* Fitsarana ambaratonga voalohany 42 no nisokatra sy niasa tamin'ny 43 nandrasana. Ahemotra amin'ny taona 2021 ny fampandehanana ny TPI vaovaon'Antananarivo Avaradrano noho ny toe-javatra nifandray tamin'ny Covid 19. Ny tahan'ny raharaha notsaraina teo amin'ny ambaratongan'ny Fitsarana Ambony sy ny tahan'ny fangatahana notsaraina teo anivon'ny Fitsarana raharaham-panjakana dia tsy nahatratra ny tanjony vokatry ny fihenan'ny isan'ny antontan-taratasy voakarakara nandritra ny fihibohana.

- *Fitantanana ny fonja :* mikasika ny fametrahana ny fitantanana ny fonja manaja ny zon'olombelona, miantoka ny filaminana sy ny fampandrosoana, tondro tokana tamin'ny 7 voasoratra ihany no nahatratra ny tanjona, nifandraika tamin'ny tahan'ny fandosirana ambony indrindra izay tsy nihoatra ny sanda tamin'ny tanjona napetraka 0,4%. Tsy voafehy anefa ny tahan'ny fahabetsahan'ny voafonja sy ny tahan'ny tsy fanjarian-tsakafo mahery vaika teo amin'ireo voafonja satria naharitra ela ny asa fanamboarana ny fonja vaovao, ary nisy fiantraikany tamin'ny firongatry ny tsy fanjarian-tsakafo ny fiovaovan'ny tetibola natokana ho an'ny sakafon'ny voafonja.

- *Fanandratana ny fahamarinana:* tao anatin'ny ady atao amin'ny kolikoly, tsy mbola nisy raharaha notsaraina teo anivon'ny ambaratongan'ny fitsarana manokana ho an'ny ady amin'ny fanondranana an-tsokosoko andramena sy/na hazo sarobidy, satria naato nandritra ny fihibohana ny fotoam-pitsarana nokasaina hatao tamin'ny taona 2020, nitaky asa farafahakeliny indrindra nandritra ny volana maromaro. Torak'izany koa ny tahan'ny raharaha notsaraina teo anivon'ny sampana miady amin'ny kolikoly (PAC), 46,79%-n'ny raharaha no voatsara manoloana ny 60% novinavinaina. Mikasika ny fanamafisana ny ady amin'ny mpanelanelana dia nisy ny fahefana 4 araka izay efa nomanina (Fitsarana Ambony sy TPI Antananarivo sy Fitsarana Ambony ary TPI Toamasina) no nahazo

fitaovana hiadiana amin'ny mpanelanelana toy ny fakan-tsary fanaraha-maso sy ny fampiasana karatra elektronika.

- Fanaraha-maso ivelany ny fitantanam-bolam-panjakana : nahatratra ny tanjona ny ankamaroan'ireo tondro voatanisa, anisan'izany ny isan'ny didim-pitsarana farany sy ny didim-pitsarana navoakan'ny fitsarana ara-bola, ny isan-jaton'ny kaontin'ny fampielezan-kevitra voamarina, ary ny isan'ny tatitry ny volan'ny fampielezan-kevitra nataon'ny Vaomiera misahana ny asa Fanaraha-maso ny famatsiam-bola ny fiainana politika (CCFVP) navoaka sy nampahafantarina.

- **MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**
  **Iraka « Fitantanam-bola sy Tetibola »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* 79%-n'ny antontan-taratasy sy ny angom-baovao momba ny fitantanana ny volam-panjakana no natao ho azo ampiasaina sy marina, toy ny fametrahana fitahirizana angon-kevitra mba ho fampivondronana izany, ny famoahana ny tatitra momba ny Covid-19 nataon'ny MEF ho amin'ny fangaraharana ara-tetibola. Ankoatra izay, tafapetraka ny 94,02% -n'ny fenitra sy ny dingana momba ny fitantanana volam-panjakana, anisan'izany ny fametrahana ny famindrana ara-elektronika ny antontan-taratasy tamin'ny tsenam-baro-panjakana teny anivon'ny foibe sy ny fanaraha-maso ireo tetikasa 06 novatsiana tamin'ny findramam-bola avy any ivelany teo ambany fitantanan'ny sampandraharaha miadidy ny trosam-panjakana (DDP).

- *Fitantanana ny tetibola :* fitantanana mahomby, mandaitra ary mangarahara ny tetibolam-panjakana no tanjona, ka tondro 4 amin'ny 6 voasoratra no tratra. Ny tena nanaitra indrindra dia ny fisian'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana miisa 931 niofana momba ny tetibolan'ny fandaharan'asa, sy ny fanavaozana ny rijan-teny momba ny fitantanana ny fananam-panjakana, ka ny 40%-n'izy ireo no vita araka ny vinavina. Tsy nisy fiofanana azo natao anefa teo anivon'ny Sampan-draharaham-paritry ny Tetibola (SRB) sy ny Rafitra ara-bola (CIRFIN) manoloana ny fandrarana ny fikarakarana fivoriana sy fivezivezena noho ny hamehana ara-pahasalamana.

- *Fitantanana ny hetra :* nahafahan'ny mpandoa hetra miisa 14 765 nisoratra anarana ny hetsika anjarahetrako sy namerina amin'ny laoniny ireo mpandoa hetra 241 hafa tsy mbola nahaloa hetra. Ny tahan'ny fanohanana ara-toro-hevitra amin'ny resaka fifanolanana, fanangonan-ketra an-tery sy fanenjehana dia tanteraka 100% ary ny salan'isan'ny taham-panangonana hetra avy tamin'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana dia nahatratra 130,44%. Na izany aza, ny tahan'ny fanaraha-maso ny hetra niarahana tamin'ny NCU (Numéro Central Unique) dia tsy tratra afa-tsy 20% tamin'ny 75% nandrasana noho ny famerenana amin'ny ampahany ny fanaraha-maso ara-ketra ho an'ireo antontan-taratasy mety hampidi-doza.

- *Fadintseranana :* 90,33%-n'ny tanjona fampidiram-bola isan-taona no voaangona, birao 19 no nampihatra ny fomba famoahan'entana tsy misy taratasy araka ny novinavinaina (fifindrana mankany amin'ny « sydonia world »).

- Tahirimbolam-panjakana : nofoanana ny fandoavana ny 80%-n'ny vola tamin'ny alàlan'ny tahirimbolam-panjakana, tamin'ny fandoavana ny fisotroan-dronono amin'ny Paositra Money ho an'ireo misotro ronono izay nanao ny fangatahana. Ankoatra izay dia an-dàlam-pametrahana amin'izao fotoana izao ny fomba fandoavam-bola nomerika, natao handoavana ny vatsim-pianarana eny amin'ny anjerimanontolo sy ny mpampianatra FRAM (Fikambanan'ny Ray aman-dRenin'ny Mpianatra).

Mikasika ny fanatsarana ny fitantanam-bola sy ny fitantanam-bolan'ny sampan-draharaham-panjakana sy ny orinasa misy fandraisan'anjaran'ny fanjakana, indrindra ny fanatsarana ny fitantanana ny trosa, tratra ny tanjona satria ny sandan'ny trosan'ny Fanjakana foibe dia tsy nihoatra ny fara-tampon'ny trosa napetraky ny LFR 2020, nitentina 5 500 lavitrisa Ariary ho an'ny trosa ivelany ary 3 415,54 lavitrisa Ariary ho an'ny trosa anatiny. Nohajaina avokoa ny fe-potoana farany handoavana ny trosa, izany hoe voaloa avokoa ny filazana fandoavana vola rehetra. Na izany aza, dia tsikaritra ny fanodikodinam-bola nandritra ny fitsirihana natao tamin'ny fitantanana kaonty miisa 46. Vokatr'izany, ny Fandaharan'asan'ny Tahirim-bolam-panjakana dia nanomana ny fanamafisana ny fanamarinana ny kaontim-bolan'ireo mpitantana.

- *Fanaraha-maso ny tetibola sy ara-bola :* ny fanamafisana ny fanaraha-maso ny fitantanam-bolam-panjakana no hany tanjona tamin'ity fandaharan'asa ity ka nahatratra ny tanjony ny tondro rehetra afa-tsy ny taham-panaraha-maso ny sora-bola navoaka nataon'ny mpanara-maso ara-bola taorian'ny Covid-19.

- *Fitantanana ny vola ho an'ny mpiasam-panjakana :* nandritra ny fanamafisana ny fitantanana ara-bola sy tetibola ho an'ny mpiasam-panjakana dia 98,56% ny taham-pahavitàna mitambatra ny fandoavana karama raha oharina tamin'ny vinavina nanomboka ny 1 Janoary ka hatramin'ny 31 Desambra 2020. Ankoatra izany, ny tahan'ny fanangonana ireo latsak'emboka ara-tsosialy ary koa ny taham-pampiasana ny sora-bola ho an'ny karama dia vita 100%. Ambonin'izany, nihena ho 4% ireo fangatahana nolavina sy niandry raha 20% tamin'ny voalohany. Mikasika ny fanatsarana ny rafi-pandaminana, mivaingana, araka ny lalàna ary ara-pitsipika ho an'ny fitantanana ara-bola ny mpiasam-panjakana, dia nisy fanavaozana 2 natomboka sy notanterahina tamin'ny alàlan'ny rindrambaiko AUGURE sy ny fanitsiana ny tahirim-bola fisotroan-dronono tamin'ny fampidirana ireo mpiasa amin'ny fotoana fohy (ECD) ho mpikambana tao amin'ny tahirin'ny fisotroan-dronono ho an'ny fanjakana.

- *Hetsika ara-tsosialy sy fampandrosoana :* tamin'ireo tetikasa 61 noheverina dia 14 monja no vita, anisan'izany ny fanorenana Fiangonana tao Antsirabe, ny fanorenana sekoly misy efitra 3 tao Miarinarivo, ny asa fanajariana ny ilot de la vierge sns. Mikasika ny fanatsarana ny fotodrafitrasa teny ifotony sy ny fifampidinihana teny anivon'ny kaominina, tamin'ireo fotodrafitrasa 7 nokasaina ho an'ny

taona 2020, dia iray (01) ihany no voaray vonjimaika, ny 6 ambiny dia mbola tao anatin'ny dingan'ny asa nandritra ny telovolana fahaefatra.

**Iraka « Fitantanana ny toekarena »**

- *Teti-pivoarana :* momba ny fanamafisana ny fampiharana ny Drafitra Fampandrosoana an'i Madagasikara (PEM), ny 100% tamin'ireo tetik'asam-panjakana dia nifanaraka tamin'ny PEM ary atrikasa fanaraha-maso 4 ny tetik'asa novatsian'ny UNICEF, PNUD, UNFPA ary UNDAF no vita. Ankilany, tsy nisy manam-pahaizana ara-modely sy mpandalina momba ny mponina noraisina. Mbola miandry ny fandinihan'ny filankevi-pitantanan'ny INSTAT ny fanapahan-kevitra momba ny fandraisana mpiasa.

**- MINISITERAN'NY ASA, FAMPANANAN'ASA, ASAM-PANJAKANA ARY NY LALANA SOSIALY**

**Iraka « Asa sy lalàna sosialy »**

- *Mampiroborobo ny fampidirana sy ny famerenana amin'ny asa :* mikasika ny fanamafisana ny hetsika mifandraika amin'ny fanatsarana ny fepetra fototry ny mpiasa tena marefo, 35% tamin'ny asa tsy manara-drafitra fantatra dia niova ho manara-drafitra, na dia tsy nitombo afa-tsy 15% fotsiny aza ny isan-jaton'ny mpiasa mifandray amin'ireo vondrona miasa anatin'ny fampiroboroboana ny asa mendrika, raha 27% no nandrasana. Mikasika ny Fandaharan'asam-pirenena ho an'ny Asa mendrika (PPTD) dia tsy nisy ny zava-bita ofisialy noho ny tsy fisian'ny sonia manamarina ny fifanarahana teo amin'ny Fanjakana Malagasy sy ny solontenan'ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny Asa (BIT) Genève ary ireo mpiara-miombon'antoka.

- *Fampiroboroboana ny fitsirihana sy ny fitantanana ny asa :* ny tanjona tamin'ny fiantohana ny fampandehanana ny fitantanana ny asa sy ny fampiroboroboana ny asa mendrika dia tsy tratra afa-tsy tamin'ny ampahany ihany. Araka izany, ny tahan'ny fiahiana ara-tsosialy dia 3% fotsiny tamin'ny 35% nandrasana. Raha ny fametrahana ny fitantanana ny asa nohavaozina sy manakaiky ny manan-draharaha dia 25% tamin'ireo rijan-teny no nohavaozina ary 25% tamin'ny angom-baovao momba ny asa sy ny lalàna sosialy ihany no azo.

**Iraka « Asam-panjakana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* Nokarakaraina ara-potoana avokoa ny antontan-taratasin'ny mpiasa (voaray tamim-pahamalinana ary nokarakaraina tamim-pitandremana) araka ny toromarika sy ny fitsipika manan-kery. Faritra 23 no nahazo sampan-draharaham-panjakana momba ny asam-panjakana, fampananan'asa ary lalàna sosialy mba hametrahana asam-panjakana eny ifotony.

- *Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha :* 25%-n'ny fitaovana sy rafitra ara-dalàna mifandraika amin'ny fanaraha-maso ny fandraisana mpiasa no nisy noho ny famadihana ny tetibola ho

amin'ny fahamehana ara-pahasalamana. Mikasika ny fandraisana mpiasa tsy raikitra mifanaraka amin'ny tetibola, dia tsy nisy mpiasa noraisina raha oharina tamin'ny fandrindrana ny filàna mpiasa noho ny fampiatoana ny fandraisana mpiasam-panjakana.

- *Mampiroborobo ny asam-panjakana matihanina, mifanaraka amin'ny toetr'andro, marina ary miompana amin'ny fikarakarana ny vahoaka :* mikasika ny fanadiovana ny fandraisana mpiasam-panjakana, 10%-n'ny tsy fitoviana tamin'ny 40% notombanana no fantatra tamin'ny alàlan'ny fanamafisana ny fanaraha-maso. Momba ny fampahafantarana sy fanehoana mahakasika ny fampiharana ny Politikam-pirenena momba ny Fanofanana arak'asa (PNFOP), tsy nisy hetsika natao, na atrikasa nifanaovan'ny sendikà sy ny Fitaleavana miahy ny Mpiasa noho ny hamehana ara-pahasalamana. Mikasika ny fanavaozana ny rafi-pitantanana ny maha-mpiasam-panjakana dia 14 256 ny antontan-taratasy nokarakaraina tamin'ireo antontan-taratasy 20.000 nandrasana, tanjona tsy tratra satria mbola tao anatin'ny fametrahana ny AUGURE (Application Unique de Gestion Uniforme des Ressources humaines de l'Etat), ka niteraka fiatoan'ny fampiasana izany.

**Iraka « Asa »**

- *Fampiroboroboana ny fitomboana ara-toekarena amin'ny alàlan'ny asa mendrika:* tao anatin'ny fampiroboroboana ny asa mendrika sy mamokatra, ny 25% tamin'ireo tondro tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia nahatratra ny tanjony, dia ny fametrahana ivon-toeram-piofanana arak'asa hampiroboroboana ny fahafahan'ny mponina miasa sy ny famoronana asa; ary koa ny fampandehanana sy fanavaozana ireo antontan-kevitra mba hampifandraisana ny tontolon'ny matihanina, ny tsenan'ny asa ary ny rafitra fampahafantarana momba ny asa.

- **MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

**Iraka « Serasera »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ny tondro dia tanteraka nifanaraka tamin'ny vinavina, indrindra fa ireo izay mahakasika ny asa laharam-pahamehan'ny Minisitera, ny tatitra momba ny asa natao mba handrindrana ny mpiasa raisina ho EFA (Emploi de Fonctionnaire ou d'Auxiliaire) na ECD (Emploi de Courte Durée) ary koa ny momba ny tahan'ny fampiasana ny tetibola.

- *Fampitam-baovao :* 30 ny rafitra miahy tena sy rafitra mpiahy ny haino vaky jery no niasa mba handrafetana politika stratejika momba ny fifandraisana amin'ny andrim-panjakana ho an'ny asa fampandrosoana, antontan-taratasin'ny tetikasa 5 no namboarina mba hamelomana indray ny foibem-pampahalalam-baovao, ary 75% tamin'ny rafitra miahy tena (holafitry ny mpanao gazety) sy ny rafitra mpiahy ny haino vaky jery (Agence Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée ANRCM, Observatoire de presse) no tafapetraka mba hifehezana ny maha-haino vaky jery matihanina.

- *Famolavolana fotodrafitrasa fampielezam-peo sy fahitalavitra :* nandritra ny fanamboarana fotodrafitrasa ara-peo sy ara-jery dia toerana ara-teknika vaovao miisa 20 no naorina ary

fotodrafitrasa ara-teknika sy ara-pitaovana ary trano fiasan'ny ORTM (Office de la Radio et de la Télévision Publique de Madagascar) miisa 120 no nohavaozina. Na izany aza, ny taham-pandrosoana tamin'ny fifindrana mankany amin'ny nomerika dia tsy vita afa-tsy 20% tamin'ny 25% nandrasana.

- *Kolontsaina :* tratra ny ankamaroan'ny tondro ary nihoatra noho ny nantenaina aza ny sasany. Araka izany, karazana hetsika ara-kolontsaina 150 no naseho ary sehatra 10 mampiditra ny kolontsaina amin'ny paikadiny no hita. Na izany aza, tsy nisy fananana ara-kolontsaina nosokajiana ho vako-pirenena na vakoka maneran-tany nandritra ny taona 2020. Mikasika ny fanamafisana ny maha firenena kosa dia nahatratra 100% ny taham-pivoaran'ny fanarenana ny Rovan'Antananarivo raha 40% ny tombana. Mikasika ny fampiroboroboana ny kolontsaina dia foibe ara-kolontsaina miisa 5 no natsangana ary hetsika 10 nanasongadina ny maha tokana sy miavaka ny kolontsaina eto Madagasikara no nokarakaraina.

### 2. *Sehatra sosialy*

#### a. <u>Ny zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ny Minisitera tao amin'ny sehatra sosialy</u>

Ny sehatra sosialy dia nahitana Minisitera 6, iraka 8 ary fandaharan'asa 22, izay misy Tanjona Ankapobeny 27 sy Tanjona Manokana 66.

Ny tondro voasoratra dia 105, ka ny 46 tamin'ireo no nahatratra ny tanjony, nahitana ny taham-panatanterahana 43,81%, ka nametraka ity sehatra ity ho laharana fahatelo tamin'ny fahatrarana ny tanjona nokendrena.


Tafiditra tao anatin'ny fanatanterahana ny asa, ny sora-bola farany dia tombanana ho 2 356,72 lavitrisa Ariary. Tamin'ny faran'ny taona dia nitentina 1 766,33 lavitrisa Ariary ny vola lanin'izy ireo, izany hoe 74,95% ny taham-pandaniana.

**<u>Fafana 13 : Zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ny Minisitera tao amin'ny sehatra sosialy</u>**

| Amin'ny isa | | | | | | | | | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Min | Ira. | Fand. | OG | OS | Tanjona | | Tratra | Tsy tratra | ND | Hafa | Sora-bola | | Fandaniana |
| | | | | | Voalohany | Farany | | | | | Voalohany | Farany | |
| 6 | 8 | 22 | 27 | 66 | 103 | 105 | 46 | 56 | 3 | 0 | **2 413,53** | **2 356,72** | **1 766,33** |

<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

**Kisary 2 : Fahombiazan'ny sehatra sosialy tamin'ny 2020 (amin'ny %)**




Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

### b. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta tao amin'ny sehatra sosialy

**Fafana 14 : Famintinana ireo zava-bita sy fampiasana ny vola tamin'ireo Minisitera tao amin'ny sehatra sosialy**

| SEHATRA SOSIALY | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Amin'ny isa | | | | | % | Amin'ny ariary | | % |
| **Minisitera** | **Kaody** | **Fandaharan'asa** | **Tondro** | **Tratra** | **TT** | **TV** | **hafa** | **Tahan'ny vita** | **Sora-bola farany** | **Fandaniana** | **Tahan'ny vita** |
| Min Sanp | 024 | Fitantanana sy fandrindrana | 4 | 3 | 1 | 0 | 0 | 75,00% | 226 110 624 000,00 | 209 757 616 919,65 | 92,77% |
| | 505 | Ady amin'ny valan'aretina | 4 | 2 | 2 | 0 | 0 | 50,00% | 186 480 187 000,00 | 2 651 751 015,03 | 1,42% |
| | 506 | Famelomana sy fampandrosoana ny reny sy ny zaza | 4 | 2 | 2 | 0 | 0 | 50,00% | 182 957 398 000,00 | 60 757 499 319,48 | 33,21% |
| | 508 | Fanampiana ara-pahasalamana manara-penitra | 6 | 4 | 2 | 0 | 0 | 66,67% | 134 438 386 000,00 | 96 092 469 230,32 | 71,48% |
| | | ***Fitambarany*** | **18** | **11** | **7** | **0** | **0** | **61,11%** | **729 986 595 000,00** | **369 259 336 484,48** | **50,58%** |
| MJS | 045 | Fitantanana sy fandrindrana | 10 | 3 | 7 | 0 | 0 | 30,00% | 15 035 830 000,00 | 13 697 032 003,08 | 91,10% |
| | 312 | Tanora sy fialam-boly | 11 | 2 | 9 | 0 | 0 | 18,18% | 4 678 210 000,00 | 1 514 895 891,20 | 32,38% |
| | 301 | Fanatanjahan-tena | 12 | 2 | 9 | 1 | 0 | 16,67% | 48 394 036 000,00 | 47 059 798 603,76 | 97,24% |
| | | ***Fitambarany*** | **33** | **7** | **25** | **1** | **0** | **21,21%** | **68 108 076 000,00** | **62 271 726 498,04** | **91,43%** |
| MPPSPF | 066 | Fitantanana sy fandrindrana | 4 | 2 | 2 | 0 | 0 | 50,00% | 15 031 141 000,00 | 13 529 925 413,68 | 90,01% |
| | 828 | Mponina sy fampandrosoana | 5 | 3 | 2 | 0 | 0 | 60,00% | 10 509 887 000,00 | 798 801 738,00 | 7,60% |

| SEHATRA SOSIALY | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Amin'ny isa | | | | | % | Amin'ny ariary | | % |
| Minisitera | Kaody | Fandaharan'asa | Tondro | Tratra | TT | TV | hafa | Tahan'ny vita | Sora-bola farany | Fandaniana | Tahan'ny vita |
| | 829 | Miralenta sy fampandrosoana | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 2 913 136 000,00 | 584 074 993,17 | 20,05% |
| | 830 | Fiahiana ara-tsosialy | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 17 226 166 000,00 | 3 401 047 382,01 | 19,74% |
| | | ***Fitambarany*** | **13** | **9** | **4** | **0** | **0** | **69,23%** | **45 680 330 000,00** | **18 313 849 526,86** | **40,09%** |
| MEN | 067 | Fitantanana sy fandrindrana | 5 | 0 | 5 | 0 | 0 | 0,00% | 872 688 114 000,00 | 846 029 204 589,65 | 96,95% |
| | 313 | Fanabeazana garabola | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50,00% | 3 196 233 000,00 | 2 483 536 250,00 | 77,70% |
| | 314 | Fanabeazana fototra ho an'ny 9 taona | 5 | 2 | 3 | 0 | 0 | 40,00% | 354 019 245 000,00 | 229 089 002 188,69 | 64,71% |
| | 315 | Fanabeazana tsy manara-drafitra | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66,67% | 167 168 000,00 | 126 127 299,78 | 75,45% |
| | 316 | Fampianarana ankapobeny ambaratonga faharoa | 4 | 2 | 2 | 0 | 0 | 50,00% | 11 162 811 000,00 | 4 804 861 387,50 | 43,04% |
| | | ***Fitambarany*** | **19** | **7** | **12** | **0** | **0** | **36,84%** | **1 241 233 571 000,00** | **1 082 532 731 715,62** | **87,21%** |
| METFP | 049 | Fitantanana sy fandrindrana | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 30 628 970 000,00 | 29 477 578 318,57 | 96,24% |
| | 309 | Fampiofanana arak'asa sy ara-teknika | 5 | 1 | 3 | 1 | 0 | 20,00% | 24 210 694 000,00 | 17 022 378 403,12 | 70,31% |
| | | ***Fitambarany*** | **6** | **2** | **3** | **1** | **0** | **33,33%** | **54 839 664 000,00** | **46 499 956 721,69** | **84,79%** |
| MESUPRES | 028 | Fitantanana sy fandrindrana | 7 | 5 | 2 | 0 | 0 | 71,43% | 206 575 265 000,00 | 177 282 784 334,32 | 85,82% |
| | 310 | Fampianarana ambony | 4 | 1 | 3 | 0 | 0 | 25,00% | 7 589 456 000,00 | 7 475 973 921,42 | 98,50% |
| | 050 | Fitantanana sy fandrindrana | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 2 302 700 000,00 | 2 300 206 959,92 | 99,89% |
| | 311 | Fikarohana siantifika | 3 | 2 | 0 | 1 | 0 | 66,67% | 401 748 000,00 | 390 396 862,00 | 97,17% |
| | | ***Fitambarany*** | **16** | **10** | **5** | **1** | **0** | **62,50%** | **216 869 169 000,00** | **187 449 362 077,66** | **86,43%** |
| **6 Minisitera 22 Fand** | | | **105** | **46** | **56** | **3** | **0** | **43,81%** | **2 356 717 405 000,00** | **1 766 326 963 024,35** | **74,95%** |

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

## - MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ny fampivelarana ny fahaiza-mitantana sy ny fitantanana ny rafi-pahasalamana no tanjon'ity fandaharan'asa ity. Biraom-panjakana miisa 5, araka izany no efa nampiana fitaovana sy fanaka ho an'ny birao hiantohana ny fanatsarana ny fotodrafitrasa ara-pitantanana sy ny fampitaovana ara-informatika. Nidina ho 35% tamin'ny vinavina 40% ny isan-jaton'ny CSB2 tsy misy mpitsabo noho ny fifanarahana tamin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola sy ny fandraisana dokotera nataon'ny Fanjakana. Distrika 10 monja tamin'ny tombana 15 no nanana CSU (Couverture Santé Universelle) noho ny fihibohana ara-pahasalamana izay nanemotra ny fampiasana izany tany amin'ireo distrika.

- *Ady amin'ny valan'aretina :* teo amin'ny fanaraha-maso ny valan'aretina, distrika 28 no narahi-maso ary 87%-n'ny TDR (Tests de Diagnostic Rapide du paludisme) no nozaraina, naterina ara-potoana mba hisorohana ny tsy fahampian'ny tahiry. Na izany aza, ny tahan'ny fitiliana ny antony

mahatonga ny aretina dia tsy tratra afa-tsy 13,8% noho ny tsy fahampian'ny fitaovana fitiliana teo amin'ny sehatry ny fahasalamana, ny tsy fahampian'ny fanentanana ny mponina ary ny tsy fahampian'ny mpiasa voaofana.

- *Famelomana sy fampandrosoana ny reny sy ny zaza :* 92% ny tahan'ny fandrakofana ny vaksiny rehetra, tratra araka ny nokasaina noho ny fitohizan'ny hetsika fanaovana vaksiny na dia teo aza ny trangan'ny Covid-19. Nahatratra 36,5% ny taham-piterahana teny anivon'ny tobim-pahasalamana noho ny fanomezana KIA (Kits Individuels pour Accouchement), sy noho ny fiofanana momba ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza vao teraka. Na izany aza, tao anatin'ny fanamafisana ny fisorohana sy ny fandraisana an-tànana ny tsy fahampian-tsakafo ho an'ny zaza latsaky ny 5 taona, 2% monja tamin'ny tombana 9% no tsy ampy lanja hita tamin'ny fizaham-pahasalamana ivelany, noho ny tsy fahampian'ny fitaovana sy fampitaovana teny anivon'ireo CSB.

- *Fanampiana ara-pahasalamana manara-penitra :* Foibem-pitsaboana 13 ho an'ny distrika (CHRD) no nampanarahina ny fenitra mba hiantohana ny fikarakarana ara-dalàna teny amin'ny hopitaly isam-paritra sy distrika. Mikasika ny fanatsarana ny tolotra sy ny fahafahan'ny mponina misitraka ny fikarakarana manara-penitra dia nisy ny fampitaovana ara-pahasalamana teny anivon'ny tobim-pahasalamana ary koa kitapon-drà teny anivon'ny hopitaly.

- **MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA**

**Iraka « Tanora »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* niravona avokoa ny fifanaraham-piaraha-miasa iraisam-pirenena, nasionaly ary isam-paritra ho an'ny sehatry ny tanora sy ny fanatanjahan-tena ka tanjona ny hampivelatra ny fiaraha-miasa. Vokany, mba hanamafisana ny fahaiza-manao nasionaly teo amin'ny sehatry ny tanora sy ny fanatanjahan-tena isan'ambaratongany, 192 ireo mpanatanteraka teo amin'ny fitantanana ny tanora sy ny fanatanjahan-tena no nahazo fiofanana momba ny lamina fampandrosoana ny matihanina (PPC). Etsy andaniny, ny antsasa-manilan'ny teknisianina/vondrona teo amin'ny sehatry ny tanora sy ny fanatanjahan-tena ihany no nahazo fiofanana tamin'ny fampandrosoana ny matihanina teny anivon'ny faritra sy teny ifotony.

- *Tanora sy fialam-boly :* Tondro 2 tamin'ny 9 voasoratra no tratra, dia ny isan'ny ivon-toeram-pandraharahana ho an'ny tanora voaofana sy voatohana ary koa ny isan'ny adolantsento sy tanora nianatra sy notohanana momba ny fahasalamana ara-pananahana. Tondro 6 no nanana vokatra tsy tsara loatra, anisan'izany toeram-pambolena hazo 2 no tafapetraka tamin'ny 22 nandrasana ho fampananan'asa-tanora (momba ny ala, sampana fanodinana, làlana ara-barotra), tetik'asa fandraharahana an-tanàn-dehibe sy ambanivohitra 30 tsara indrindra tamin'ny 88 nandrasana no notohanana ary adolantsento sy tanora 100 tamin'ny 100.000 nandrasana no voaaro tamin'ny karazana loza (fifohana sigara, fanondranana olona an-tsokosoko, herisetra mifototra amin'ny mahalahy na mahavavy, rongony, fivarotan-tenan'ny zaza tsy ampy taona, sns). Ankoatr'izay, tsy nisy zava-bita ho

an'ny fikarakarana ny hetsika mampiroborobo ny asan'ny tanora tamin'ny karazana seho momba ny asa noho ny Covid-19 izay nanakana izany.

**Iraka « Fanatanjahan-tena »**

- *Fanatanjahan-tena :* Atleta 40 no notohanana sy nokarakaraina tamin'ny satan'ny atleta avo lenta niaraka tamin'ny taham-pahombiazana ilaina amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena. Na izany aza, mpiasam-panjakana 1.000 monja tamin'ny 66.000 nandrasana no afaka niantsehatra tamin'ny fanatanjahan-tena mba hanatsarana ny fahasalamana ary ny fiahiana ara-tsosialy ny ankizy sy ny olon-dehibe noho ny tombotsoa amin'ny hetsika ara-batana ; sekoly, vondrona ary fiangonana 10 tamin'ny 100 noheverina no nampidirana sekoly ara-panatanjahan-tena sy fiainana (ESV) mahaleotena sy mamokatra. Ny angon-kevitra nifandraika tamin'ny isan'ny ankizy nahazo tolotra ara-panabeazana tsara kalitao, ny fanatsarana ny federasiona miandraikitra ny fanatanjahan-tena an-tsekoly sy eny amin'ny anjerimanontolo ho fanomanana ny mpandimby, ary ny fampianarana sy ny fanohanana ireo tanora manan-talenta ara-panatanjahantena malagasy ho tonga amin'ny sehatra avo lenta dia nambara fa tsy nisy.

- **MINISITERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY FAMPIVOARANA NY VEHIVAVY**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tao anatin'ny fanatsarana ny rafi-pampahalalam-baovaon'ny minisitera, dia nomena rafitra fampahalalam-baovao hiasana avokoa ireo fitaleavana nokendrena. Mikasika ny fanatsarana ny fitantanana ny fananam-panjakana dia 5%-n'ny fananam-panjakana ihany no voamarina vokatry ny trangan-javatra nifandray tamin'ny Covid 19, nanakana ny fivezivezena sy nampikatona ireo biraom-panjakana.

- *Mponina sy fampandrosoana :* momba ny fametrahana rafitra fiarovana mifanaraka amin'ny filan'ny zaza, zaza 64 419 tao anatin'ny toe-javatra manahirana (marefo, tsy voakarakara na tsy manana kopia nahaterahana, sns) no nokarakaraina, na dia tsy nisy fikambanana nentanina hanao izany aza mba hanohanana ireo hetsika ara-piaraha-monina. Mikasika ny fanilihana ara-tsosialy ny zokiolona sy/na ireo manana fahasembanana, zokiolona 13 710 no nahazo fanohanana, fikarakarana ary/na fanoroan-dàlana tamin'ny fanohanan'ireo ONG mpiara-miombon'antoka mba hampihenana ny fanilikilihana ara-tsosialy.

- *Miralenta sy fampandrosoana :* tratra ny tanjona tamin'ny fanatsarana ny sata ara-tsosialy sy ara-toekarena ary araka ny lalàna mikasika ny vehivavy. Noho izany, mba hanatsarana ny fanohanana ireo niharan'ny herisetra mifototra amin'ny mahalahy na mahavavy, vehivavy 4 312 no notohanana ary rafitra fikarakarana 13 no niasa tamin'ny alàlan'ny fametrahana foibe fihainoana sy mpanoro-hevitra momba ny lalàna, notohanana tamin'ny alàlan'ny FNUAP.

- *Fiahiana ara-tsosialy :* Tokantrano 622 375 no nahazo tombontsoa tamin'ny « Tosika Fameno » niatrehana ny Covid 19 ary olona 314 834 voatondro ho marefo sy/na tratry ny fahasahiranana no notohanana ara-tsakafo, fitafiana, bodofotsy, kojakoja fidiovana ary/na fitaovana an-dakozia.

- **MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

  **Iraka « Fanabeazana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tsy tratra ny taham-pandraiketana ny fandaniana na teo anivon'ny foibe na ny faritra noho ny fahataran'ny fanendrena ireo mpisehatra momba ny tetibola taorian'ny fivakisan'ny minisitera.

- *Fanabeazana garabola :* 50%-n'ny sekoly fanabeazana fototra ho an'ny fanjakana sy vondrona ara-piarahamonina dia efa nanana ivon-toeram-panabeazana mikendry ny hanitarana sy hanatsarana ny tolotra ho an'ny besinimaro momba ny fampianarana garabola ary ny 30%-n'ny mpanabe dia nahazo mari-panamarinam-pahaizana ho fampivoarana ny kalitaon'ny fampianarana.

- *Fanabeazana fototra ho an'ny 9 taona :* ny fampiroboroboana ny kalitaon'ny fampianarana fototra no tanjona ankapobeny sy miavaka tamin'ity fandaharan'asa ity. 49,28%-n'ny mpiadina no afaka tamin'ny fanadinana BEPC ary 38 560 ny mpampianatra tsy mpiasam-panjakana notolorana fanampiana ho fanamaivanana ny vesatry ny ray aman-dreny. Ankoatra izay dia efitrano fianarana miisa 120 no naorina na nohavaozina ho fanatsarana ny rafitra fandraisana izay mifandray amin'ny fanabeazana fototra.

- *Fanabeazana tsy manara-drafitra :* hampiroboroboana ny fampianarana tsy manara-drafitra, ankizy/tanora 46 195 latsaky ny 16 taona izay marefo sy niala tao anatin'ny rafi-pampianarana no naverina tao anatin'ny rafitra manara-drafitra ary 24 ny sekolin'ny ray aman-dreny natsangana hampiroborobo ny fanabeazana olom-pirenena sy maha-olom-pirenena. Nihena anefa ny tahan'ny fitomboan'ny tanora sy ny olon-dehibe nanatrika fampianarana mamaky teny sy manoratra noho ny hamehana ara-pahasalamana.

- *Fampianarana ankapobeny ambaratonga faharoa :* ho fanatsarana ny fidirana, ny fitoviana ary ny fitazonana ny fampianarana ankapobeny ambaratonga faharoa, sekoly ambaratonga faharoa 539 no nomena vola mba hampihenana ny vola aloan'ny ray aman-dreny ary efitrano fianarana 60 no naorina/nahavaozina mba hanatsarana ny fandraisana teny anivon'ny fampianarana ankapobeny ambaratonga faharoa. Mikasika ny vokatra dia 47%-n'ny mpiadina no afaka tamin'ny fanadinana bakalorea.

- **MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY FAMPIOFANANA ARAK'ASA**

- *Fampiofanana arak'asa sy ara-teknika :* tondro tokana tamin'ireo 5 voasoratra no nahatratra ny tanjona araka ny nokasaina, nifandraika tamin'ny isan-jaton'ny olona voaofana oharina tamin'ny

filana ara-pahaiza-manao. Mikasika ny fanatsarana ny kalitao sy ny maha-zava-dehibe ny fampiofanana dia olona 15 917 no nahazo mari-panamarinana fahaizana tamin'ny tombana ho 30 600, ary taranja fiofanana sy fandaharam-pianarana 6 no natao tamin'ny 10 nandrasana noho ny fihibohana izay nametra ny fanatanterahana izany. Niteraka fahatarana ihany koa ny fiovana ara-drafitra teo amin'ny minisitera.

- **MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA**

**Iraka « Fampianarana ambony »**

- *Fampianarana ambony :* ny fandraisana anjara amin'ny fampiakarana ny rafi-pampianarana ambony no tanjona ankapobeny tamin'ny fandaharan'asa. Sampana anjerimanontolo 3 no nanaovana tomban'ezaka.

**Iraka « Fikarohana siantifika »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ny asa fototry ny fikarohana siantifika niompana tamin'ny fampisongadinana ny vokatry ny fikarohana hatramin'ny nahatongavan'ny Coronavirus teto Madagasikara.

- *Fikarohana siantifika :* nambara fa tsy nisy ny antontan-kevitra nifandraika tamin'ny isan'ny fanamarinana voka-pikarohana tafapetraka tao amin'ny OMAPI (Office Malgache de la Propriété Industrielle). Na izany aza, fanamarinana voka-pikarohana 12 afaka miasa eto Madagasikara sy fanamarinana voka-pikarohana ho an'ny daholobe toy ny fanamainana ny voankazo ary koa fanamarinana miisa 28 ho fampidirana ny zava-maniry tsy fahita firy afa-tsy eto Madagasikara no nalefa tany amin'ny tambajotra CATI (Centre d'Appui à la Technologie et à l'Innovation) Madagasikara mba hapetraka any amin'ny OMAPI.

### 3. *Sehatra fotodrafitrasa*

**a. <u>Ny zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ny Andrim-panjakana sy Minisitera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa</u>**

Ny sehatra fotodrafitrasa dia nahitana Minisitera 5, manana iraka 12 sy fandaharan'asa 24, izay misy Tanjona Ankapobeny miisa 28, mizara ho Tanjona manokana 47. Tondro 136 no nisy, ka ny 49 tamin'ireo no tratra, na 36,03%, ambany ny zava-bita raha oharina tamin'ny sehatra hafa.

Ity sehatra ity dia nahazo 1 407,84 lavitrisa Ariary tamin'ny sora-bola farany tamin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny izay nanombanana ny fandaniana tamin'ny faran'ny taom-piasana ho 871,71 lavitrisa Ariary, izany hoe 61,92%-n'ny sora-bola nomena.


Ity fafana manaraka ity dia mamintina ny zava-bitan'ny sehatra fotodrafitrasa :

**<u>Fafana 15 : Ny zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ny Minisitera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa</u>**

<table>
<tr><th colspan="11">Amin'ny isa</th><th colspan="3">Amin'ny lavitrisa Ariary</th></tr>
<tr><th rowspan="2">Min</th><th rowspan="2">Irak</th><th rowspan="2">Fand.</th><th rowspan="2">OG</th><th rowspan="2">OS</th><th colspan="2">Tanjona</th><th rowspan="2">Tratra</th><th rowspan="2">Tsy tratra</th><th rowspan="2">T.V</th><th rowspan="2">Hafa</th><th colspan="2">Sora-bola</th><th rowspan="2">Fandaniana</th></tr>
<tr><th>Voaloha</th><th>Farany</th><th>Voalohany</th><th>Farany</th></tr>
<tr><td>5</td><td>12</td><td>24</td><td>28</td><td>47</td><td>126</td><td>136</td><td>49</td><td>85</td><td>1</td><td>1</td><td>1 657,11</td><td>1 407,84</td><td>871,71</td></tr>
</table>

<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

**Kisary 3 : Fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2020 (amin'ny %)**




Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

**b. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo Minisitera teo anivon'ny sehatra fotodrafitrasa**

**Fafana 16 : Famintinana ny zava-bita sy fampiasana vola tamin'ireo Minisitera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa**

| SEHATRA FOTODRAFITRASA | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Amin'ny isa | | | | | % | Amin'ny lavitrisa | | % |
| Minisitera | Kaody | Fandaharan'asa | Tondro | Tratra | TT | TV | hafa | Tahan'ny vita | Sora-bola farany | Fandaniana | Tahan'ny vita |
| MEH | 031 | Fitantanana sy fandrindrana | 3 | 1 | 2 | 0 | 0 | 33,33% | 4 931 507 000,00 | 4 598 797 464,94 | 93,25% |
| | 203 | Fampivoarana ny fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ny loharanon'angovo eto an-toerana | 12 | 2 | 10 | 0 | 0 | 16,67% | 164 791 149 000,00 | 62 625 893 197,35 | 38,00% |
| | 032 | Fitantanana sy fandrindrana | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 2 400 636 000,00 | 2 392 379 515,80 | 99,66% |
| | 204 | Fampivoarana ny sehatry ny solitany sy ny solika mifangaro | 5 | 3 | 2 | 0 | 0 | 60,00% | 41 000 000,00 | 40 512 570,00 | 98,81% |
| | | ***Fitambarany*** | **20** | **6** | **14** | **0** | **0** | **30,00%** | **172 164 292 000,00** | **69 657 582 748,09** | **40,46%** |
| MEAH | 032 | Fitantanana sy fandrindrana | 3 | 0 | 2 | 1 | 0 | 0,00% | 4 784 775 000,00 | 3 706 077 959,70 | 77,46% |
| | 205 | Fampiroboroboana ny fampidiran-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana | 17 | 2 | 15 | 0 | 0 | 11,76% | 105 433 456 000,00 | 30 518 536 806,24 | 28,95% |
| | | ***Fitambarany*** | **20** | **2** | **17** | **1** | **0** | **10,00%** | **110 218 231 000,00** | **34 224 614 765,94** | **31,05%** |
| MATHTP | 018 | Fitantanana sy fandrindrana | 9 | 5 | 4 | 0 | 0 | 55,56% | 2 669 762 000,00 | 2 536 825 763,81 | 95,02% |
| | 409 | Tany sy filaminan'ny fananan-tany | 12 | 1 | 11 | 0 | 0 | 8,33% | 4 609 688 000,00 | 1 547 083 917,01 | 33,56% |
| | 020 | Fitantanana sy fandrindrana | 7 | 5 | 2 | 0 | 0 | 71,43% | 7 211 653 000,00 | 6 548 624 811,70 | 90,81% |
| | 206 | Fampandrosoana ny fotodrafitrasa momba ny làlana | 21 | 9 | 12 | 0 | 0 | 42,86% | 688 237 491 000,00 | 431 043 584 450,97 | 62,63% |

| SEHATRA FOTODRAFITRASA | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | **Amin'ny isa** | | | | | **%** | **Amin'ny lavitrisa** | | **%** |
| **Minisitera** | **Kaody** | **Fandaharan'asa** | **Tondro** | **Tratra** | **TT** | **TV** | **hafa** | **Tahan'ny vita** | **Sora-bola farany** | **Fandaniana** | **Tahan'ny vita** |
| | 218 | Fitantanana ny harena momba ny làlana | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50,00% | 1 126 458 000,00 | 235 205 643,75 | 20,88% |
| | 021 | Fitantanana sy fandrindrana | 6 | 3 | 3 | 0 | 0 | 50,00% | 32 292 919 000,00 | 24 168 169 407,78 | 74,84% |
| | 207 | Fampandrosoana sy fampitaovana ireo tanàn-dehibe | 13 | 3 | 9 | 0 | 1 | 23,08% | 177 662 235 000,00 | 158 021 963 641,81 | 88,95% |
| | 215 | Fampivoarana ny fotodrafitrasa | 6 | 4 | 2 | 0 | 0 | 66,67% | 126 848 848 000,00 | 81 659 324 923,33 | 64,38% |
| | 219 | Tanàna sy trano vaovao | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 6 074 034 000,00 | 1 395 078 212,08 | 22,97% |
| | | ***Fitambarany*** | **76** | **31** | **44** | **0** | **1** | **40,79%** | **1 046 733 088 000,00** | **707 155 860 772,24** | **67,56%** |
| MTTM | 040 | Fitantanana sy fandrindrana | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 5 406 466 000,00 | 3 263 392 448,94 | 60,36% |
| MTTM | 618 | Fitantanana, fampanaraham-penitra ary fampanarahan-drafitra ny sehatry ny fizahan-tany | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0,00% | 191 607 000,00 | 165 788 078,00 | 86,53% |
| MTTM | 619 | Fandrindrana sy fampivoarana ny sehatry ny fizahan-tany | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0,00% | 1 156 330 000,00 | 1 122 202 646,87 | 97,05% |
| MTTM | 022 | Fitantanana sy fandrindrana | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 6 415 029 400,00 | 5 813 181 304,12 | 90,62% |
| MTTM | 208 | Fitaterana an-tanety sy an-dàlam-by | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 50 601 180 600,00 | 41 090 035 739,10 | 81,20% |
| MTTM | 209 | Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66,67% | 3 035 522 000,00 | 2 656 802 758,47 | 87,52% |
| MTTM | 211 | Fampandrosoana ny famantarana ny toetr'andro | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 1 441 199 000,00 | 1 336 357 323,64 | 92,73% |
| | | ***Fitambarany*** | **12** | **7** | **5** | **0** | **0** | **58,33%** | **68 247 334 000,00** | **55 447 760 299,14** | **81,25%** |
| MPTDN | 023 | Fitantanana sy fandrindrana | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0,00% | 1 406 075 000,00 | 1 213 434 999,71 | 86,30% |
| MPTDN | 214 | Fanohanana ny fanitarana ny fandrakofana paositra | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66,67% | 0 | 0 | |
| MPTDN | 043 | Fitantanana sy fandrindrana | 2 | 0 | 2 | 0 | 0 | 0,00% | 0 | 0 | |
| MPTDN | 210 | Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra | 1 | 1 | 0 | 0 | | 100,00% | 9 075 225 000,00 | 4 011 219 155,94 | 44,20% |
| | | ***Fitambarany*** | **8** | **3** | **5** | **0** | **0** | **37,50%** | **10 481 300 000,00** | **5 224 654 155,65** | **49,85%** |
| **5 Minisitera 24 Fand** | | | **136** | **49** | **85** | **1** | **1** | **36,03%** | **1 407 844 245 000,00** | **871 710 472 741,06** | **61,92%** |

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

- **MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO**

- *Fampivoarana ny fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ny loharanon'angovo eto an-toerana :* tamin'ny famenoana ny filan'ny mponina teo amin'ny lafiny angovo eto an-toerana, tombanana ho 16% ny tahan'ny fahazoana herinaratra, tolotra tsy mahafeno ny filan'ny mponina rehetra. Ankoatra izay, nozaraina isan-tokantrano tamin'ny alàlan'ny angovo maharitra ho an'ny rehetra ny fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro miisa 5500. Tsy nihena afa-tsy 12% ny fotoana fahatapahan'ny herinaratra raha 40% no nantenaina.

- *Fampivoarana ny sehatry ny solitany sy ny solika mifangaro :* 100 $m^3$ ny vokatra azo nalaina sy naodina ary nolaniana tamin'ny 10.000 $m^3$ nandrasana. Ankoatr'izay, nihena ho 21% ny isan'ny fitarainana voaray momba ny ahiahy tamin'ny hosoka raha toa ka 75% ny vinavina, vokatry ny fepetra famerana nampiharina noho ny fiparitahan'ny coronavirus. Tsikaritra tokoa fa nihena ny fanjifana solika, izay nampihena ihany koa ny fitarainana.

- **MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA ARY NY FIDIOVANA**

- *Fampiroboroboana ny fampidiran-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana :* 77%-n'ny fotodrafitrasa fanadiovana dia natao tamin'ny alàlan'ny fametrahana trano fidiovana fototra miisa 115 789, toeram-pivoahan'ny tranom-panjakana 81 ary trano fidiovana 168. Mikasika ny fanatsarana ny fampidirana rano fisotro madio dia efa vita avokoa ny asa vonjy taitra nataon'ny JIRAMA fa 11 tamin'ny 100 novinavinaina ihany no azo.

- **MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY, NY TOERAM-PONENANA ARY NY ASA VAVENTY**

**Iraka « Tany sy filaminan'ny fananan-tany »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* nokarakarain'ny DDPF (Direction des Domaines et de la Propriété Foncière) haingana ireo fitarainana sy fitakiana voaray tamin'ireo manan-draharaha.

- *Tany sy filaminan'ny fananan-tany :* tondro iray tamin'ny 11 voasoratra no tratra, nifandraika tamin'ny isan'ny antontan-taratasy navoaka momba ny refin-tany, izay tsara kokoa ny vokatra taorian'ny fitomboan'ny fangatahana fiarovana ny fananan-tany. Ny tondro hafa dia tsy tratra afa-tsy tamin'ny ampahany noho ny trangan'ny Covid 19, ny tena niavaka indrindra tamin'ireo dia: ny fanaovana ho nomerika ny antontan-taratasy momba ny refin-tany 44 124 tamin'ireo 62 000 nokasaina ; ny fampandrosoana ny Drafitr'asa Ifotony momba ny fanajariana ny tany (PLOF) miisa 36 tamin'ny 250 nandrasana, nankatoavina sy nohamarinin'ny kaominina ; ny fanaovana ny asa fametrahana baorina 14 030 tamin'ny 32 340 nokasaina; ny famoahana kara-tany 7 113 tamin'ny 32 340 noheverina; ny fitsarana fizaran-tany 149 tamin'ny 3 000 ary ny fametrahana sy/na fanorenana trano fandraisana tokana 2 tamin'ireo 14 nandrasana.

**Iraka « Asa vaventy »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* vita ny antontan-taratasy momba ny paikady sy drafitry ny asa atao araka ny efa nomanina sy nifanaraka tamin'ny toromarika tao amin'ny Drafitra ho Fampandrosoana.

- *Fampandrosoana ny fotodrafitrasa momba ny làlana* : teo amin'ny fanamboarana sy fanarenana ny làlana sy ny famoahan-drano dia lalana mirefy 422 km no nohavaozina sy namboarina, ka 80%-n'ny làlana an-drenivohitra sy làlana kaominaly no nasiam-panamboarana. Mikasika ny

fanarenana ny tambazotran'ny làlam-pirenena dia tetezana azo afindra 375 Ml no napetraka. Tamin'ireo làlam-pirenena mirefy 800 km haorina anefa, dia 63 km monja no efa vita, ny ambiny eo ampanamboarana izay haharitra taona maromaro.

- *Fitantanana ny harena momba ny làlana :* mba hihazonana ny endriky ny làlana sy hampirafitra azy tsara, famoahan-drano sy làlan-drano miisa 21 ary làlana mirefy 11 465,49 km no nokojakojaina.

**Iraka « Fanajariana ny tany »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* tamin'ireo mpiasa 60 tokony hofanina, mpiasa 274 no nahazo tombontsoa tamin'izany teo anivon'ny Foibem-pitantanana Ankapoben'ny Fanajariana ny tany.

- *Fampandrosoana sy fampitaovana ireo tanàn-dehibe* : tao anatin'ny fananganana trano fonenana, fanadihadiana 8 no natomboka ary kaominina 6 an-tanàn-dehibe no nahazo tombony tamin'ny fampivoarana ny fahaiza-manao sy fanohanana avy amin'ny andrim-panjakana. Na izany aza, tsy nisy trano fonenana/trano naorina tamin'ireo 450 nandrasana, misy ny asa an-dàlam-pandrosoana, ny hafa miandry ny fanomezana na ny fankatoavana avy amin'ny mpanara-maso ara-bola. Mba hanamafisana ny fandrindrana, fandaminana ary fandrafetana ny lafin-tany, faritra an-tanàn-dehibe sy manodidina azy 116 no nahazo tombony tamin'ny asa fandrindrana tanàna tamin'ireo 230 noheverina.

**Iraka « Asa lehibe momba ny fotodrafitrasa sy ny fampitaovana »**

- *Fampandrosoana ireo fotodrafitrasa :* hampiharana sy hanatanterahana tetik'asa fanorenana ho an'ny fampandrosoana maharitra ny olombelona, tetik'asa 2 (Projet d'Appui à la Connectivité des Transports sy Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce) no nampiharina araka ny antontan-taratasy fandrindrana ary manodidina ny 2 000 000 ny olona nahazo tombontsoa tamin'ny Tetik'asa vonjy taitra avy amin'ny Filoham-pirenena.

## - MINISITERAN'NY FITATERANA, NY FIZAHAN-TANY ARY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

**Iraka « Fizahan-tany »**

- *Fitantanana, fampanaraham-penitra ary fampanarahan-drafitra ny sehatry ny fizahan-tany :* tsy nisy vakoka notohanana na dia iray aza tamin'ny 13 nandrasana noho ny valan'aretina, izay nametra ny fidinana ifotony. Mikasika ny asa nifandraika mivantana tamin'ny fizahan-tany dia asa 48 767 no noforonina tamin'ny 66 750, vokatry ny fisalasalan'ny mpampiasa vola noho ny Covid 19.

- *Fandrindrana sy fampivoarana ny sehatry ny fizahan-tany :* 68 110 ny isan'ny mpizaha-tany voarakitra sy nitsidika an'i Madagasikara tamin'ireo mpizaha-tany 340 000 nandrasana, tsy tratra noho ny fanakatonana ny sisin-tany. Mikasika ny vola tafiditra tamin'ny fizahan-tany, 480,32 tapitrisa Ariary monja ny vola voaangona raha noheverina ho 2 250 tapitrisa Ariary, etsy ankilany, betsaka ny mpandray

mpizaha-tany niasa tao anatin'ny tsy manara-drafitra, ary andaniny, ny sehatry ny fizahan-tany no tena niharan'ny vokatry ny valan'aretina.

**Iraka « Fitaterana »**

- *Fitaterana an-tanety sy an-dàlam-by :* tobim-piantsonana làlam-by 5 no efa nasiam-panarenana ary fotodrafitrasam-pitaterana an-tanety 7 no naorina, dia ny fanamboarana ny ASSR (Aires de Service, de Sécurité et de Repos) tany Andimaka, Lambokely, Andranovelona, Tsiroanomandidy, Ramala Mahatsinjo, Ranomafana Atsinanana ary Ambalamananakana.

- *Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka :* seranan-tsambo 2 no nohavaozina sy/na nohajariana (fanamboarana làlan'entana/fampidinana entana tao Soalala sy fanarenana ny toerana roa fampiakarana na fampidinana entana/mpandeha tao amin'ny seranan-tsambon'i Mahajanga) ary fotodrafitrasan'ny seranam-piaramanidina miisa 2 no nampanarahina ny fenitra (Dingana voalohany amin'ny asa fanajariana ny seranam-piaramanidina tao Bekopaka sy ny fanatsarana ny seranam-piaramanidina tao Ranohira).

**Iraka « Famantarana ny toetr'andro »**

- *Fampandrosoana ny famantarana ny toetr'andro :* nandritra ny fampiharana sy fanamafisana ny rafitra fanairana ara-potoana, 2 866 ny filazana sy ny fampitandremana navoaka tamin'ny 98 nokasaina. Napetraka toy ny mahazatra ny filazana vinavina ary navoaka ny fampitandremana mifanaraka amin'ny faharatsian'ny toetr'andro.

**- MINISITERAN'NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY FAMPANDROSOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA**

**Iraka « Paositra sy Fifandraisan-davitra »**

- *Fanohanana ny fanitarana ny fandrakofana paositra :* teo amin'ny fanatsarana ny fandrakofana paositra dia biraon'ny mpandraharaha miisa 22 no naraha-maso sy voamarina vokatry ny fiaraha-miasan'ny minisitera tamin'ny ekipa iray tao anatin'ny fanatanterahana ny tetik'asa.

**Iraka « Teknolojian'ny fampitam-baovao sy ny Fifandraisana » (TIC)**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* toeram-pifandraisana 26 no niasa tamin'ny 158 nandrasana noho ny tsy fahampian'ny fitaovana ary tsy nisy rijan-teny momba ny lalàna, fitsipika na ara-teknika momba ny fanatsarana ny vokatra sy ny kalitaon'ny tolotry ny fifandraisan-davitra sy ny fampandrosoana ny haitao ara-kajy mirindra tafapetraka nandritra ny taona 2020 noho ny fampiatoana ny asa.

- *Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra :* toeram-pifandraisana 36 no nisy mba hampivelarana ireo tambazotra TIC.

### 4. *Sehatra famokarana*

**a. <u>Ny zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ny Minisitera tao amin'ny sehatra famokarana</u>**

Ny sehatra famokarana dia nampivondrona Minisitera 4 manana iraka lehibe 7 sy Fandaharan'asa 18. Tanjona ankapobeny 23 no nisy, ary tanjona manokana 52. Mba hanatanterahana ny asa dia nisy vola mitentina 825,13 lavitrisa Ariary nomena ity sehatra ity, ka nitentina 370,59 lavitrisa Ariary ny vola lany na 44,91% tamin'ny sora-bola farany azony.

Mitazona ny laharana voalohany ity sehatra ity raha ny zava-bita izay nahitana tondro 73 tratra tamin'ireo tondro 123 voasoratra, izany hoe vokatra 59,35%.

Ho fanampim-panazavana, ny antontan-taratasin'andraikitry ny Minisitera roa tao anatin'ity sehatra ity dia niharan'ny fiovana taorian'ny didim-pitondrana laharana faha-25194/2020 nanitsy ny antontan-taratasy momba ny asa ho an'ny Minisiteran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa tànana, ary nanaraka ny didim-pitondrana laharana faha-23-214/2020 izay manova ampahany tamin'ny antontan-taratasin'andraikitra ho an'ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika.


Ny zava-bitan'ny sehatra famokarana na teo amin'ny sora-bola na ny zava-bita dia fintinina amin'ny fafana etsy ambany :

**<u>Fafana 17 : Famintinana ny zava-bita sy fampiasana vola nataon'ny Minisitera tao anatin'ny sehatra famokarana</u>**

| Amin'ny isa | | | | | | | | | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Min | Iraka | Fand. | OG | OS. | Tanjona | | Tratra | Tsy tratra | TV | Hafa | Sora-bola | | Fandaniana |
| | | | | | Voalohany | Farany | | | | | Voalohany | Farany | |
| 4 | 7 | 18 | 23 | 52 | 163 | 123 | 73 | 42 | 0 | 8 | **942,54** | **825,13** | **370,59** |

<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

**<u>Kisary 4 : Fahombiazan'ny sehatra famokarana tamin'ny 2020 (amin'ny %)</u>**




<u>Loharanom-baovao :</u> RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

## b. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta tao amin'ny sehatra famokarana

**Fafana 18 : Famintinana ny zava-bita sy fampiasana vola nataon'ny Minisitera tao amin'ny sehatra famokarana**

| SEHATRA FAMOKARANA | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Amin'ny isa | | | | | % | Amin'ny ariary | | % |
| Minisitera | kaody | Fandaharan'asa | Tondro | T | TT | TV | Hafa | Tahan'ny vita | Sora-bola farany | Fandaniana | Tahan'ny vita |
| MICA | 051 | Fitantanana sy fandrindrana | 17 | 10 | 7 | 0 | 0 | 58,82% | 10 417 339 000,00 | 10 125 057 704,28 | 97,19% |
| | 605 | Indostria | 3 | 1 | 2 | 0 | 0 | 33,33% | 14 324 993 000,00 | 425 196 083,20 | 2,97% |
| | 621 | Fampandrosoana ny sehatra tsy miankina | 1 | 1 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 53 998 000,00 | 53 976 700,00 | 99,96% |
| | 037 | Fitantanana sy fandrindrana | 6 | 3 | 3 | 0 | 0 | 50,00% | 32 919 251 000,00 | 30 845 476 560,41 | 93,70% |
| | 614 | Varotra anatiny | 6 | 6 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 999 166 000,00 | 667 728 092,40 | 66,83% |
| | 615 | Varotra ivelany | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50,00% | 23 678 732 000,00 | 883 529 232,00 | 3,73% |
| | 616 | Asa tànana | 4 | 1 | 3 | 0 | 0 | 25,00% | 2 238 208 000,00 | 705 598 341,40 | 31,53% |
| | | ***Fitambarany*** | **39** | **23** | **16** | **0** | **0** | **58,97%** | **84 631 687 000,00** | **43 706 562 713,69** | **51,64%** |
| MAEP | 033 | Fitantanana sy fandrindrana | 5 | 0 | 5 | 0 | 0 | 0,00% | 5 123 018 000,00 | 4 447 749 599,60 | 86,82% |
| | 408 | Fampandrosoana ny jono sy ny harena anaty rano | 4 | 2 | 2 | 0 | 0 | 50,00% | 68 576 610 000,00 | 18 148 497 042,24 | 26,46% |
| | 061 | Fitantanana sy fandrindrana | 2 | 1 | 1 | 0 | 0 | 50,00% | 33 780 555 000,00 | 32 425 627 621,73 | 95,99% |
| | 411 | Fambolena | 3 | 2 | 1 | 0 | 0 | 66,67% | 498 927 177 000,00 | 220 698 257 732,96 | 44,23% |
| | 412 | Fiompiana | 2 | 2 | 0 | 0 | 0 | 100,00% | 2 962 634 000,00 | 2 920 641 203,28 | 98,58% |
| | | ***Fitambarany*** | **16** | **7** | **9** | **0** | **0** | **43,75%** | **609 369 994 000,00** | **278 640 773 199,81** | **45,73%** |
| MEDD | 017 | Fitantanana sy fandrindrana | 7 | 2 | 5 | 0 | 0 | 28,57% | 23 778 480 000,00 | 20 314 662 572,51 | 85,43% |
| | 701 | Fitantanana maharitra ny harena voajanahary | 6 | 5 | 1 | 0 | 0 | 83,33% | 81 807 753 000,00 | 5 746 934 090,99 | 7,02% |
| | 704 | Fikojakojana ny asan'ny tontolo iainana malagasy | 8 | 4 | 3 | 0 | 1 | 50,00% | 5 302 864 000,00 | 2 603 839 348,00 | 49,10% |
| | | ***Fitambarany*** | **21** | **11** | **9** | **0** | **1** | **52,38%** | **110 889 097 000,00** | **28 665 436 011,50** | **25,85%** |
| MMRS | 019 | Fitantanana sy fandrindrana | 26 | 19 | 4 | 0 | 3 | 73,08% | 16 714 015 000,00 | 16 080 951 434,15 | 96,21% |
| | 217 | Fampandrosoana ny sehatry ny solika | 5 | 2 | 1 | 0 | 2 | 40,00% | 945 090 000,00 | 938 249 778,04 | 99,28% |
| | 609 | Fampandrosoana ny sehatry ny harena ankibon'ny tany | 16 | 11 | 3 | 0 | 2 | 68,75% | 2 576 832 000,00 | 2 558 617 074,06 | 99,29% |
| | | ***Fitambarany*** | **47** | **32** | **8** | **0** | **7** | **68,09%** | **20 235 937 000,00** | **19 577 818 286,25** | **96,75%** |
| **4 Minisitera 18 Fand** | | | **123** | **73** | **42** | **0** | **8** | 59,35% | **825 126 715 000,00** | **370 590 590 211,25** | 44,91% |

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2020

- **MINISITERAN'NY INDOSTRIA, NY VAROTRA ARY NY ASA TANANA**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ho fampiroboroboana ny fitondrana tsara tantana, antontan-taratasy 15 no nokarakaraina, nifandraika tamin'ny fanendrena ireo mpisehatra tamin'ny tetibola, ny famoronana kaonty azo havaozina sy miavaka ary ny fampiasana ny tetibola. Ankoatra izay, antontan-taratasy 3 432 momba ny maha olona mahakasika ny mpiasan'ny MICA, mari-boninahitra ary antontan-taratasy fandoavam-bola isan-karazany no nokarakaraina. Ankoatra izay dia nisy ny fivoriana momba ny fiaraha-miasa intelo, nifandraika tamin'ny fifampidinihana teo amin'ny MICA sy ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola tao anatin'ny tetik'asa fampandrosoana ny faritra fanodinana ara-indostria tao amin'ny Faritra Atsimo Andrefan'i Madagasikara (PTASO), ny Tetik'asa Fanohanana ny sehatra indostrialy sy ara-bola. (PAISF), ary ny tetik'asa fitantanana ny tontolon-drindran-kajy sy fitantanana ny maha-malagasy (PRODIGY). Andinin-dalàna 79 nifandraika tamin'ny fifanolanana ara-toekarena sy ny famahana ny olan'ny indostria sy ny kaoperativa no nokarakaraina, nodinihina ary natolotra ny filankevitra.

- *Fananganana orinasa :* hanome an'i Madagasikara endrika ara-indostrialy mavitrika sy afaka mifaninana no tanjona napetraka tamin'ity fandaharan'asa ity. Orinasa 10 no nentanina sy notohanana, toy ireo vondrona indostrialy notohanana fitaovana ara-teknika indostrialy mba hanatsarana ny zava-bitany sy ny kalitaon'ny vokatra. Faritra indostrialy 2 ihany koa no napetraka, dia ny ZEI (Zone Emergence Industrial) tao Moramanga sy ny fanombohana ny dingana fiarovana ny fananan-tany ho an'ny faritra indostrialy tao Arivonimamo.

- *Fampandrosoana ny sehatra tsy miankina :* Paik'ady fampiharana 2 no novolavolaina hanatsarana ny tontolon'ny fandraharahan'ireo kaoperativa.

**Iraka « Varotra »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ny antsasany tamin'ireo tondro tafiditra tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia nahatratra ny tanjony, toy ny isan'ny antontan-taratasy voakarakara (taratasy stratejika sy antontan-taratasy momba ny fiaraha-miasa) sy ny EPN notohanan'ny Minisitera. Tsy tratra anefa ny taham-pandraiketana ny tetibola tiana hotratrarina noho ny fahataran'ny fandraiketana ny fandaniam-bolan'ny Minisitera, izay natao teo amin'ny telovolana faha-3 sy faha-4 ny ankamaroany.

- *Varotra anatiny :* ny tanjon'ity fandaharan'asa ity dia nifantoka tamin'ny fanatsarana ny fifaninanana anatiny sy ny fiarovana ny mpanjifa. Tratra avokoa ny tondro rehetra satria ny 75% n'ny vokatra amidy dia nanaraka ny fepetra manan-kery (fenitra sy fepetra momba ny varotra), fitaovana fandrefesana 5 234 nampiasaina teny an-tsena no nohamarinina, hahafahana mamantatra ny tsy fanarahan-dalàna isan-karazany ary nampitomboana ny hetsika fanamarinana ny fitaovam-pandanjana tao anatin'ny fandaharan'asa REFY, ary antontan-taratasy miisa 2.225 momba ny raharaha ara-barotra no nokarakaraina, antontan-taratasy nifandraika tamin'ny fanomezana alàlana hivarotra vokatra eny an-tsena.

- *Varotra ivelany :* ho fampivoarana ny varotra ivelany dia trano iray ho an'ny lavanila no vita tamin'ny alàlan'ny didy laharana 021-2020/MICA/PRMP tamin'ny 21 desambra 2020. Tamin'ny taona 2021 no nokasaina ho vita ny asa fanorenana. Ho an'ny fidirana tamin'ny tsena iraisam-pirenena, na dia efa nisy aza ny fifampiraharahana samihafa natomboka, 5 tamin'ny 20 notombanana ihany no voavaha ny olana tsy mikasika vidin'entana.

**Iraka « Kolontsaina sy Asa tànana »**

- *Asa tànana :* tao anatin'ny fanamafisana orina ny sandan'ny asa tànana malagasy, tombanana ho 25% ny taham-pandrosoana tamin'ny tranonkala iray. Io no fananganana ny GVA (Gallerie Virtuelle de l'Artisanat), natao ho sehatra an-tserasera amin'ny varotra sy fitrandrahana ny asa tànana malagasy. Na izany aza, Na izany aza, tsy mbola nisy ny tsenam-barotra natsangana, noho ny famerana ara-pahasalamana sy ny fanakatonana ny sisin-tany.

- **MINISITERAN'NY FAMBOLENA, NY FIOMPIANA ARY NY JONO**

**Iraka « Jono »**

- *Fampandrosoana ny jono sy ny fiompiana trondro :* nivelatra ny tahan'ny famokarana ny jono sy ny fiompiana trondro saingy tsy nisy torolàlana ara-barotra momba ny vokatra anaty rano novolavolaina.

**Iraka « Fambolena sy Fiompiana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* teo amin'ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mpisehatra amin'ny fanatanterahana ny fandaharan'asa momba ny fambolena sy fiompiana ary ny jono (PSAEP) dia mpiasa ambony sy teknisianina 1 226 no nahazo fiofanana momba ny lohahevitra samihafa, raha 350 no nandrasana.

- *Fambolena :* 71 262 ha ny velaran-tany voatondraka rano, ka ny 36 822 ha dia fanitarana tanim-bary vaovao, 27 396 ha ny velaran-tany misy voly vary voavoatra ary 7 044 ha ny tanimbary nohavaozina. 13 015 063 tapitrisa Ariary no fanampiana nomena tamin'ireo fangatahana 1 560 nahakasika mpamokatra 64 153 avy tamin'ny faritra 15 eto Madagasikara mba hanamora ny fahazoana tolotra ara-pambolena sy hanatsarana ny fidiram-bolan'ny mpamokatra.

- *Fiompiana :* Mpiompy 24 023 no notohanana sy nokarakaraina tamin'ny 90 novinavinaina, tamin'ny alàlan'ny fanomezana tohana isan-karazany momba ny fiompiana, indrindra ny fitaovam-piompiana, ny fampitomboan-taranaka, famatsiam-bola, tranon-tantely ary koa tamin'ny alàlan'ny fampivoarana ny fahaiza-manao ara-teknika. Ankoatra izay dia fotodrafitrasa miisa 133 nahitana toerana fanondrahana sy fisotroan-drano 116, toeram-pisakafoanana manara-penitra 9, toeram-pamokarana vokatra ara-piompiana 6 ary tranon-tantely 2 no natsangana ho fanatsarana ny teknolojia sy ny fotodrafitrasan'ny fiompiana.

- **MINISITERAN’NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAIN-JAFY**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : hanatsarana ny tontolon’ny asa mifandray amin’ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy, trano fiasan’ny Minisitera miisa 5 no nohavaozina sy/na naorina, saingy tsy nisy teknisianina momba ny ala sy ny tontolo iainana nivoaka tao amin’ny sekolin'Angavokely vokatry ny fahataran'ny fivoahan'ny andiany faharoa noho ny tsy fisian'ny filankevi-pitantanana.

- *Fitantanana maharitra ny harena voajanahary :* Tany 45 003 ha no novolena hazo/naverina tamin’ny laoniny ary 123 ny fanaraha-maso ny tontolo iainana natao.

- *Fikojakojana ny asan’ny tontolo iainana malagasy :* rafitra PSE (Paiement pour Services environnementaux) roa (2) no nandramana tany Ambilobe sy Ambanja ka nahitana olona 700 voaentana. Na dia sehatra maitso 3 (ho solon'ny arina fandrehitra) tamin’ny 5 noheverina aza no nasondrotra, 18 ihany ny tombana sy fanaraha-maso ny tontolo iainana natao tamin’ireo 50 nokasaina.

- **MINISITERAN’NY HARENA AN-KIBON’NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

- *Fitantanana sy fandrindrana :* ny ankamaroan'ny tondro voasoratra dia nahatratra ny tanjony, ny tena niavaka dia: ny fikarakarana ny raharaha fanenjehana rehetra (fikarohana sy fanasaziana ny fandikan-dalàna momba ny harena ankibon'ny tany); ny fametrahana ny rafi-pitantanana teo amin'ny sehatry ny fitrandrahana tamin'ny alàlan'ny fananganana rafitra ara-tambajotra informatika ; ny fampiroboroboana ny fizahan-tany tamin'ny alàlan’ny fanatsarana ny hita maso sy ny mahasarika amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany eto Madagasikara; ary ny fampiasana ny Tobim-bolamena (fananganana ny Tobim-bolamena mankany amin'ny fanorenana tahirim-bolamena eo anivon'ny BFM).

- *Fampandrosoana ny sehatry ny solika :* mba hamerenana amin'ny laoniny ny toetry ny fampiasam-bola manintona, dia natao ny fanatsarana ny fitantanana faobe ny solika apetraka amin'ny toerana arovana. Araka izany, efa tafapetraka ny lisitry ny faritra saro-pady sy faritra arovana voakasiky ny asa ara-tsolika.

- *Fampandrosoana ny sehatry ny harena ankibon'ny tany :* volamena 177 kilao no azo tamin'ny 200 kilao nandrasana, noho ny anton-javatra nifandray tamin'ny areti-mifindra. Sampana ifotony 3 an'ny ANOR (Agence nationale pour l’Industrie volamena) no tafatsangana, tao Ambilobe, Maevatanana ary Miandrivazo. Mikasika ny fanatsarana ny hita maso sy ny mahasarika tamin'ny tontolon’ny harena an-kibon’ny tany malagasy amin’ny fampiroboroboana ny fizahan-tany ara-jeografika dia mpitsidika miisa 693 no voarakitra tao amin'ny « Musée National de Géologie de Madagascar » sy ny « Mining Business Center », ny « Gallerie des Mines » ary ny « Bibliothèque de Géologie ». Mikasika ny fanomezan-danja ireo mpandraharaha madinika mpitrandraka harena an-

kibon'ny tany, dia 8 061 no fantatra, ary/na voaisa sy nampanarahana rafitra tamin'ny 6 000 nandrasana. Nahemotra ho amin'ny taona 2021 ny dingana fanatsarana ny vondron'ny mpandrendrika teny ifotony momba ny fandrafetana ny tahirim-bolamena, noho ny krizy ara-pahasalamana sy ny sakana tamin'ny tsy fahamarinan-toerana ara-toekarena ary indrindra ny fiandrasana ny fanesorana ny fampiatoana ny fanomezana alàlana hitrandraka.

## III. FANADIHADIANA NY ENDRIKY NY TETIBOLA TAO AMIN’NY LALANA MIFEHY TETIBOLA 2020

### A. TENY FAMPIDIRANA

Ireto andàlana manaraka ireto dia hanao famakafakana amin’ny antsipiriany momba ny fiovaovan’ny sora-bola andaniny, ary mikasika ny fanatanterahana ny tetibolam-panjakana teo amin’ny vola miditra sy mivoaka ankilany. Izy ireo dia mifototra amin'ireo singa voafaritra amin'ny fampiharana ny lalàna momba ny fitantanam-bola. Ho an’ny taona 2020 dia didim-pitondrana fanitsiana tetibola miisa 243 nitentina 660,90 lavitrisa Ariary no natao, didy famindrana sora-bola (décrets de transfert) 17 nitentina 897,77 lavitrisa Ariary ary 08 didy famindrana sora-bola (décrets de virement) navoaka, izay nitentina 18,97 lavitrisa Ariary. Marihina fa taorian’ny fanitsiana ny lalàna mifehy ny tetibola (LFR) ho an’ny taona 2020 no nanaovana ireo fanovàna sora-bola rehetra ireo, fa didim-pitondrana fanitsiana tetibola miisa 53 nitentina 12,33 lavitrisa Ariary ihany no noraisina talohan’ny LFR. Ho an'ity taona ity dia tsy nisy ny didim-panjakana mialoha (hanokafana sora-bola raha sendra misy hamehana). Novinavinain’ny lalàna fototra momba ny tetibola (LFI), amin’ny vola miditra sy ny fandaniana, ny tetibola 15 480 lavitrisa Ariary, izay nahenan’ny LFR ho 15 249 lavitrisa Ariary. Mikasika ny zava-bita dia **9 805 731 606 756,94 Ariary** sy **11 079 242 457 020,10 Ariary** isan'isany ny vola miditra sy fandaniana, ka niteraka fatiantoka **1 273 510 850 263,14 Ariary**.

### B. FAMAKAFAKANA NY FIVOARAN’NY SORA-BOLA

Araka ny voalazan'ny LOLF ao amin'ny fizarana III, ny fanovàna ny tetibola mandritra ny asa dia omen'ny Parlemanta alàlana. Ho an'ny taona 2020, ny fanovàna sora-bola dia natao nifanaraka tamin'ny fepetra voalazan'ny andininy faha-19 sy faha-20.

#### 1. *Fihetsehan’ny sora-bola*

Taorian'ny fanaovana ny LFR tamin'ny Jolay 2020, fanavaozana ny fitsinjarana sora-bola maro no nataon'ny Andrim-panjakana sy Minisitera sasantsasany, natao tamin'ny alàlan'ny fehezan-dalàna miisa 321. Ny 296 tamin’ireo dia didim-pitondrana fanitsiana ny tetibola (Arrêtés d’aménagement de crédits) ary ny 25 dia didim-panjakana, nahitana didy 17 mikasika ny famindram-bola (Transferts) ary 08 momba ny famindram-bola (virements).

Nitombo ny isan'ny hetsika fanitsiana sora-bola natao tamin'ny taona 2020 raha oharina tamin'ny taona 2019, araka ny asehon'ny fafana manaraka :

**Fafana 19 : Endriky ny fihetsehan’ny sora-bola tamin’ny 2017 hatramin’ny 2019**

| Karazana didy | 2018 | 2019 | 2020 |
|---|---|---|---|
| Didim-panjakana famindrana ny sora-bola (famindrana sora-bola anatin’ny fandaharan’asan’ny Minisitera roa samihafa na | 13 | 23 | 17 |
| Didim-panjakana famindrana sora-bola (fandaharan’asa anatin’ny Minisitera iray ihany) | 20 | 07 | 08 |
| Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola | 329 | 245 | 296 |
| **FITAMBARANY** | **362** | **275** | **321** |

**Loharanom-baovao** : Didy manova ny sora-bola tamin’ny 2018 hatramin’ny 2020, taorian’ny LFR

- **Didim-panjakana famindrana sora-bola (fandaharan'asa anatin'ny Minisitera iray ihany)**

Taorian'ny LFR dia niisa 08 ny hetsika famindrana sora-bola notanterahina, izay nitentina 18,974 lavitrisa Ariary ny fitambarany. Izy ireo dia nanana anjara tao amin'ireto andrim-panjakana sy Minisitera manaraka ireto :

- Ny Primatiora dia niroso tamin'ny famindram-bola nitentina 265,745 tapitrisa Ariary, tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2020-1564 tamin'ny 25 Novambra 2020, ho famatsiana ny miaramila sy fanonerana ny fandaniana ara-pahasalamana ;
- Ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka dia nanao famindrana sora-bola tamin'ny Fandaharan'asa 137 « Fanofanana sy Fanavaozana », izay nitentina 177,190 tapitrisa Ariary, araka ny didim-panjakana laharana 2020-865 tamin'ny 05 aogositra 2020 ho fandrakofana ny fandaniana tafahoatra tamin'ny tetibolan'ny Minisitera, raha oharina tamin'izay voasoratra tao amin'ny LFR 2020;
- Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia namoaka didim-panjakana telo ahitana :
    - Vola mitentina 380 tapitrisa Ariary, ho fanaraha-maso ny tsenam-baro-panjakana ataon'ireo vaomiera, araka ny didim-panjakana laharana 2020-1522 tamin'ny 18 novambra 2022 ;
    - Vola mitentina 8,371 lavitrisa Ariary, ho fandoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana vokatry ny fahataran'ny fampodiana azy ireo noho ny toe-draharaha ara-pahasalamana iraisam-pirenena (Covid-19), araka ny didim-panjakana laharana 2020-1677 tamin'ny 09 Desambra 2020 ;
    - Vola mitentina 11,341 lavitrisa Ariary, tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana faha 2020-1708 tamin'ny 16 Desambra 2020, hamenoana ny sora-bolan'ny MEF ho fanajana ireo fandaniana mifandray tendro ;
- Ny Minisiteran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa tànana, ho fanombohana ny fananganana ny « Tranoben'ny lavanila » tamin'ny alàlan'ny fandaharan'asa « 220-Fampiroboroboana ny fanondranana » ;
- Ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana, hiantoka ny fandaniana heverina ho laharam-pahamehana miaraka amin'ny andraikitry ny Minisitera amin'ny fividianaana fiara 6 ;
- Ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena dia nanao famindrana sora-bola tao amin'ny Fandaharan'asa 314, nitentina 8,861 lavitrisa Ariary, tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2020-1679 tamin'ny 09 Desambra 2020, ho fanomezana boky fampianarana ho an'ny mpianatra.

- **Didim-panjakana famindrana ny sora-bola (famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Minisitera roa samihafa na maromaro)**

Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana miisa 17 no nahatanterahan'ny famindram-bola natao, izay nahatratra 897,771 lavitrisa Ariary ny fitambarany.

- Ny Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana dia nanao famindrana sora-bola tao amin'ny Fandaharan'asa 032, nitentina 525 tapitrisa Ariary, tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana faha 2020-867 tamin'ny 05/08/2020, mba ho tsara kokoa ny fampiasana ny tetibola ;

- Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nanao famindrana sora-bola tamin'ny kaontin'ireto Andrim-panjakana sy Minisitera ireto :

- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana faha 2020-1109 tamin'ny 09/09/2020, izay nitentina 2,830 lavitrisa Ariary ny vola ka :
  - Ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny dia nahazo famindrana sora-bola nitentina 94,426 tapitrisa Ariary, mba handoavana ny saram-pitsaboan-tenan'ny mpiasan'ny kaonsily iray tao amin'ny Masoivohon'i Madagasikara any Beijing ;
  - Ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia nahazo tombony tamin'ny famindram-bola nitentina 2,735 lavitrisa Ariary, ho an'ny famatsiana ny fampandehanan-draharahan'ny Kaominina miisa 182 ho an'ny taona 2020.
- Ny Antenimierampirenena :
  - Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana faha 2020-1155 tamin'ny 16/09/2020, dia nahazo famindram-bola nitentina 353.600 tapitrisa Ariary, ho fandoavana ny saran'ny fanofana fiara ho an'ny Solombavambahoaka tao anatin'ny fanatontosana fivoriana tsy ara-potoana ny 26/08/2020.
  - Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2020-1476 tamin'ny 11/11/2020, dia nahazo famindram-bola nitentina 5,637 lavitrisa Ariary ho an'ny kaonty mikasika ny « Mpiasa raikitra », « Mpiasa mpikambana amin'ny Andrim-panjakana », « Solika sy menaka », « Saram-pandehanana tany ivelany », « Saram-pampiasana finday », « Hopitaly, fitsaboana ary fikarakarana ».
  - Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2020-1675 tamin'ny 09/12/2020, dia nahazo vola nitentina 2,013 lavitrisa Ariary, ho an'ny famatsiana solika ho an'ny volana desambra sy ny faha-13 volana ho an'ny solombavambahoaka.
- Ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana :
  - Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2020-1223 tamin'ny 09/20/2020, dia nahazo famindram-bola nitentina 2 lavitrisa Ariary, ho famindrana vola avy amin'ny Tahirim-pirenena ho fiatrehana ny loza ho an'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes).

- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana faha 2020-1402 tamin'ny 28/10/2020, dia nahazo famindram-bola 20 lavitrisa Ariary, hanomezana sora-bola fanampiny ho an'ny CCO (Centre de Commandement Opérationnel) tamin'ny alàlan'ny BNGRC, tao anatin'ny ady amin'ny COVID- 19.

- Tamin'ny alàlan'ny Didim-panjakana laharana faha 2020-1477 tamin'ny 11/11/2020, dia nahazo famindram-bola mitentina 1,008 lavitrisa Ariary ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena ; nisy ny fanomezana sora-bola fanampiny ho an'ny Minisitera tamin'ny fanatanterahana ny lalao natao tany Abidjan sy teto Madagasikara ny 12 sy 17 novambra 2020.
- Tamin'ny alàlan'ny Didim-panjakana laharana faha 2020-1678 tamin'ny 09/12/2020, no nahazoan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ny famindram-bola mitentina 1,600 lavitrisa Ariary, ho fandoavana ny fandaniana maika teo anivon'ity Minisitera ity.

- Tamin'ny alàlan'ny Didim-panjakana laharana faha 2020-1287 tamin'ny 07/10/2020 dia nisy ny famindram-bola mitentina 3,095 lavitrisa Ariary tao amin'ny Fandaharan'asa 114 an'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Fandaharan'asa 005 sy 139 an'ny Fiadidiana ny Praiminisitra, ho fanatanterahana ny fampiasam-bolam-panjakana nataon'ny Fiadidiana ny Praiminisitra.
- Tamin'ny alàlan'ny Didim-panjakana laharana faha 2020-1288 tamin'ny 07/10/2020 dia nisy ny famindram-bola mitentina 309,162 lavitrisa Ariary tao amin'ny Fandaharan'asa 313 – 314 – 315 – 316 an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fandaharan'asa 049 – 067 an'ny Minisiteran'ny Fampianarana teknika sy ny Fampiofanana arak'asa, ho fanarenana teo anivon'ny MENETP, noho ny fisarahan'ny MENETP ho MEN sy ny METFP, ary tao anatin'ny fampiharana ny Didim-panjakana laharana 2020-1027 tamin'ny 26 aogositra 2020 mitondra ny fanovana ny « Iraka » sy « Fandaharan'asa » tamin'ny Tetibolam-panjakana 2020, indrindra tamin'ny MEN sy ny METFP.
- Tamin'ny alàlan'ny Didim-panjakana laharana faha-2020-1619 tamin'ny 02/12/2020, ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fampianarana teknika ary ny Fampiofanana arak'asa dia namindra sora-bola tamin'ny entana sy raharaha an'ny MENETP ho tombontsoan'ny MEN sy sora-bola tamin'ny fampiasam-bola avy amin'ny famatsiam-bola anatiny ho tombontsoan'ny METFP, noho ny fisarahan'ny MENETP ho MEN sy METFP ary tao anatin'ny fampiharana ny Didim-panjakana laharana 2020-1027 tamin'ny 26 aogositra 2020 momba ny fanovana ny « Iraka » sy « Fandaharan'asa » tamin'ny Tetibolam-panjakana 2020, indrindra ny MEN sy ny METFP, mitentina 5,978 lavitrisa Ariary.
- Tamin'ny alàlan'ny Didim-panjakana laharana faha 2020-1325 tamin'ny 13/10/2020, sora-bola mitentina 14,250 lavitrisa Ariary, avy amin'ny Fandaharan'asa 411 an'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono sy ny fandaharan'asa 207 an'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny tany, ny trano fonenana ary ny Asa vaventy dia nafindra tao amin'ny Fandaharan'asa 506 an'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka noho ny filàna maika amin'izany sehatra izany, ary ho an'ny Fandaharan'asa 827 an'ny Fiadidiana ny Praiminisitra, ho fampiharana ny hetsika fiahiana ara-tsosialy, taorian'ny fanetsehana ny Rafitra vonjy taitra tamin'ireo fifanarahana famatsiam-bola telo avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena tao anatin'ny tetik'asa Fampandrosoana an-tanàn-dehibe sy ny fanatsarana ny

Tanàna lehibe an'Antananarivo ary ny tetik'asa Fambolena maharitra tamin'ny alàlan'ny fandalinana momba ny tany.

- Tamin’ny alàlan’ny Didim-panjakana laharana faha 2020-1475 tamin’ny 11/11/2020, dia nisy ny fifamindram-bola teo amin’ireo Andrim-panjakana sy Minisitera maromaro mitentina 212,281 lavitrisa Ariary, ho fandoavana ny karaman’ny mpiasam-panjakana.
- Ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nahazo :

- Tamin’ny alàlan’ny Didim-panjakana laharana faha 2020-1620 tamin’ny 02/12/2020, famindram-bola iray mitentina 1,404 lavitrisa Ariary, avy amin’ny Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, mba hamenoana ny fanohanan’ny MEF ny asa fanarenana ny fefilohan'i Mitsinjo ;

❖ **Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola**

Ny Andrim-panjakana sy ny Minisitera dia nanao fanovana ny sora-bolan'izy ireo tamin'ny alàlan'ny fanitsiana noho ny antony maro samihafa, taorian’ny fahalanian'ny LFR. Mitentina 680,087 lavitrisa Ariary ny fitambaran’ny sora-bola novaina tamin’io fomba io.

Ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nanao fanovana betsaka indrindra tamin’ireo fanovana 296 nataon’ny departemanta 32 mitambatra, narahin’ny Minisiteran’ny Fanajariana ny tany, ny trano fonenana ary ny Asa vaventy, avy eo ny Minisiteran’ny Fahasalamam-bahoaka, ny Minisiteran’ny Fitsarana ary farany ny Fiadidiana ny Praiminisitra.

➢ ***Sehatra fitantanan-draharaha***

- Nanatanteraka fanitsiana sora-bola miisa 05 ny teo anivon’ny Fiadidiana ny Repoblika izay mitentina 29,757 lavitrisa Ariary, ka ny tena lehibe indrindra dia natokana ho an’ny fanatanterahana ireo iraka samihafa nataon’ny Filoham-pirenena, ny fanohanana stratejika ny Tetikasa Fanohanana ny Fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina. (PAPSP) mba hahazoana fitaovana ampy hanatanterahana ny iraka fandrindrana, fanaraha-maso sy fanombanana, ny fanatanterahana ny asa fanampiny sasany nataon’ny Fikambanana misahana ny fandrindrana sy ny fanaraha-maso ny fampiasam-bola sy ny famatsiam-bola (OCSIF) ary ny fanatanterahana ny iraka nankinina tamin’ny DGIGE (Direction Général de l’Inspection Général de l’Etat).
- Ny Antenimierampirenena dia namoaka didim-pitondrana miisa 3 izay mitentina 4,106 lavitrisa Ariary ny fitambarany, ka ny vola be indrindra dia natao hamatsiana ireo mpikambana tao amin’ny CBP (Chambre Basse du Parlement), ireo mpanampy raikitra ary mpanolotsaina teknikan'ny solombavambahoaka.
- Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana dia nanao fanitsiana sora-bola indroa mitentina 914,609 tapitrisa Ariary. Ny asa lehibe indrindra tamin'izany dia ny fanitsiana ny sora-bola teo anivon'ny DFPB (Direction Financière de la Programmation Budgétaire) andaniny sy ny fanitsiana teo amin'ny kaonty sasany teo anivon'ny Fitondrana tompon'andraikitra ankilany.

- Ny Fiadidiana ny Praiminisitra dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 16, nahatratra 5,978 lavitrisa Ariary, ka ny lehibe indrindra tamin'izy ireo dia natao ho an'ny famindrana vola azo avy amin'ny fiantohana momba ny haintany tamin'ny fandaharan'asa ARC (African Risk Capacity).
- Iray ihany ny fanitsiana sora-bola nataon’ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny Fifidianana, izay mitentina 228,864 tapitrisa Ariary, ho an’ny fandoavana ny tambin-karama nifandraika tamin’ny asa nataon’ny mpiasan’ny CENI, ny fandaniana sasany tamin’ny fividianana entana sy raharaha, fa indrindra ny saram-pandraharahana tamin’ny Internet an'ny CNTDI (Centre National du Traitement des Données Informatiques) tao amin'ny CENI.
- Ny Minisiteran’ny Raharaham-bahiny dia nanao fanitsiana sora-bola 3 mitentina 1,132 lavitrisa Ariary. Ny vola be indrindra nampiasaina dia nifandraika tamin'ny fanitsiana ny sora-bola noho ny vola tsy voaloa hita teo anivon'ny departemanta foibe, tamin'ny fitomboan'ny filana tamin'ny Internet sy ny fahana an-telefaonina.
- Nanatanteraka fanitsiana sora-bola miisa 9 mitentina 8,142 lavitrisa Ariary ny Minisiteran’ny Fiarovam-pirenena. Ny vola be indrindra dia nifandraika tamin'ny fanitsiana ny sora-bola teo amin'ireo SOA (Service Opérationnel d'Activité) amin'ny kaody vaovao momba ny « tambin-karama », « entana sy raharaha » tao amin'ny sokajy « tetik'asa fampiasam-bolam-panjakana » ary ny fanitsiana ny sora-bola tao anatin'ny « tambin-karama » nataon'ny Sekoly Miaramilam-Pirenena amin'ny fandraisana an-tànana ny tombontsoa ara-miaramila mandritra ny vanim-potoana araka ny lalàna hananana zo hisitraka vola ho solon-tsakafo.
- Ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Minisiteran’ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarimariam-pirenena dia tsy nanao afa-tsy fanitsiana sora-bola miisa 2 izay mitentina 274,391 tapitrisa Ariary. Ny vola be indrindra dia natao hamatsiana ny fandaniana nifandraika tamin'ny fanaterana fitaovana ho an'ireo vondrona vao noforonina tao amin'ny Zandarimariam-pirenena, ny fividianana vokatra vaovao ilaina hiadiana amin'ny fihanaky ny valan'aretina COVID-19, ny fanohanana ny famoaham-bola momba ny fanonerana ny fandaniana ara-pitsaboana sy fidirana hopitaly ho an'ny Zandary ary ny fanatsarana ny fampiasana ny tetibola teo anivon'ny departemanta.
- Fanitsiana sora-bola miisa 11 no nataon’ny Minisiteran’ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, izay mitentina 3,318 lavitrisa Ariary, ka ny lehibe indrindra tamin’izy ireo dia nampiasaina tamin’ny fandrindrana ny asa momba ny fampiofanana sy ny fampivoarana fahaiza-manao ho an'ny olom-boafidy sy ny teknisianina tany amin'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana.
- Fanovana sora-bola miisa 4 no nataon’ny Minisiteran’ny Filaminam-bahoaka, izay mitentina 5,115 lavitrisa Ariary, anisan’izany ny famenoana ny kaonty 6111 « Kojakoja sy fitaovana anaty birao », 6112 « Printy, fitomboka sy antontan-taratasim-panjakana » , 6113 « fitaovana ara-informatika » , 6117 « Fitafiana », 6213 « Fikojakojana fitaovam-pitaterana », 6241 « Tambin-karama amin'ny iraka anatiny », 6262 « Saram-pifandraisana an-telefaonina », 6561 « Hopitaly, fitsaboana ary fikarakarana » no nandrafitra ny ampahany lehibe tamin'ny sora-bola.

- Fanitsiana sora-bola 15 no nataon'ny Minisiteran'ny Fitsarana, izay mahatratra hatrany amin'ny 2,094 lavitrisa Ariary. Ny fanitsiana mba hiantohana ny fanatanterahana araka ny tokony ho izy ny Tetik'asa Fanohanana ny Fitsarana eto Madagasikara no antony nanomezana sora-bola betsaka kokoa.
- Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 78, izay nahatratra 462,233 lavitrisa Ariary. Ny fandaniana lehibe indrindra dia ny famindram-bola ho an'ny sehatry ny angovo sy ny fandoavana ny ambin'ny fandraisan'i Madagasikara anjara teo anivon'ny Vondrona Afrikanina, nesorina tamin'ny kaonty natao handoavana ny vola ho an'ny Tahirim-bola ho an'ny Fampandrosoana.
- Ny Minisiteran'ny Asam-panjakana, ny Fanavaozana ny Fitantanan-draharaha, ny Asa ary ny Lalàna sosialy dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 7, izay mitentina 81,976 tapitrisa Ariary. Ny famenoana ny kaonty mifandraika amin'ny karaman'ny ECD sy ny fikojakojana trano no antony nanomezana vola betsaka kokoa.
- Ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina dia nandray fanitsiana sora-bola miisa 4 mitentina 932,774 tapitrisa Ariary. Ny antony nahatonga ny fandaniana betsaka indrindra dia ny fandoavana ny faktioran'ny Eutelsat tamin'ny CAN 2020.

➢ ***Sehatra sosialy***

- Fanitsiana sora-bola miisa 14 mitentina 2,507 lavitrisa Ariary no nataon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Ny vola be indrindra dia nampiasaina ho an'ny :

  - Fanohanana ny DVSSER (Direction de la Veille Sanitaire de la Surveillance Epidémiologique et Riposte) tamin'ny asa fandrindrana ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy amin'ny Governemanta Japoney voasoratra tao amin'ny DLMT (Direction de la Lutte contre les Maladies Transmissibles) ;
  - Famoronana ny andàlana 2452 « Tambazotra fanadiovana » tamin'ny fanarenana ny tambazotran'ny fanariana maloto sy ny rano maloto ary ny fanadiovana ny CRMM (Centre de rééducation Motrice de Madagascar) tany Antsirabe sy ny fanamboarana ny « Scanner » an'ny CHU Morafeno Toamasina ;
  - Ny fandoavana ny solon-karama volana desambra 2020 vokatry ny tsy fahampian'ny sora-bola teo amin'ny DSRP Boeny.

- Tsy nanao afa-tsy fanitsiana sora-bola iray mitentina 287,446 tapitrisa Ariary ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena, ho famenoana ny kaonty 6012 « mpiasa tsy raikitra » sy 6061 « fandraisana anjara amin'ny CNAPS » teo anivon'ny DAF ho fandoavana ny karaman'ny mpiasa ECD.
- Ny Minisiteran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny vehivavy dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 3 izay mitentina 814,204 tapitrisa Ariary. Isan'izany ny fandoavana

ny karaman'ny ECD, ny fanavaozana ny laharam-pahamehana mifanaraka amin'ny toe-draharaha ara-politika sy ara-tsosialy ary ny fanomezana vola ho an'ny kaonty 23173 hividianana bodofotsy ho an'ireo zokiolona fantatra fa tena marefo tamin'ireo Distrika 110.

- Fanitsiana sora-bola miisa 2 ihany no nataon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena izay mitentina 1,676 lavitrisa Ariary. Ireo lahasa ireo dia nifandraika tamin'ny fandoavana ny ambim-bola tamin'ny saran'ny tolotra omena sy ny anjara vola ho an'ny mpikarakara ny fanampiana ara-bola ho an'ny sekoly ary ny fandraiketana ny vola fanampiana avy tamin'ny JICS (Japan International Cooperation System).
- Fanitsiana sora-bola miisa 2 ihany koa no nataon'ny Minisiteran'ny Fampianarana teknika sy arak'Asa, izay mitentina 722,911 tapitrisa Ariary. Izy ireo dia nifandray tamin'ny fividianana kojakoja, fitaovana ho an'ny asa, fandaniana tamin'ny fifandraisana sy iraka isan-karazany, fandoavana ny sara tsy maintsy aloa isan-karazany (rano sy jiro), ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa an-tselika tao amin'ny DRETPF (Direction Regionale de l'Enseignement Technique et la Formation Professionnelle) ary koa ho fandoavana ny fanontàna ny taratasim-panadinana nasionaly.
- Fanitsiana sora-bola miisa 6 no nataon'ny Minisiteran'ny Fampianarana ambony sy ny Fikarohana siantifika, ka 11,750 lavitrisa Ariary ny fitambaran'izany. Ny vola be indrindra dia nifandraika tamin'ny famenoana ny kaonty ho fandoavana ny karaman'ny PAT (Personnels administratifs et techniques) teny anivon'ireo toeram-pampianaran'ny MESUPRES.

- ***Sehatra famokarana***

- Ny Minisiteran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa tànana dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 6 mitentina 911,254 tapitrisa Ariary. Ny anton'izany dia nifandraika tamin'ny fandoavana ny hofan-tranon'ny Fitaleavam-paritry ny Indostria, Varotra ary Asa tànana (DRICA) tany Melaky sy SAVA.

- Ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 5, izay mitentina 7,475 lavitrisa Ariary. Ny fandaniana lehibe indrindra dia nifandraika tamin'ny :
  - Fanitsiana ny sora-bola teo anivon'ny kaonty 2424 « asa fanondrahana », 2431 « tranom-panjakana », 2438 « fanorenana hafa na fanarenana/trano » handefasana ny tetibola nifandraika tamin'izany tany amin'ireo faritra ho fanatanterahana haingana ny asa ;
  - Ny famerenana ny sora-bola momba ny tetibola fampandehanan-draharahan'ny DAF (taorian'ny fanovana) amin'ny karama, ny Cnaps ary ny tambin-karama ; ny fanitsiana ny sora-bola DTI mba hanomezana lanja ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny governemanta ; ary ny famadihana ny sora-bola voasoratra tao amin'ny kaody SOA taloha ho amin'ny kaody vaovao, momba ny fifanarahana 359.

- Ny Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana lovain-jafy dia nanao fanovàna sora-bola tamin'ny alàlan'ny didim-pitondrana 3 fanitsiana ny sora-bola izay mitentina 82,466 lavitrisa Ariary, ka ny lehibe indrindra tamin'ireo dia nampiasaina tamin'ny fandraisana an-tànana ny karama sy ny fandraisana anjara tamin'ny CNAPS ho an'ireo mpiasa ECD, ary ny famindram-bola avy tamin'ireo SOA teo aloha ho any amin'ireo SOA vaovao tamin'ireo fitaleavana vao noforonina (06 teo anivon'ny foibe ary 02 teo anivon'ny faritra), taorian'ny fanavaozana ny rafitry ny Minisitera.

- Fanitsiana sora-bola miisa 7 no nataon'ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Loharanon-karena stratejika, izay nahatratra 2,057 lavitrisa Ariary ny fitambarany. Fandrakofana ny kaonty mifandraika amin'ny « Fitaovana sy fanaka trano » sy « Fametrahana, fitaovana sy fampitaovana trano » ho an'ny DAF ary koa ny an'ny kaonty momba ny « Fitaovana ara-teknika » sy ny « Fitaovana sy fanaka ao amin'ny birao » ho an'ny Foibem-pitondrana Ankapoben'ny Loharanon-karena stratejika (DGRS) no nampiasana ny ampahany betsaka tamin'ny sora-bola novaina.

- ***Sehatra fotodrafitrasa***

- Nanao fanitsiana sora-bola tamin'ny alàlan'ny didim-pitondrana 2 ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo, izay mitentina 12,318 lavitrisa Ariary. Ny anton'ireo lahasa ireo dia nifandray tamin'ny fihoaram-pefy teo amin'ny sora-bola noraiketina raha oharina tamin'ny sora-bola farany voasoratra tao amin'ny LFR, andaniny, ary tamin'ny fanatanterahana ny fepetra takiana amin'ny resaka herinaratra, ny fividianana fitaovana sy ny fanitsiana ny tetibola, ankilany.

- Ny Minisiteran'ny Rano, ny Fahadiovana ary ny Fidiovana dia tsy nanao afa-tsy fanitsiana sora-bola iray mitentina 87,077 tapitrisa Ariary, ho fanatsarana ny fanatanterahana ny tetibolan'ny Minisitera mandritra ny telovolana farany tamin'ny taona 2020.

- Fanitsiana sora-bola miisa 19 no nataon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny tany, ny Trano fonenana ary ny Asa vaventy, izay mitentina 37,141 lavitrisa Ariary ny fitambaran'izany. Ny vola betsaka indrindra dia nifandraika tamin'ny fanitsiana ny sora-bola momba ny tetik'asa teo anivon'ny DDUD (Direction du Développement Urbain Durable), mba hanatrarana ny tanjona napetraka tao amin'ny Fandaharan'asan'ny Minisitera.

- Niroso tamin'ny fanitsiana sora-bola miisa 2 ny Minisiteran'ny Fizahan-tany, Fitaterana ary Famantarana ny toetr'andro, mitentina 321,888 tapitrisa Ariary. Ireo fanovana ireo dia natao ho an'ny fifindran'ny sora-bola avy tamin'ny kaonty entana sy raharaha mankany amin'ny kaonty famindram-bola ary ho fanampiana ny INTH (Institut National du Tourisme et de l'Hôtellerie).

- Ny Minisiteran'ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana ny Haitao ara-kajy mirindra dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 3 izay mitentina 3,882 lavitrisa Ariary, ny vola betsaka indrindra tamin'izany dia ny fanitsiana ny sora-bola vokatry ny filàna ny fandravana ireo kaonty samihafa, tamin'ny fanatanterahana ny tetik'asa « Fanavaozana ny tambazotran'ny fifandraisan-davitra eto Madagasikara ».

### 2. Didim-panjakana mialoha : fanokafana sora-bola fanampiny

Nandritra ny taom-piasana 2020, tsy nisy didim-panjakana mialoha noraisina taorian'ny LFR.

## C. FAMAKAFAKANA ARA-TETIBOLA SY ARA-BOLA NY LALANA MIFEHY NY TETIBOLA 2020

### 1. TETIBOLAM-PANJAKANA ANKAPOBENY

#### FIDIRAM-BOLA TAMIN'NY TETIBOLAM-PANJAKANA ANKAPOBENY

Ho an'ny taom-piasana 2020 dia 8 740,65 lavitrisa Ariary ny vinavinan'ny vola miditra voalohany tamin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny, izay nahena ho 7 178,25 lavitrisa Ariary tamin'ny LFR 2020. Niakatra 75,90% izany vola miditra izany, izany hoe 5 448,24 lavitrisa Ariary.

***Fanadihadiana ankapobeny ny vola miditra tamin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny***

**Fafana 20 : Endriky ny vola miditra**

Amin'ny Ariary

| Fitanisana | Vina LFI | Vina farany | Zava-bita |
|---|---|---|---|
| **FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA** | **7 617 189 844 000,00** | **5 980 635 621 000,00** | **5 088 279 715 870,83** |
| Vola miditra hetra | 7 036 800 409 000,00 | 5 178 600 000 000,00 | 4 518 476 646 462,93 |
| Vola miditra tsy hetra | 200 346 649 000,00 | 208 346 649 000,00 | 569 803 069 407,90 |
| Fidiram-bola tsotra | 15 069 191 000,00 | 15 069 191 000,00 | 0,00 |
| Fanampiana ara-bola tsy averina | 348 984 875 000,00 | 562 631 061 000,00 | 0,00 |
| Fidiram-bola vokatry ny fisintahan'ny Fanjakana | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| Fidiram-bola manokana | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| Renivola niditra (IADM – FMI) | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| Fanampiana/Fanonerana | 15 988 720 000,00 | 15 988 720 000,00 | 0,00 |
| **HANA-PAMOKARANA** | **1 123 458 000 000,00** | **1 197 612 000 000,00** | **359 960 526 496,80** |
| Fanampiana avy any ivelany/PIP | 1 123 458 000 000,00 | 1 197 612 000 000,00 | 359 960 526 496,80 |
| **FITAMBARANY** | **8 740 647 844 000,00** | **7 178 247 621 000,00** | **5 448 240 242 367,63** |

Loharanom-baovao : CGAF 2020

Tamin'ny vinavina farany mitentina 5 980,64 lavitrisa Ariary dia nahavoriana hatramin'ny 5 088,28 lavitrisa Ariary, izany hoe taham-pahatanterahana 85,08%. Io vola io dia nalaina tamin'ny Tamberim-bidy, fihenam-bidy, fampihenana na fanafoanana ny sanda izay mitentina 34 487 637 681,86 Ariary. Araka izany, mitentina 5 053,79 lavitrisa Ariary ny vola miditra afakaratsaka tamin'ny asa ny 2020. Raha ny vola miditra tamin'ny fampiasam-bola kosa dia 359,96 lavitrisa Ariary no voaangona tamin'ny tanjona farany 1 197,61 lavitrisa Ariary, izany hoe 30,06% ny taham-pahombiazana. Raha atambatra, nitentina **5 413,75 lavitrisa Ariary** ny vola miditra farany voaangona ho an'ny taona 2020.

***Fitsinjarana ny vola miditra tamin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny isaky ny karazana***

5 178,60 lavitrisa Ariary ny vinavina farany ho an'ny fidiram-bolan'ny hetra, ka ny 87,25% tamin'ireo no voaangona, izany hoe 4 518,48 lavitrisa Ariary.

**Fafana 21 : Fidiram-bola tamin'ny hetra**

| Toko | Anarana | Vinavina farany | Zava-bita | Haavon'ny zava-bita (%) |
|---|---|---|---|---|
| | | Amin'ny Ariary | | % |
| 70 | Hetra alaina amin'ny vola miditra, tombony, ary ny fahazoam-bola | 1 189 578 900 000,00 | 1 241 797 303 917,57 | 104,39 |
| 71 | Hetra alaina amin'ny fananana | 34 682 407 000,00 | 30 364 779 235,62 | 87,55 |
| 72 | Hetra alaina amin'ny entana sy ny raharaha | 1 760 702 796 000,00 | 1 306 284 612 021,03 | 74,19 |
| 73 | Hetra alaina amin'ny varotra ivelany | 2 174 681 072 000,00 | 1 933 606 314 810,12 | 88,91 |
| 74 | Hetra hafa | 18 954 825 000,00 | 6 423 636 478,59 | 33,89 |
| **FITAMBARANY** | | **5 178 600 000 000,00** | **4 518 476 646 462,93** | |

Loharanom-baovao : CGAF 2020, LFR 2020

Ity fafana ity dia mampiseho ny habetsahan'ny hetra tamin'ny varotra ivelany amin'ny habetsahana, na vinavina na ny tena zava-nisy. Raha ny vinavina farany mitentina 2 174,68 lavitrisa Ariary dia 1 933,61 lavitrisa Ariary no voaangona, izany hoe 88,91%, izay nesorina tamin'izany ny Tamberim-bidy, fihenam-bidy, fampihenana na fanafoanana ny sanda izay mitentina 14 760 051 424,90 Ariary. Farany, ny hetra tamin'ny varotra ivelany, notombanana ho 1 933,61 lavitrisa Ariary ary rehefa nesorina ireo singa ireo dia nitentina 1 918,85 lavitrisa Ariary.

Mikasika ny hetra tamin'ny entana sy raharaha dia 1 306,28 lavitrisa Ariary no azo. Tamin'ity sokajin-ketra ity dia nahitana : ny hetra anatiny, ny hetra anatiny tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana, ny hetra amin'ny vokatra ara-tsolika, ary ny hetra tokana amin'ny fifampiraharahana (TUT) izay nampiditra isan'isany 431,06 lavitrisa Ariary, 364,43 lavitrisa Ariary, 207,31 lavitrisa Ariary ary 197,03 lavitrisa Ariary tao amin'ny kitapom-bolam-panjakana. Nesorina tamin'io vola io ny Tamberim-bidy, fihenam-bidy, fampihenana na fanafoanana ny sanda mitentina 8 993 901 982,89 Ariary ka manome vola mitentina 1 297,29 lavitrisa Ariary. Mikasika ny hetra amin'ny vola miditra sy ny tombom-barotra ary ny fidiram-bola, mitentina 1 241,80 lavitrisa Ariary no voaangona tamin'ny faran'ny taona 2020. Nihoatra 4,39% tamin'ny vinavina farany ny zava-bitany.

Ity fafana manaraka ity dia mampiseho ny topimaso ara-tarehimarika momba ny fidiram-bola tsy hetra isaky ny karazana :

**Fafana 22 : Fidiram-bola tsy hetra**

| | | | Amin'ny Ariary | % |
|---|---|---|---|---|
| **Toko** | **Anarana** | **Vinavina farany** | **Zava-bita** | **Haavon'ny zava-bita** |
| 13 | Fanampiana ara-pitaovana | 1 213 600 720 000,00 | 359 960 526 496,80 | 29,66 |
| 75 | Anjara avy amin'ny olon-tsotra | 562 631 061 000,00 | 386 914 218 761,28 | 68,77 |
| 76 | Vokatra ara-bola | 87 808 089 000,00 | 110 176 815 041,00 | 125,47 |
| 77 | Vola miditra tsy hetra | 135 607 751 000,00 | 72 712 035 605,62 | 53,62 |
| | **FITAMBARANY** | **FITAMBARANY** | **929 763 595 904,70** | **46,50** |

Loharanom-baovao : CGAF 2020

Teo amin'ny fidiram-bola tsy hetra, tamin'ny tanjona farany 1 999,65 lavitrisa Ariary dia 929,76 lavitrisa Ariary no voaangona, izany hoe 46,50% ny tahan'ny vita. Izany vokatra izany dia avy amin'ny vokatra ara-bola tamin'ny 125,47%, indrindra tamin'ny vokatry ny fampiasam-bola, izay mitentina 103,79 lavitrisa Ariary. Ny vokatry ny fandraisana anjara voaray avy amin'ny olon-tsotra dia nanana toerana lehibe ihany koa teo amin'ny vokatra ; Nahatratra 68,77% tokoa ny taham-pahombiazana tamin'ity sokajy fidiram-bola ity raha oharina tamin'ny vinavina farany, izany hoe 386,91 lavitrisa Ariary. Ny nahitamm-pahombiazana tamin'izany dia toy izao manaraka izao ; (i) Fanampiana mivantana 330,64 lavitrisa Ariary sy (ii) Fikambanana tsy miankina iraisam-pirenena mitentina 54,47 lavitrisa Ariary. Ho an'ny vola miditra avy tamin'ny Fanampiana ho fampitaovana kosa dia mitentina 359,96 lavitrisa Ariary no voaangona, izany hoe 29,66% tamin'ny tanjona farany. Ny vola miditra tamin'ny fampiasam-bola dia vokatra avy any ivelany ary ny zava-bita tamin'ity sokajy ity dia mizara ho an'ny fanampiana roa tonta sy marolafy izay mitentina isan'isany 27,54 lavitrisa Ariary sy 332,42 lavitrisa Ariary.

Nahazo tombony 215,01 lavitrisa Ariary ny fidiram-bola tsy hetra, raha 725,55 lavitrisa Ariary ny tamin'ny taona 2019.

Ny kisary etsy ambany dia mampiseho ny endriky ny fidiram-bolan'ny tetibolam-panjakana ankapobeny ho an'ny taona 2020, araka ny karazany.

**Kisary 5 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tetibolam-panjakana ankapobeny isaky ny karazana**




Loharanom-baovao : CGAF 2020

***Fitsinjarana ny fidiram-bolan'ny tetibolam-panjakana ankapobeny isaky ny antokom-pitantanana ara-bola***

**Fafana 23 : Fidiram-bolan'ny Tetibolam-panjakana ankapobeny isaky ny antokom-pitantanana ara-bola**

| | | Amin'ny Ariary | | % |
|---|---|---|---|---|
| **Antokon-draharaha** | **Vinavina farany** | **Zava-bita** | **Haavon'ny zava-bita (1)** | **Anjara zava-bita isaky ny antokon-draharaha(2)** |
| **Fadintseranana** | 3 003 918 928 000,00 | 2 584 870 331 652,81 | 86,05 | 47,44 |
| **Hetra** | 2 174 681 072 000,00 | 1 933 606 314 810,12 | 88,91 | 35,49 |
| **Hafa** | 1 999 647 621 000,00 | 929 763 595 904,70 | 46,50 | 17,07 |
| **FITAMBARANY** | **7 178 247 621 000,00** | **5 448 240 242 367,63** | **75,90** | **100,00** |

Loharanom-baovao : CGAF 2020

(1) Ny tahan'ny zava-bita dia aseho amin'ny alàlan'ny fampitahana ny zava-bitan'ny antokom-pitantanana sy ny vinavina farany ;

(2) Ny anjara tamin'ny zava-bita dia aseho amin'ny alàlan'ny fampitahana ny zava-bitan'ny antokom-pitantanana sy ny zava-bita rehetra.


Ny Foibem-pitondrana ankapoben'ny Hetra dia nampiditra vola 2 584,87 lavitrisa Ariary raha 3 003,92 lavitrisa Ariary ny vinavina farany, izany hoe 86,05% ny tahan'ny fanangonan-ketra. Avy amin'ireo zava-bita goavana mitentina 2 584,87 lavitrisa Ariary ireo, dia 19,73 lavitrisa Ariary no

nesorina ny Tamberim-bidy, ny fihenam-bidy, ny fampihenana na ny fanafoanana ka nahazoana ny vokatra afakaratsaka ho 2 565,14 lavitrisa Ariary.

Ho an'ny fadintseranana dia mitentina 1 933,61 lavitrisa Ariary tamin'ny 2 174,68 napetraka no voaangona, izany hoe 88,91%. Nandrafitra ny 35,49% tamin'ny vola miditra ho an'ny tetibolam-panjakana ankapobeny ny fitantanana ny fadintseranana. Io vola io, taorian'ny nanesorana Tamberim-bidy, fihenam-bidy, fampihenana na fanafoanana izay tombanana ho 14,76 lavitrisa Ariary, dia nahazoana vokatra 1 918,85 lavitrisa Ariary. Vokatra nihena raha oharina tamin'ny zava-bita tamin'ny taon-dasa izay 2 372,88 lavitrisa Ariary.

Mikasika ireo antokom-pitantanana hafa dia 929,76 lavitrisa Ariary tamin'ny vinavina 1 999,65 lavitrisa Ariary no voaangona tamin'ny faran'ny taom-piasana 2020, izany hoe 46,50%-n'ny vinavina farany. Hita ny fisondrotry ny vola miditra tamin'ireo vola ireo, izay niakatra avy amin'ny 725,55 lavitrisa Ariary ho 929,76 lavitrisa Ariary, izany hoe 17,07%-n'ny vola miditra tamin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny.

**Kisary 6 : Zava-bitan'ireo antokom-pitantanana ara bola tao amin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny**




Loharanom-baovao : CGAF 2020

**FANDANIAM-BOLAN’NY TETIBOLAM-PANJAKANA ANKAPOBENY**

***Zana-bola amin’ny trosam-panjakana***

Ny zanabola amin'ny trosam-panjakana dia famoaham-bola vokatry ny findramam-bola ataon'ny Governemanta. Ho an’ny taona 2020, ny sora-bola nisokatra ho fandoavana ny zanabola amin'ny trosam-panjakana, sokajy I amin’ny fanasokajiana araka ny karazany tao amin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny, dia mitentina 452,05 lavitrisa Ariary tao amin’ny LFI, ka tafakatra 508,21 lavitrisa Ariary tamin’ny LFR. Ireo sora-bola farany ireo dia mitovy amin’ny 8,51% -n’ny tetibola fampandehanan-draharahan’ny Fanjakana.

Ity fafana manaraka ity dia maneho ny zava-misy amin'ity sokajim-pandaniana ity :

**Fafana 24 : Sora-bola sy ny fandaniana natao tamin'ny zanabola amin'ny trosam-panjakana**

Amin’ny Ariary

| Kaonty | Fitanisana | LFI | Sora-bola farany | Fandaniana |
|---|---|---|---|---|
| 6285 | Banky sy ny asa mitovy amin'izany | 29 680 000 000,00 | 18 000 000 000,00 | 0,00 |
| 6611 | Zanabolan'ny trosa | 398 370 243 000,00 | 466 205 000 000,00 | 343 399 396 238,20 |
| 6632 | Zanabola avy amin'ny petra-bola | 24 000 000 000,00 | 24 000 000 000,00 | 19 646 652 516,26 |
| **Fitambarany** | | **452 050 243 000,00** | **508 205 000 000,00** | **363 046 048 754,46** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020

Ny « banky sy ny tolotra mitovy amin'izany » sy ny « zanabola avy amin’ny petra-bola » dia tsy tafiditra ao anatin’ny zanabola amin’ny trosam-panjakana fa mitovy amin’ny vola lany amin’ny fitantanana sy ny fandoavana ny zanabola amin'ny findramam-bola. Ny tahan’ny famoaham-bola ho an’ny zanabola avy amin’ny petra-bola dia 81,86%, izany hoe 19,65 lavitrisa Ariary. Tsy nisy famoaham-bola natao ho an’ny Banky sy ny tolotra mitovy amin'izany.

Nahatratra 73,66% ny zanabola amin'ny trosam-panjakana, izany hoe 343,40 lavitrisa Ariary. Mizara roa izy ireo, ka ny 33,36% momba ny zanabola amin’ny trosa ivelany ary 66,64% amin’ny zanabola amin’ny trosa anatiny.

Ity fafana manaraka ity dia mampiseho ny zavatra mahaliana tamin'ny zanabolan'ny trosa ny 2020 :


**Fafana 25 : Haavon'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa araka ny antony**

Amin'ny Ariary

| Anton'ny fandaniana | Teti-bidy |
|---|---|
| Fandraiketana ny fandoavana ny zana-bolan'ny BTS Ambatovy sy fandoavana ireo IRCM mifandraika amin'izany, mifarana ny volana jona 2020. | 701 125 080,00 |
| Fandraiketana ny fandoavana ny zana-bola amin'ny trosa anatiny. | 66 164 122 712,65 |
| Fandoavana zana-bola ho tombontsoan'ny Kaompania ARO « Assurances Réassurances Omni branches » araka ny fifanarahana ny 06/10/2014. | 3 570 394 681,28 |
| Fandoavana zana-bola ho tombontsoan'ny SPGA (Société du port à Gestion Autonome) tao Toamasina araka ny fifanarahana tamin'ny 22/10/2014 - mifarana ny taona 2020. | 765 559 548,18 |
| Fandoavana zana-bolan'ny BTF amin'ny anaran'ny « COMPAGNIE MALGACHE D'ASSURANCE ET DE REASSURANCE NY HAVANA », mifarana ny Desambra 2020 | 98 400 000,00 |
| Fandoavana ny zana-bolan'ny BTF, tokony ho volana Janoary hatramin'ny Desambra 2020 | 99 990 572 622,83 |
| Fandoavana zana-bola ho an'ny BTS Ambatovy, ny 1 febroary 2020 | 3 140 979 700,00 |
| Fandoavana zana-bolan'ny BTS-CP sy fandoavana ireo IRCM mifandraika amin'izany. Fe-potoana martsa sy aprily 2020 | 4 989 600 000,00 |
| Fandoavana zana-bola, sarany sy anjara vola momba ny trosa ivelany. | 114 542 388 270,91 |
| Fandoavana ny zana-bolan'ny trosa anatiny | 35 555 284 443,06 |
| Fandoavana ny IRCM momba ny zana-bolan'ny trosa anatiny. | 2 207 925 800,00 |
| Fikarakarana ny fandoavana ny zana-bola takian'ny BFM amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Fe-potoana 2020 | 11 673 043 379,29 |
| **FITAMBARANY** | **343 399 396 238,20** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020

**Kisary 7 : Endriky ny zanabola amin'ny trosam-panjakana**




Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020

***Lahasa momba ny karama***

**a. Fandaniana mahakasika ny mpiasa sokajy faharoa (2)**

Ho an'ny taom-piasana 2020, ny fandaniana ho an'ny mpiasa tao amin'ny sokajy faharoa (II) dia notohanana tamin'ny tetibola 2 700,00 lavitrisa Ariary tamin'ny voalohany, nahena ho 2 698,49 lavitrisa Ariary tamin'ny LFR.

**Fafana 26 : Lahasa momba ny karama**

Amin'ny Ariary


| Kaonty | Anarana | LFI 2020 | LFR 2020 | Fandaniana |
|---|---|---|---|---|
| 6011 | Mpiasa raikitra | 2 439 400 000 000,00 | 2 437 826 931 000,00 | 2 348 700 926 285,84 |
| 6062 | CRCM | 181 640 116 000,00 | 178 389 431 000,00 | 167 572 118 774,20 |
| 6063 | CPR | 78 959 884 000,00 | 82 270 473 000,00 | 76 005 312 782,80 |
| | **Fitambarany** | **2 700 000 000 000,00** | **2 698 486 835 000,00** | **2 592 278 357 842,84** |

Loharanom-baovao : BCSE 2020, SIIGFP 2020

Tamin'ny faran'ny taona 2020 dia nampiasana hatramin'ny 96,06% ny sora-bola farany ho an'ny karama, izany hoe 2 592,28 lavitrisa Ariary. Ny singa fototra amin'ity kaonty ity dia : ny fandaniana amin'ny mpiasa raikitra izay tsy inona fa ny fikarakarana ireo mpiasa manao ny asa maharitra eo anivon'ny Fanjakana, ny latsak'emboka CRCM (Caisse de Retraites Civiles et Militaires) ary ny latsak'emboka CPR (Caisse de Prévoyance de Retraite) izay andraikitra momba ny sosialy mifandraika amin'ny fitantanana ny mpiasam-panjakana.

Ny kisary etsy ambany dia mampiseho ny zava-misy tamin'ny lahasa momba ny karama.

**Kisary 8 : Lahasa momba ny karama**




Loharanom-baovao : BCSE 2020, SIIGFP 2020

Ny vola ho an'ny mpiasa raikitra dia lany hatramin'ny 96,34%, izany hoe 2 348,70 lavitrisa Ariary, ary ny vola ho an'ny andraikitra momba ny sosialy nampiasaina hatramin'ny 93,45%, izany hoe 260,66 lavitrisa Ariary.

**b. Fandaniana sokajy fahatelo mahakasika ny mpiasa (3)**

Mikasika ny vola aloa ho an'ny mpiasa tsy tafiditra ao anatin'ny karama sokajy faharoa (II), sora-bola mitentina 224,86 lavitrisa Ariary no natao hamatsiana ny fandaniana maharitra sy tsy maharitra, ho an'ny mpiasan'ny Andrim-panjakana ary koa ny latsakemboka mifandraika amin'izany.

**<u>Fafana 27 : Fandaniana sokajy fahatelo mahakasika ny mpiasa</u>**

Amin'ny ariary

| Kaonty | Anarana | LFI | Sora-bola farany | Fandaniana |
|---|---|---|---|---|
| 6011 | Mpiasa raikitra | 20 366 525 000,00 | 19 982 838 000,00 | 19 980 717 335,70 |
| 6012 | Mpiasa tsy raikitra | 57 852 952 000,00 | 66 484 799 350,00 | 60 649 400 190,42 |
| 6013 | Mpiasa mpikambana amin'ny Andrim-panjakana | 9 519 365 000,00 | 11 970 381 000,00 | 9 568 925 098,92 |
| 6021 | Mpiasa raikitra | 5 000 000 000,00 | 4 050 088 000,00 | 4 050 088 000,00 |
| 6022 | Mpiasa tsy raikitra | 267 134 000,00 | 230 580 000,00 | 229 684 800,00 |
| 6031 | Mpiasa raikitra | 60 998 418 000,00 | 62 313 443 094,00 | 54 689 233 145,23 |
| 6032 | Mpiasa tsy raikitra | 9 005 913 000,00 | 8 491 252 000,00 | 8 236 846 126,00 |
| 6033 | Mpiasa mpikambana amin'ny Andrim-panjakana | 8 197 377 000,00 | 7 666 173 000,00 | 7 664 537 500,00 |
| 6041 | Mpiasa raikitra | 17 515 220 000,00 | 29 933 914 500,00 | 16 657 574 160,00 |
| 6042 | Mpiasa tsy raikitra | 7 688 314 000,00 | 7 489 285 500,00 | 7 468 727 830,00 |
| 6061 | Latsak'emboka CNAPS | 5 274 388 000,00 | 4 715 159 556,00 | 4 195 897 839,50 |
| 6062 | Latsak'emboka CRCM | 1 116 197 000,00 | 1 018 605 000,00 | 1 018 471 256,40 |
| 6063 | Latsak'emboka CPR | 511 888 000,00 | 514 710 000,00 | 510 916 451,00 |
| **FITAMBARANY** | | **203 313 691 000,00** | **224 861 229 000,00** | **194 921 019 733,17** |

<u>Loharanom-baovao :</u> BCSE 2020, SIIGFP 2020

Ny sora-bola farany mitentina 224,86 lavitrisa Ariary dia lany hatramin'ny 86,69%, izany hoe 194,92 lavitrisa Ariary. Nijanona manodidina ny 195 lavitrisa Ariary ny zava-bitan'ny fandaniana sokajy fahatelo (III) mahakasika mpiasa teo anelanelan'ny taona 2019 sy 2020.

Raha tsorina dia 2 923,35 lavitrisa Ariary ny sora-bola farany ho amin'ny fandoavana ny fandaniana momba ny mpiasa, ka 95,34% ny tahan'ny fampiasana azy, izany hoe 2 787,21 lavitrisa Ariary.

***<u>Lahasa ankoatra ny karama</u>***

Ny fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha dia famoaham-bola ateraky ny asa mahazatra ataon'ny Fitantanana. Amin'ny ankapobeny, izy io dia ahitana ny Fividianana entana, Raharaha sy andraikitra maharitra, fandaniana amin'ny fidirana an-tsehatra, hetra sy haba, Famindram-

bola sy fanampiana ary andraikitra isan-karazany. Tamin'ny taona 2020, mitentina 1 682,63 lavitrisa Ariary ireo fandaniana ireo, anisan'izany ny 1 206,10 lavitrisa Ariary ho an'ny Famindram-bola sy ny fanampiana.

**Fafana 28 : Lahasa ankoatra ny karama**

| | | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | % | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Toko** | **Anarana** | **LFI** | **Sora-bola farany** | **Fandaniana** | **Taha (1)** | **Taha (2)** |
| 61 | Fividianana entana | 174,50 | 187,08 | 174,78 | 93,43 | 11,58 |
| 62 | Raharaha sy adidy raikitra | 255,41 | 173,16 | 145,06 | 83,77 | 9,61 |
| 63 | Fandaniana amin'ny fidirana an-tsehatra | 14,18 | 100,00 | 13,52 | 13,52 | 0,90 |
| 64 | Hetra sy haba | 0,13 | 0,07 | 0,55 | 770,75 | 0,04 |
| 65 | Famindram-bola sy fanampiana | 983,61 | 1 206,10 | 1 159,78 | 96,16 | 76,82 |
| 67 | Adidy samihafa | 16,48 | 16,22 | 16,01 | 98,75 | 1,06 |
| | **FITAMBARANY** | **1 444,31** | **1 682,63** | **1 509,70** | **89,72** | **100,00** |

Loharanom-baovao: BCSE 2020, SIIGFP 2020

(1) Ity no taha mampiseho ny vola lany tao anatin'ny sora-bolany farany ;


(2) Ity no fampitahana ny fandaniana vita isaky ny karazana amin'ny fitambaran'ny fandaniana rehetra ho an'ny lahasa ankoatra ny karama.

Mitentina 1 509,70 lavitrisa Ariary ny zava-bita ankapobeny tamin'ny famoaham-bola mahazatra ankoatra ny karama, izany hoe 89,72% ny tahan'ny fandaniam-bola. Ny sora-bola farany 187,08 lavitrisa Ariary dia natokana hividianana entana ho an'ny Fitantanan-draharaha ary 174,78 lavitrisa Ariary no lany, izany hoe 93,43% tamin'ny sora-bola farany ; izany famoaham-bola izany dia maneho ny 11,58% amin'ny fitambaran'ny fandaniana tamin'ny asa fampandehanan-draharaha ankoatry ny karama. Mikasika ny tolotra sy ny andraikitra maharitra, dia nisy tetibola farany natokana izay 173,16 lavitrisa Ariary, ka ny 145,06 lavitrisa Ariary no nampiasaina, izany hoe 83,77%. Io vola io dia mifanandrify amin'ny 9,61% tamin'ny fitambaran'ny fandaniana tamin'ny lahasa ankoatry ny karama. Raha ny fandaniana tamin'ny fidirana an-tsehatra, nampiasaina ny 13,52% na 13,52 lavitrisa Ariary tamin'ny sora-bola farany 100,00 lavitrisa Ariary. Vola 0,07 lavitrisa Ariary no natokana ho an'ny hetra sy haba, nahatratra 770,75% na 0,55 lavitrisa Ariary. Nisy araka izany ny fihoarana tamin'ny fampiasam-bola, tamin'ny fandoavana hetra, haba sy adidy isan-karazany nataon'ireo Masoivohon'i Madagasikara sy solontena maharitra an'i Madagasikara tany amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena. Mikasika ny fandaniana tamin'ny famindram-bola sy ny fanampiana, tamin'ny tetibola mitentina 1 206,10 lavitrisa Ariary nokasaina hamatsiana azy ireo dia 96,16% no lany, izany hoe 1 159,78 lavitrisa Ariary. Io vola io dia maneho ny 76,82% tamin'ny fitambaran'ny fandaniana tamin'ny lahasa ankoatry ny karama. Ny fandaniana isan-karazany dia nampiasa ny 98,75%-n'ny tetibolany farany, izany hoe 16,01 lavitrisa Ariary tamin'ny sora-bola 16,22 lavitrisa Ariary. Ny anjarany tamin'ny fandaniana isan-karazany tao amin'ny lahasa ankoatra ny karama dia 1,06%.

Raha oharina tamin'ny taom-piasana 2019, dia nisy ny fihenana 604,21 lavitrisa Ariary, fihenana tamin'ny fanatanterahana ny tetibola izay saika hita tamin'ny karazam-pandaniana rehetra tao amin'ny lahasa ankoatra ny karama.

Ny fafana etsy ambany dia mampiseho ny endriky ny lahasa ankoatra ny karama isaky ny karazam-pandaniana.

**<u>Kisary 9 : Lahasa ankoatra ny karama</u>**




<u>Loharanom-baovao :</u> BCSE 2020, SIIGFP 2020

***<u>Lahasan'ny hana-pamokarana</u>***

Mitentina 4.980,42 lavitrisa Ariary, izany hoe 32,66% tamin'ny tetibolam-panjakana, ny sora-bola farany natokana ho an'ny fampiasam-bola. Raha oharina tamin'ny taona 2019 dia nitombo 1 269,21 lavitrisa Ariary ny fandaniana tamin'ny fampiasam-bola.

**a. Fampiasana ny sora-bola ho an'ny fampiasam-bola**

Ny fandaniana amin'ny fampiasam-bola dia sokajiana ho singa telo tsy azo sarahina ao amin'ny tetibola. Ireo dia ny fananana tsy azo tsapain-tanana, ny fananana azo tsapain-tanana ary ny famindram-bola sy fanampiana. Ho an'ny taom-piasana 2020, mitentina 1 557,60 lavitrisa Ariary ny fampiasana ny fananana mivaingana sy tsy azo tsapain-tanana, ka ny 1 399,74 lavitrisa Ariary tamin'ireo dia tamin'ny fananana mivaingana. Ny ambiny kosa, ny famindram-bola sy fanampiana dia mitentina 1 465,51 lavitrisa Ariary ary 400,84 lavitrisa Ariary no natokana ho an'ny saram-piasana alohan'ny fampiasam-bola.

Ny fafana etsy ambany dia mamintina ny fampiasana ny sora-bola natokana ho an'ny fampiasam-bola ho an'ny taona 2020.

**Fafana 29 : Fiasan'ny fampiasam-bola**

Amin'ny Ariary

| Toko | Anarana | LFI 2020 | Sora-bola farany | Fandaniana |
|---|---|---|---|---|
| 20 | Immobilisations incorporelles | 389 000 000,00 | 192 500 000,00 | 34 032 509,37 |
| 21 | Immobilisations corporelles | 715 711 000,00 | 826 591 000,00 | 1 773 169 909,08 |
| 23 | Immobilisations incorporelles en cours | 539 360 902 000,00 | 449 266 748 000,00 | 156 053 158 364,29 |
| 24 | Immobilisations corporelles en cours | 3 049 481 300 000,00 | 2 496 228 370 000,00 | 1 399 737 549 893,72 |
| 65 | Famindram-bola sy fanampiana | 590 452 706 000,00 | 1 494 150 878 000,00 | 1 465 506 054 119,76 |
| 2317 | Immobilisations incorporelles en cours - Frais de développement, de recherche et d'études - Frais de pré-exploitation | 654 944 910 000,00 | 540 177 408 000,00 | 400 841 841 607,59 |
| **FITAMBARANY** | | **4 835 344 529 000,00** | **4 980 842 495 000,00** | **3 423 945 806 403,81** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020 sy BCSE 2020

**b. Fandaniana tamin'ny fampiasam-bola isaky ny famatsiam-bola**

**Fafana 30 : Fandaniana tamin'ny fampiasam-bola isaky nyfamatsiam-bola**

Amin'ny ariary

| Singa | Fam. | Ana. | LFI | Sora-bola farany | Fandaniana |
|---|---|---|---|---|---|
| Famatsiam-bola anatiny | 10 | RPI | 2 081 380 591 000,00 | 2 299 448 516 000,00 | 2 166 721 661 381,85 |
| | 20 | DTI | 108 007 458 000,00 | 36 074 570 000,00 | 34 943 716 797,00 |
| | 30 | TVA | 154 605 480 000,00 | 22 638 409 000,00 | 8 365 137 806,29 |
| **Fitambaran'ny Famatsiam-bola anatiny** | | | **2 343 993 529 000,00** | **2 358 161 495 000,00** | **2 210 030 515 985,14** |
| Famatsiam-bola ivelany | 60 | SUB. | 1 123 458 000 000,00 | 1 197 612 000 000,00 | 346 577 743 483,22 |
| | 70 | EMP. | 1 367 893 000 000,00 | 1 425 069 000 000,00 | 867 337 546 935,45 |
| **Fitambaran'ny Famatsiam-bola ivelany** | | | **2 491 351 000 000,00** | **2 622 681 000 000,00** | **1 213 915 290 418,67** |
| **FITAMBARAM-BE** | | | **4 835 344 529 000,00** | **4 980 842 495 000,00** | **3 423 945 806 403,81** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020 sy BCSE 2020

Ny sora-bola momba ny asa fampiasam-bola dia nahazoana 2 358,16 lavitrisa Ariary tamin'ny famatsiam-bola anatiny ary 2 622,68 lavitrisa Ariary ny famatsiam-bola ivelany. Mitentina 3 423,95 lavitrisa Ariary ny fandaniana atmin'ny fampiasam-bola, izany hoe 68,74% ny tahan'ny fandaniam-bola. Tamin'io vola io, ny fandaniana tamin'ny famatsiam-bola anatiny dia nahatratra 74,71%, izany hoe 2 210,03 lavitrisa Ariary. Nihena izany vokatra izany tamin'ny tahan'ny fandaniana vola ho an'ny famatsiam-bola avy any ivelany izay 46,29%, na 1 213,92 lavitrisa Ariary.

### c. Fampiasam-bola isaky ny faritra

<u>**Fafana 31 : Fandaniana tamin'ny fampiasam-bola isaky ny faritra**</u>

| | | | Amin'ny Ariary | Taha % | |
|---|---|---|---|---|---|
| **FARITRA** | **LFI** | **Sora-bola farany** | **Fandaniana** | **(1)** | **(2)** |
| Alaotra Mangoro | 2 533 726 000,00 | 3 719 126 000,00 | 3 692 551 914,60 | 99,29 | 0,11 |
| Amoron'i Mania | 2 074 353 000,00 | 2 190 934 000,00 | 2 109 808 733,10 | 96,30 | 0,06 |
| Analamanga | 10 390 725 000,00 | 9 268 195 000,00 | 7 282 488 649,78 | 78,58 | 0,21 |
| Analanjirofo | 2 248 474 000,00 | 3 704 371 000,00 | 3 584 435 570,08 | 96,76 | 0,10 |
| Androy | 1 589 474 000,00 | 2 538 973 000,00 | 2 453 313 152,48 | 96,63 | 0,07 |
| Anosy | 1 709 231 000,00 | 1 820 356 000,00 | 1 683 107 616,50 | 92,46 | 0,05 |
| Atsimo Andrefana | 93 827 797 000,00 | 86 161 921 000,00 | 72 674 522 977,79 | 84,35 | 2,12 |
| Atsimo Atsinanana | 1 870 962 000,00 | 2 846 474 000,00 | 2 820 536 077,82 | 99,09 | 0,08 |
| Atsinanana | 3 959 229 000,00 | 3 784 429 000,00 | 3 717 219 957,45 | 98,22 | 0,11 |
| Betsiboka | 1 341 084 000,00 | 1 692 796 000,00 | 1 413 058 002,83 | 83,47 | 0,04 |
| Boeny | 4 006 119 000,00 | 4 018 917 000,00 | 3 719 924 529,02 | 92,56 | 0,11 |
| Bongolava | 1 561 960 000,00 | 1 369 502 000,00 | 1 324 183 072,90 | 96,69 | 0,04 |
| Foibe | 4 633 347 012 000,00 | 4 783 513 732 000,00 | 3 281 298 481 651,78 | 68,60 | 95,83 |
| Diana | 10 331 529 000,00 | 9 188 697 000,00 | 3 984 915 372,57 | 43,37 | 0,12 |
| Fitovavy | 1 578 363 000,00 | 2 579 056 000,00 | 2 578 967 851,40 | 100,00 | 0,08 |
| Matsiatra Ambony | 5 764 418 000,00 | 3 827 719 000,00 | 3 826 298 551,68 | 99,96 | 0,11 |
| Ihorombe | 1 452 406 000,00 | 1 735 601 000,00 | 1 600 591 654,95 | 92,22 | 0,05 |
| Itasy | 1 363 984 000,00 | 1 722 495 000,00 | 1 586 997 456,16 | 92,13 | 0,05 |
| Melaky | 1 941 286 000,00 | 2 827 090 000,00 | 1 627 042 293,00 | 57,55 | 0,05 |
| Menabe | 41 974 077 000,00 | 41 308 572 000,00 | 10 193 782 859,84 | 24,68 | 0,30 |
| Sava | 2 036 914 000,00 | 2 337 339 000,00 | 2 255 218 945,78 | 96,49 | 0,07 |
| Sofia | 2 665 453 000,00 | 3 903 304 000,00 | 3 835 987 404,21 | 98,28 | 0,11 |
| Vakinakaratra | 4 975 953 000,00 | 3 982 896 000,00 | 3 882 372 108,09 | 97,48 | 0,11 |
| Vatovavy | 800 000 000,00 | 800 000 000,00 | 800 000 000,00 | 100,00 | 0,02 |
| **FITAMBARANY** | **4 835 344 529 000,00** | **4 980 842 495 000,00** | **3 423 945 806 403,81** | **68,74** | **100,00** |

<u>Loharanom-baovao :</u> LFI 2020, LFR 2020 sy BCSE 2020

(1) Ity no taha mampiseho ny vola lany tao anatin'ny sora-bolany farany ;

(2) Ity dia ny fampitahana ny vola lany isaky ny faritra sy ny fitambaran'ny fandaniana rehetra tamin'ny fampiasam-bola.

Raha oharina tamin'ny taon-dasa dia nitombo 1 420,11 lavitrisa Ariary ny fandaniana tamin'ny fampiasam-bola, izany hoe niakatra 70,86%. Ity fafana ity dia mampiseho ny mahabetsaka ny fandaniana teny amin'ny foibe, anisan'izany ny fandanian'ny Minisitera voatokana ho an'ny PGA, ho an'ny Fahefam-panjakana, ho an'ny tahirimbolam-panjakana (Tahirimbolan'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, Fanabeazam-pirenena, Fambolena sy Fiompiana, Asam-panjakana) na ihany koa ireo voatendry ho an'ny ACCPDC izay mitentina 3 281,30 lavitrisa Ariary, izany hoe 95,83%. Raha teny anivon'ny faritra, na dia teo anelanelan'ny 0,02% sy 2,12% ihany aza ny taha ho an'ny isam-paritra raha ampitahaina amin'ny fandanian'ny fampiasam-bola manontolo, dia nahatratra 68 ,74% eo ho eo ny

fandaniana ny vola. Faritra roa ihany no nahitana vokatra ambanin'ny salan'isa, dia ny faritra Diana sy Menabe, izay nahatratra 43,37% sy 24,68%. Na izany aza, ny taham-pandaniana vola ho an'ny faritra Vatovavy, Fitovinany, Alaotra Mangoro, Atsimo Atsinanana ary Matsiatra Ambony dia nahitana 100,00%, 100,00%, 99,29%, 99,09% ary 99,96% isan'isany.

***Famintinana ny zava-bitan'ny Tetibolam-panjakana ankapobeny isaky ny sokajy***

Ity fafana manaraka ity dia mamintina ny fitsinjarana ny sora-bola voalohany sy farany, ny zava-bita isaky ny sokajim-pandaniana tsirairay, ny taha momba ny fandaniana ny tetibola ary koa ny anjara isaky ny sokajim-pandaniana rehetra tao amin'ny tetibolam-panjakana ankapobeny.

**Fafana 32 : Famintinana ny zava-bita tamin'ny Tetibolam-panjakana ankapobeny**

| | | | Amin'ny lavitrisa Ariary | | Taha % | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Sok.** | **Fitanisana** | **LFI** | **Sora-bola farany** | **Fandaniana** | **(1)** | **(2)** |
| 1 | Zana-bolan'ny trosa | 452,05 | 508,21 | 363,05 | 71,44 | 4,49 |
| 2 | Karama | 2 903,31 | 2 923,35 | 2 787,20 | 95,34 | 34,48 |
| 3 | Fampandehanan-draharaha – Tsy karama | 1 444,31 | 1 682,63 | 1 509,70 | 89,72 | 18,68 |
| 5 | Fampiasam-bola | 4 835,34 | 4 980,84 | 3 423,95 | 68,74 | 42,36 |
| | **FITAMBARANY** | **9 635,02** | **10 095,03** | **8 083,89** | **80,08** | **100,00** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020 sy BCSE 2020


(1) Ity no ampahany isaky ny sokajim-pandaniana tsirairay tao anatin'ny tetibolany farany ;

(2) Iy no ampahany tamin'ny fandaniana vita isaky ny sokajy tao anatin'ny fandaniam-bola rehetra ho an'ny Tetibolam-panjakana ankapobeny.

Teo amin'ny fampiasana ny tetibola, lany ny 80,08%-n'ny vola natokana ho an'ny tetibola ankapobeny. Voalohany, nampiasa ny 71,44% tamin'ny sora-bola farany azony ny trosam-panjakana, na 4,49% tamin'ny fandaniana manontolo. Avy eo, ho an'ny karama, sokajy faharoa (II) sy ny sokajy fahatelo (III) nitambatra, dia 95,34% tamin'ny sora-bola farany no nampiasaina, izay maneho ny 34,48% tamin'ny fandanian'ny tetibolam-panjakana ankapobeny. Ny asa fampandehanan-draharaha ankoatra ny karama sy ankoatra ny andraikitra ara-bola dia nampiasa ny sora-bola nomena azy hatramin'ny 89,72%, na 18,68% tamin'ny fandanian'ny tetibolam-panjakana ankapobeny. Farany, nahatratra 68,74% ny fandaniana ny vola ho an'ny fampiasam-bola, na 42,36% tamin'ny fandanian'ny tetibolam-panjakana ankapobeny.

Ity fafana manaraka ity dia manasongadina ny ampahan'ny fandaniana isaky ny sokajy ho an'ny Tetibolam-panjakana Ankapobeny.

**Kisary 10 : Tetibolam-panjakana ankapobeny isaky ny sokajy**




Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020 et BCSE 2020

**FIFANAKALOZANA ARA-BOLA**

Nahatratra 10 798 994 499,28 Ariary ny tombony tamin'ny fifanakalozana ara-bola ho an'ny taona 2020, ka 7 672 786 052,12 Ariary no nandoavana ny elanelana hamenoana ny kaontim-bola vahiny tao amin'ny BFM ary 3 126 208 447,16 Ariary ny tombony ara-pifanakalozana.

Raha ny fatiantoka momba ny fifanakalozana vola dia nahatratra 847.920.885.552,15 Ariary tamin'ny taona 2020, izay ahitana ny :

- Fanarenana ny fatiantoka ara-bola momba ny trosa ivelany an'ny ACCTDP izay 837 849 268 664,27 Ariary ;
- Famenoana ny elanelan'ny tsy fitoviana ho an'ny ACCPDC tamin'ny fandefasana vola amin'ny ACPDC, taona 2019 sy 2020 izay 7 920 885 552,15 Ariary ;
- Famenoana ny kaonty fiandry 4763 "Fampitomboana ny trosa lavitr'ezaka sy antonon'ezaka" taom-piasana 2019 izay 2.150.731.335,73 Ariary.
- Ny vokatra tamin'ny fifanakalozana ara-bola, vokatry ny tsy fitovian'ny tombony sy ny fandaniana tamin'ireo asa ireo, noho izany dia hita ny fatiantoka 837 121 891 052,87 Ariary ho an'ny taona 2020.

## 2. TETIBOLA ANANKINA

Ny lahasa ara-tetibola sy ara-bola tao amin'ny Tetibola Anankina dia nahitana ny asa nataon'ny Tranompirintim-pirenena sy ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra. Ireo asa ireo dia voarakitra tao anatin'ny Fizarana Faharoa (II) amin'ny Tetibolam-panjakana. Amin'izao fotoana izao, ity fizarana ara-tetibola ity dia manana fandaharan'asa efatra (4) izay miraikitra amin'ny Minisitera roa samihafa, ny iray (1) amin'izany ho an'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny telo (3) ho an'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana sy Fanovàna ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra ; dia :

- ✓ Tranomprintim-pirenena - Fandaharan'asa « 013 Fitantanana sy fandrindrana » an'ny iraka « 220 Fitantanam-bola sy Tetibola », an'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ;
- ✓ Paositra sy Fifandraisan-davitra – Fandaharan'asa « 023 Fitantanana sy fandrindrana », « 214 Fanohanana ny fanitarana ny fandrakofana paositra » ary « 043 Fitantanana sy fandrindrana » an'ny iraka « 660 Paositra sy Fifandraisan-davitra » sy « 670 TIC » avy amin'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana sy Fanovàna ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra.

***<u>Tranompirintim-pirenena (IN)</u>***

### a. Fidiram-bolan'ny Tranompirintim-pirenena

Ny vinavinan'ny vola miditra ho an'ny Tranompirintim-pirenena ny taona 2020 dia 27,76 lavitrisa Ariary. Nidina manodidina ny 10 lavitrisa Ariary raha oharina tamin'ny vinavina tamin'ny taon-dasa. Izany dia noho ny fanafoanana ireo fampidiram-bola sasany, izay tsy nampiasaina tato anatin'ny taona vitsivitsy; dia ny 1426-Fitaovana sy fampitaovana, 1427-Fitaovanm-pitaterana, 7721-Fanomezana tolotra, 7726-Entam-barotra, 7728-Vokatra tamin'ireo asa hafa, 7781-Fanafoana didy famoaham-bola ary 7788-Vokatra hafa tsy matetika ; ary ankilany, tamin'ny fanajana ny fitsipiky ny fahamarinana, izay tsy maintsy nanaovana ny fanitsiana ny vinavinan'ny fidiram-bolan'ny IN, tamin'ny fandinihana ny vola ampidirin'ny asa hatrany amin'ny vinavina voalohany sy ny vokatra vita tamin'ny fotoanan'ny LFR.

Noho izany, ny vinavinan'ny fidiram-bolan'ny IN dia nifototra indrindra tamin'ny vokatra vita sy ny asa navoaka ho an'ny olon-tsotra, ankilany, ary andaniny, tamin'ny fisintonana vola tao amin'ny tahiry sy ny tahiry ho fanavaozam-pitaovana.

Ity fafana manaraka ity dia mampiseho ny endriky ny fidiram-bolan'ny Tetibola Anankina an'ny Tranompirintim-pirenena :

**Fafana 33 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tranompirintim-pirenena**

Amin'ny Ariary


| kaonty | Fitanisana | Vina voalohany | Vina farany | Haba fandoa | Famoriam-bola vita |
|---|---|---|---|---|---|
| 1061 | Réserve des B.A. | 0,00 | 2 000 000 000,00 | 1 100 000 000,00 | 1 100 000 000,00 |
| 7722 | Produits finis | 17 000 000 000,00 | 16 574 842 000,00 | 10 781 266 066,12 | 10 781 266 066,12 |
| 7725 | Travaux | 1 500 000 000,00 | 1 500 000 000,00 | 236 605 317,88 | 236 605 317,88 |
| 7783 | Excédents des B.A. | 6 314 842 000,00 | 0,00 | 0,00 | 0,00 |
| 10612 | Fonds de renouvell. | 0,00 | 7 690 000 000,00 | 121 885 000,00 | 121 885 000,00 |
| **Fitambarany** | | **24 814 842 000,00** | **27 764 842 000,00** | **12 239 756 384,00** | **12 239 756 384,00** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny I.N. taona 2020

Ny taona 2020, tao anatin'ny vinavina farany mitentina 27,76 lavitrisa Ariary, dia nitentina 12,24 lavitrisa Ariary ny vola niditra tamin'ny Tranomprintim-pirenena, izany hoe 44,10% ny tahan'ny fahombiazana. Ny fivarotana ny vokatra vita dia 88,07% tamin'ny vola niditra, izany hoe 10,78 lavitrisa Ariary, niakatra 1,76 lavitrisa Ariary, satria tamin'ny taona 2019 dia 9,02 lavitrisa Ariary izany. Etsy ankilany, raha ny vola azo tamin'ny asa dia nisy fihemorana 381,93 lavitrisa Ariary.

Raha ampitahaina tamin'ny taon-dasa dia nidina teo amin'ny 5,99 lavitrisa Ariary eo ho eo ny vola miditra. Manazava izany ny hoe (i) tamin'ny taona 2019 dia 3,06 lavitrisa Ariary no nalain'ny Tranompirintim-pirenena tamin'ny tahiry ho fanavaozam-pitaovana, raha 121,89 tapitrisa Ariary monja izany ny taona 2020 ; (ii) ny Tranompirintim-pirenena dia nampiditra vola mitentina 5,75 lavitrisa Ariary nalaina tao amin'ny tahiry fa tamin'ny taona 2020 dia 1,1 lavitrisa Ariary ihany no nalainy. Ity kisary manaraka ity dia mampiseho ny haavon'ny zava-bita tamin'ny fampidiram-bolan'ny Tranompirintim-pirenena.

**Kisary 11 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Tranompirintim-pirenena**




Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny I.N. taona 2020

### b. Fandaniam-bolan'ny Tranomprintim-pirenena

**Fafana 34 : Endriky ny fandaniam-bolan'ny Tranomprintim-pirenena**


Amin'ny Ariary

| Toko | Fitanisana | Sora-bola LFI | Sora-bola farany | Fandaniana | Tsy nampiasaina |
|---|---|---|---|---|---|
| 23 | Immobilisations incorporelles | 140 000 000,00 | 140 000 000,00 | 0,00 | 140 000 000,00 |
| 24 | Immobilisations corporelles | 5 550 000 000,00 | 7 550 000 000,00 | 121 885 000,00 | 7 428 115 000,00 |
| **FITAMBARAN'NY HANA-PAMOKARANA** | | **5 690 000 000,00** | **7 690 000 000,00** | **121 885 000,00** | **7 568 115 000,00** |
| 60 | Vola aloa amin'ny mpiasa | 7 285 500 000,00 | 8 115 500 000,00 | 5 877 336 143,40 | 2 238 163 856,60 |
| 61 | Fividianana entana | 5 970 842 000,00 | 5 970 842 000,00 | 2 557 993 918,00 | 3 412 848 082,00 |
| 62 | Raharaha sy adidy raikitra | 3 850 000 000,00 | 3 920 000 000,00 | 445 512 531,35 | 3 474 487 468,65 |
| 63 | Fandaniana amin'ny fidirana an-tsehatra | 8 500 000,00 | 8 500 000,00 | 0,00 | 8 500 000,00 |
| 64 | Hetra sy haba | 1 850 000 000,00 | 1 900 000 000,00 | 0,00 | 1 900 000 000,00 |
| 65 | Famindram-bola sy fanampiana | 150 000 000,00 | 150 000 000,00 | 73 588 311,20 | 76 411 688,80 |
| 67 | Adidy samihafa | 10 000 000,00 | 10 000 000,00 | 0,00 | 10 000 000,00 |
| **FITAMBARAN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA** | | **19 124 842 000,00** | **20 074 842 000,00** | **8 954 430 903,95** | **11 120 411 096,05** |
| **Fitambarany** | | **24 814 842 000,00** | **27 764 842 000,00** | **9 076 315 903,95** | **18 688 526 096,05** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny I.N. taona 2020

Ny sora-bolan'ny Tranomprintim-pirenena farany dia lany hatramin'ny 32,69%, izany hoe 9,08 lavitrisa Ariary tamin'ny 27,76 lavitrisa Ariary nofaritan'ny LFR. Ny fandaniana tamin'ny mpiasa dia 64,75% tamin'ny fampandehanan-draharaha, arahin'ny fandaniana amin'ny fividianana entana 28,18% tamin'ny fandaniana nataony ny taona 2020. Ny fandaniana tamin'ny fampiasam-bola momba ny raharaha sy ny fandaniana raikitra ary ny famindram-bola sy ny fanampiana dia 0,45 lavitrisa Ariary ary 0,07 lavitrisa Ariary isan'isany.

**Kisary 12 : Endriky ny fandaniam-bolan'ny Tranomprintim-pirenena taona 2020**




Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny I.N. taona 2020

***Paositra sy Fifandraisan-davitra***

Mitentina 4,65 lavitrisa Ariary ny sora-bola nisokatra ho an'ny Tetibola Anankina amin'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra, izay entina hamatsiana ny fampandehanana ity tetibola anankina ity.

**a. Fidiram-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra**

Manodidina ny 4,09 lavitrisa Ariary ny vola miditra voamarina, izany hoe 87,89%. Ny tahirim-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra dia tsy misy mamatsy vola afa-tsy tamin'ireo haba hafa, ny antsipirian'izany dia fintinina ao amin'ny fafana manaraka.

**Fafana 35 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra**


Amin'ny Ariary

| kaonty | Fitanisana | Vina voalohany | Vina farany | Haba fandoa | Famoriam-bola vita |
|---|---|---|---|---|---|
| 7718 | Haba hafa | 4 650 000 000,00 | 4 650 000 000,00 | 4 086 913 990,30 | 4 086 913 990,30 |
| **Fitambarany** | | **4 650 000 000,00** | **4 650 000 000,00** | **4 086 913 990,30** | **4 086 913 990,30** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny PTT taona 2020

Ny endriky ny fidiram-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra dia fintinina amin'ity fafana manaraka ity :

**Kisary 13 : Endriky ny fidiram-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra taona 2020**




Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny PTT taona 2020

### b. Fandaniam-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra

Ny fandaniana tamin'ny fampandehanana ny Paositra sy Fifandraisan-davitra dia voazara tamin'ny fandaniana ho an'ny mpiasa, ny fividianana entana, ny fividianana raharaha, ny famindram-bola sy ny fanampiana ary ny sara isan-karazany, ny antsipiriany momba izany dia fintinina ao amin'ny fafana etsy ambany.

**Fafana 36 : Endriky ny fandaniam-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra**


Amin'ny Ariary

| Toko | Fitanisana | Sora-bola LFI | Sora-bola farany | Fandaniana | Tsy nampiasaina |
|---|---|---|---|---|---|
| 60 | Vola aloa amin'ny mpiasa | 3 232 000 000,00 | 3 232 000 000,00 | 2 849 616 241,60 | 382 383 758,40 |
| 61 | Fividianana entana | 601 600 000,00 | 601 600 000,00 | 587 959 999,48 | 13 640 000,52 |
| 62 | Fividianana raharaha | 627 200 000,00 | 631 200 000,00 | 566 657 750,45 | 64 542 249,55 |
| 65 | Famindram-bola sy fanampiana | 184 200 000,00 | 184 200 000,00 | 181 504 035,00 | 2 695 965,00 |
| 67 | Adidy samihafa | 5 000 000,00 | 1 000 000,00 | 0,00 | 1 000 000,00 |
| **Fitambarany** | | **4 650 000 000,00** | **4 650 000 000,00** | **4 185 738 026,53** | **464 261 973,47** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny PTT Taona 2020

Raha ny fandaniana dia 90,11% no nampiasaina nandritra ny taona 2020, ka 2,85 lavitrisa Ariary ny fandaniana momba ny mpiasa. Ankoatra izay dia 587,96 tapitrisa Ariary sy 566,66 tapitrisa Ariary tsirairay avy ny fividianana entana sy fividianana raharaha, izany hoe 97,73% sy 89,77%. 181,50 tapitrisa Ariary kosa ny famindram-bola sy fanampiana, izany hoe 98,53%.

**Kisary 14 : Endriky ny fandaniam-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra**




Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny PTT taona 2020

***Fandravonana ireo zava-bitan'ny Tetibola Anankina***

**Fafana 37 : Fandravonana ireo zava-bitan'ny Tetibola Anankina**

Amin'ny ariary

| SINGA | I.N. | P.T.T. | FITAMBARANY |
|---|---|---|---|
| **Vola miditra** | | | |
| Vinavina voalohany | 24 814 842 000,00 | 4 650 000 000,00 | 29 464 842 000,00 |
| Vinavina farany | 27 764 842 000,00 | 4 650 000 000,00 | 32 414 842 000,00 |
| **Zava-bita** | **12 239 756 384,00** | **4 086 913 990,30** | **16 326 670 374,30** |
| Tahan'ny vita (%) | 44,08 | 87,89 | 55,41 |
| **FANDANIANA** | | | |
| Sora-bola voalohany | 24 814 842 000,00 | 4 650 000 000,00 | 29 464 842 000,00 |
| Sora-bola farany | 27 764 842 000,00 | 4 650 000 000,00 | 32 414 842 000,00 |
| **Zava-bita** | **9 076 315 903,95** | **4 185 738 026,53** | **13 262 053 930,48** |
| Tahan'ny vita (%) | 32,69 | 90,02 | 40,91 |
| **VOKATRA** | **3 163 440 480,05** | **-98 824 036,23** | **3 064 616 443,82** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, Kaontim-pitantanan'ny IN sy PTT taona 2020

Hita amin'ity fafana ity fa tratra ny 55,41% tamin'ny fampidiram-bola ao anatin'ny tetibola anankina, izany hoe mitentina 16,33 lavitrisa Ariary. Ho an'ny fandaniana dia ny 40,91%-n'ny sora-bola farany no nampiasaina, izany hoe 13,26 lavitrisa Ariary. Nahazoana ambim-bola mitentina 3,06 lavitrisa Ariary ny asa rehetra natao tamin'ny tetibola anankina, izay arotsaka ao amin'ny tahiry sy ny tahiry ho fanavaozam-pitaovana ho an'ireto tetibola ireto.

### 3. KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA (CPT)

Ny vinavina farany ho an'ny vola miditra sy vola mivoaka ho an'ny Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana dia 800,60 lavitrisa Ariary sy 1 312,07 lavitrisa Ariary isan'isany. Ny fidiram-bolan'ny CPT dia nahitana ny Kaonty fampindramam-bola mitentina 2,09 lavitrisa Ariary, ny kaonty ara-barotra 736,8 lavitrisa Ariary ary ny Kaontim-bola manokana 61,72 lavitrisa Ariary. Nihena 490,95 lavitrisa Ariary, raha oharina tamin'ny vinavina farany ho an'ny taona 2019, no voamarika ho an'ity taona resahana ity. Raha ny singa mandrafitra ny fandanian'ny CPT dia mizara ho amin'ny kaonty fampindramam-bola, kaonty fandraisana anjara, kaonty fandraisana anjara (fanonerana), kaonty ara-barotra ary kaontim-bola manokana. Ny sora-bola nomena azy ireo farany dia 220,33 lavitrisa Ariary, 262,17 lavitrisa Ariary, 31,06 lavitrisa Ariary, 736,80 lavitrisa Ariary ary 61,72 lavitrisa Ariary tsirairay avy. Nahitana fiakarana ny vinavinam-pandaniana ho an'ny CPT, nanomboka tamin'ny 1 171,56 lavitrisa Ariary tamin'ny 2019 ka hatramin'ny 1.312,07 lavitrisa Ariary tamin'ny 2020.

<u>**Fafana 38 : Endrik'ireo CPT ho an'ny 2020**</u>

Amin'ny Ariary

| Anarana | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Zava-bita |
|---|---|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | **758 053 403 000,00** | **800 604 715 000,00** | **777 635 225 550,99** |
| Kaonty fampindramam-bola (remboursement) | 0,00 | 0,00 | - |
| Kaonty fampindramam-bola (régularisation/consolidation) | 2 086 609 000,00 | 2 086 609 000,00 | 687 153 207,51 |
| Kaontim-pandraisana anjara (régularisation) | 0,00 | 0,00 | - |
| Kaonty ara-barotra | 706 600 000 000,00 | 736 800 000 000,00 | 753 593 337 598,25 |
| Kaontim-bola manokana | 49 366 794 000,00 | 61 718 106 000,00 | 23 354 734 745,23 |
| **FANDANIAM-BOLA** | **1 269 508 612 000,00** | **1 312 072 344 000,00** | **1 070 089 614 830,33** |
| Kaonty fampindramam-bola | 219 428 000 000,00 | 220 328 000 000,00 | 183 798 523 715,93 |
| Kaonty fampindramam-bola (remboursement) | 0,00 | 0,00 | - |
| Kaontim-pandraisana anjara | 263 055 907 000,00 | 262 168 327 000,00 | 126 142 634 528,15 |
| Kaontim-pandraisana anjara (régularisation) | 31 057 911 000,00 | 31 057 911 000,00 | - |
| Kaonty ara-barotra | 706 600 000 000,00 | 736 800 000 000,00 | 742 712 689 510,97 |
| Kaontim-bola manokana | 49 366 794 000,00 | 61 718 106 000,00 | 17 435 767 075,28 |
| **Vokatra** | | | **-292 454 389 279,34** |

<u>Loharanom-baovao</u> : LFI 2020, LFR 2020, CGAF 2020, BCSE 2020

Tamin'ny vinavina mitentina 800,60 lavitrisa Ariary dia 777,64 lavitrisa Ariary no azo, izany hoe 97,13% ny taham-pahazoana. Io zava-bita io dia azo zaraina tamin'ny kaonty ara-barotra, izay mahatratra 753,59 lavitrisa Ariary, na 102,28%, arahin'ny kaontim-panomezana 37,83%, na 23,35 lavitrisa Ariary azo tamin'ny 61,72 lavitrisa Ariary novinavinaina tao anatin'ny LFR. Mikasika ny kaonty fampindramam-bola dia 687,15 tapitrisa no voaangona tamin'ny 2,09 lavitrisa Ariary nokasaina. Raha oharina tamin'ny taom-piasana 2019 dia nihena 182,14 lavitrisa Ariary ny fampidiram-bolan'ny CPT.

Mitentina 1 070,09 lavitrisa Ariary ny fandaniam-bolan’ny CPT raha 848,35 lavitrisa Ariary ny taona 2019.

Ny fizarana ny fandanian'ny CPT dia toy izao manaraka izao :

- ✓ Kaonty fampindramam-bola : 183,79 lavitrisa Ariary ;
- ✓ Kaonty fandraisana anjara : 126,14 lavitrisa Ariary ;
- ✓ Kaonty ara-barotra : 742,71 lavitrisa Ariary ;
- ✓ Kaontim-bola manokana : 17,44 lavitrisa Ariary.

Ny vokatry ny fampiasana ny Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana tamin’ny taona 2020 dia namoaka fatiantoka 292,45 lavitrisa Ariary.

### 4. TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY (FCV)

Ny FCV dia ahitana ny fanampiana tsy amin'ny endrika vola sy fanampiana tsy averina avy amin'ireo mpamatsy vola. Araka izany, azo atao ny mametraka ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy ireo mpiara-miasa aminy amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa fampandrosoana ifotony. Ny ACFCV no tompon'andraikitra amin'ny fanangonana sy fitantanana ireo vola ireo.

Ho an'ny taona 2020, vinavinaina ho 1,54 lavitrisa Ariary ny vola miditra amin'ny FCV, raha toa ka 7,07 lavitrisa Ariary kosa ny fandaniana tao amin'ny LFI, lasa ho 8,45 lavitrisa Ariary tamin'ny LFR.

***<u>Fidiram-bola tamin'ireo FCV</u>***

Vola mitentina 1,27 lavitrisa Ariary no azon'ny ACFCV, vola azo avy amin'ny fanampiana momba ny tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany ary aseho amin'ny fafana etsy ambany.

**<u>Fafana 39 : Endriky ny fidiram-bola tamin'ireo FCV</u>**

Amin'ny Ariary

| Vola miditra | LFI | Vinavina farany | Zava-bita |
|---|---|---|---|
| Fanampiana momba ny FCV | 1 538 800 000,00 | 1 538 800 000,00 | 1 268 822 423,30 |
| **FITAMBARANY** | **1 538 800 000,00** | **1 538 800 000,00** | **1 268 822 423,30** |

<u>Loharanom-baovao</u> : LFI 2020, LFR 2020, CGAF 2020

***<u>Fandaniam-bola tamin'ireo FCV</u>***

Nandritra ny taom-piasana 2020 dia mitentina 349,26 tapitrisa Ariary ny vola naloa tamin'ny FCV, izany hoe 4,14% tamin'ny sora-bola farany. Io vola io no nampiasaina hanohanana ny fampiasam-bolan'ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny ary ny Minisiteran'ny Fahasalamana. Ankoatra izay, tsy nisy fandaniana ho an'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, na dia nisy aza ny sora-bola nitentina 2,49 lavitrisa Ariary sy 796,00 tapitrisa Ariary ho azy ireo tsirairay.

**<u>Fafana 40 : Endriky ny fandaniam-bola tamin'ireo FCV</u>**

Amin'ny Ariary

| Iraka | LFI | LFR | Sora-bola farany | Lany |
|---|---|---|---|---|
| Fiadidiana ny Repoblika | 133 400 000,00 | 133 400 000,00 | 133 400 000,00 | 60 614 400,00 |
| Raharaham-bahiny | 0,00 | 279 200 000,00 | 279 200 000,00 | 279 088 660,00 |
| Fitantanam-bola sy tetibola | 1 380 000 000,00 | 2 493 000 000,00 | 2 493 000 000,00 | 0,00 |
| Fiompiana sy Fambolena | 796 000 000,00 | 796 000 000,00 | 796 000 000,00 | 0,00 |
| Fahasalamana | 4 747 000 000,00 | 4 747 000 000,00 | 4 747 000 000,00 | 9 556 385,00 |
| **FITAMBARANY** | **7 056 400 000,00** | **8 448 600 000,00** | **8 448 600 000,00** | **349 259 445,00** |

<u>Loharanom-baovao</u> : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020, CGAF 2020

Toy izao manaraka izao ny fizarana ny fandaniana tamin'ireo FCV :

- ✓ *Fiadidiana ny Repoblika* : vola mitentina 60,61 tapitrisa Ariary no natokana hividianana fitaovana informatika, ara-herinaratra, elektronika ary an-telefaonina ho an'ny BIANCO ho tombontsoan'ny fandaharan'asa Fanohanana ny Fanjakana tan-dalàna. Ity fandaharan'asa ity dia notohanan'ny Governemanta Japoney.
- ✓ *Minisiteran'ny Raharaham-bahiny :* Vola mitentina 168,14 tapitrisa Ariary no naloa tamin'ny fividianana fitaovana teknika hiantohana ny fanaraha-maso ny fidirana amin'ny faritry ny MAE etsy Anosy ; Vola mitentina 110,95 tapitrisa Ariary no natokana ho an'ny fitaovana informatika, ara-herinaratra, elektronika ary an-telefaonina. Ireo fandaniana ireo dia natao ho fanohanana ny fandaharan'asa Fitantanana sy Fandrindrana, miaraka amin'ny Governemanta Japoney izay mpamatsy vola.
- ✓ *Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka :* 9,57 tapitrisa Ariary no naloa ho an'ny Fitaterana sy iraka « kaonty 23174 » ho an'ny famatsiana ny SPECL (Système de Paiement Électronique des Carburants et Lubrifiants) ho tombontsoan'ny fandaharan'asa Ady amin'ny valan'aretina COVID-19, tohanan'ny Fanjakana japoney.

***Ny endrika farany tamin'ny FCV ny 2020***

Raha nesorina ny fandaniam-bola tamin'ireo FCV, izay 349,26 tapitrisa Ariary, tamin'ny vokatra azony, izay mahatratra 1,27 lavitrisa Ariary, dia nahazoana ambim-bola 919,56 tapitrisa Ariary.

**Fafana 41 : Fandravonana ny endrik'ireo FCV tamin'ny taona 2020**

Amin'ny ariary

| Anarana | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Zava-bita | (%) |
|---|---|---|---|---|
| **Vola miditra** | **1 538 800 000,00** | **1 538 800 000,00** | **1 268 822 423,30** | |
| Fanampiana momba ny FCV | 1 538 800 000,00 | 1 538 800 000,00 | 1 268 822 423,30 | 82,46 |
| **Fandaniam-bola** | **7 056 400 000,00** | **8 448 600 000,00** | **349 259 445,00** | |
| Fampiasam-bola | 7 056 400 000,00 | 8 448 600 000,00 | 349 259 445,00 | 4,13 |
| **Vokatra tamin'ny FCV** | | | **919 562 978,30** | |


Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, CGAF 2020, BCSE 2020

### a. Ny fizotry ny fivoaran'ny fampiasana ireo FCV nandritra ny dimy taona farany

Ireto kisary manaraka ireto dia mamerina maneho ny toe-javatra nisy tamin'ireo FCV tao anatin'ny dimy taona farany. Taorian'ny fampidirana vola mitentina 8,48 lavitrisa Ariary tamin'ny taona 2019 dia nidina ho 1,27 lavitrisa Ariary ny vola miditra tamin'ny taona 2020. Mikasika ny fandaniana tamin'ireo FCV, mitentina 0,35 lavitrisa Ariary no naloa. Vokatra nihena raha oharina tamin'ny taona 2019 izay nitentina 4,24 lavitrisa Ariary. Noho izany, ny ambim-bola dia manaraka ny fihenan'ny

fidiram-bola sy ny fandaniana, nanomboka tamin'ny 4,23 lavitrisa Ariary tamin'ny taona 2019 ka hatramin'ny 0,92 lavitrisa Ariary tamin'ny taona 2020.

**Kisary 15 : Fizotry ny fivoaran'ny endrik'ireo FCV nandritra ny dimy taona farany**




Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, CGAF 2020, BCSE 2020, LR 2019, 2018, 2017,2016

## 5. FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA (OCDP)

Ny Fizarana V tao amin'ny tetibolam-panjakana « Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakanat » dia mampiseho ny endriky ny trosa nifanarahana na niantohan'ny Fanjakana Malagasy. Tafakatra 5 950 lavitrisa Ariary ny farafahabetsaky ny trosa azon'ny Fanjakana atao araka ny voalazan'ny LFI ary tafakatra 7 236 lavitrisa Ariary tamin'ny LFR, izany hoe niakatra 1 286 lavitrisa Ariary.

Ity fafana manaraka ity dia mampiseho ny endrika ankapobeny momba ny OCDP :

**Fafana 42 : Endrik'ireo OCDP**

Amin'ny lavitrisaAriary

| Singa | Vola | | | Fihalefahana | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | LFI 2020 | Vinavina farany | Zava-bita | LFI 2020 | Sora-bola farany | Zava-bita |
| Trosa anatiny | 3 515,54 | 4 224,02 | 1 755,67 | 3 110,02 | 2 522,10 | 775,96 |
| Trosa ivelany | 2 434,79 | 3 012,29 | 1 830,28 | 294,86 | 265,60 | 289,77 |
| Vola an-tànana azo ampiasaina | - | - | - | 279,11 | 158,45 | - |
| **Fitambarany** | **5 950,33** | **7 236,31** | **3 585,95** | **3 683,99** | **2 946,15** | **1 065,73** |
| **Tombony tamin'ny famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakana** | | | | | **2 520,22** | |

Loharanom-baovao : CGAF 2020

Mitentina 3 590,61 lavitrisa Ariary ny vola azo avy amin'ny trosam-panjakana. Ireo loharanom-bola farany ireo dia notombanana taorian'ny fiverenan'ny vola mitentina 4,66 lavitrisa Ariary ka niafara tamin'ny 3 585,95 lavitrisa Ariary, nahitana trosa anatiny 1 755,67 lavitrisa Ariary ary trosa ivelany 1 830,28 lavitrisa Ariary. Nahatratra 1 065,73 lavitrisa Ariary ny fihenan'ny trosam-panjakana, izay mitentina 775,96 lavitrisa Ariary ho an'ny trosa anatiny ary 289,77 lavitrisa Ariary ho an'ny trosa ivelany.

### a. Fandaniam-bola tamin'ny taona 2020

Tamin'ny faran'ny volana desambra 2020 dia mitentina 3 590,61 lavitrisa Ariary ny vola navoaka ho an'ny Governemanta Malagasy. 29,44% na 1 057,01 lavitrisa Ariary avy amin'ny Bons de Trésor, 19,46% na 698,66 lavitrisa Ariary avy amin'ny fampindramam-bola hafa ary 18,50% na 664,21 lavitrisa Ariary avy amin'ny BFM. Namoaka vola mitentina 537,50 lavitrisa Ariary na 14,97% ny IDA. Ho an'ireo mpampindram-bola hafa, ny anjarany dia niovaova teo anelanelan'ny 4,80% sy 0,04% araka ny aseho amin'ny fafana etsy ambany :

**Fafana 43 : Endriky ny fandaniam-bola tamin'ny taona 2020**


Amin'ny Ariary

| Mpampindram-bola | Vola nivoaka | Taha (%) |
|---|---|---|
| BONS DE TRESOR | 1 057 011 574 412,87 | 29,44 |
| AUTRES EMPRUNTS | 698 661 727 407,68 | 19,46 |
| BADEA | 6 608 778 450,01 | 0,18 |
| CHINE | 72 850 734 266,77 | 2,03 |
| FIDA | 46 201 275 300,51 | 1,29 |
| OPEP | 24 859 670 344,00 | 0,69 |
| AFD | 71 772 471 003,00 | 2,00 |
| ARABIE SAOUDITE | 7 038 181 984,90 | 0,20 |
| BAD | 1 269 008 838,04 | 0,04 |
| BCM | 664 205 211 393,90 | 18,50 |
| CEE/BEI | 172 280 739 810,00 | 4,80 |
| FAD | 76 244 625 198,03 | 2,12 |
| IDA | 537 503 479 848,90 | 14,97 |
| AUTRES | 154 101 367 208,34 | 4,29 |
| **FITAMBARANY** | **3 590 608 845 466,95** | **100,00** |

Loharanom-baovao : CGAF 2020

Ity kisary manaraka ity dia mampiseho ny haavon'ny fandaniana sy ireo mpampindram-bola mifandraika amin'izany.

**Kisary 16 : Endriky ny fandaniam-bola tamin'ny 2020**




Loharanom-baovao : CGAF 2020

**b. Fihenan'ny trosa ho an'ny taona 2020**

Ny fihenan'ny trosa dia fomba famerenan'ny Fanjakana Malagasy ny fototry ny findramam-bola amin'ny mpampindram-bola, mizara amin'ny fe-potoana voafaritra tsara. Ho an'ny taom-piasana 2020 dia mitentina 1 068,39 lavitrisa Ariary ny vola naverin'ny Fanjakana, izany hoe fanonerana 36,11% tamin'ny farafahabetsaky ny trosa. Mitàna toerana ambony ny fandoavana ny « Bon de Trésor », mahatratra 706,935 lavitrisa Ariary, izany hoe 66,17% tamin'ny fitambaran'ny famerenam-bola rehetra.


**Fafana 44 : Endriky ny fihenan'ny trosa**

Amin'ny Ariary

| Mpampindram-bola | Fihalefahana | Taha (%) |
|---|---|---|
| BONS DE TRESOR | 706 935 000 000,00 | 66,17 |
| AUTRES EMPRUNTS | 69 025 732 364,98 | 6,46 |
| BADEA | 9 047 085 010,00 | 0,85 |
| CHINE | 14 277 024 440,70 | 1,34 |
| FIDA | 16 416 537 457,99 | 1,54 |
| OPEP | 20 454 604 400,31 | 1,91 |
| AFD | 5 389 199 986,53 | 0,50 |
| ARABIE SAOUDITE | 2 823 464 800,00 | 0,26 |
| BAD | 694 337 391,76 | 0,06 |
| COREE | 1 192 479 521,58 | 0,11 |
| ICO Espagne | 433 262 659,16 | 0,04 |
| FAD | 16 465 887 435,66 | 1,54 |
| IDA | 96 262 996 685,56 | 9,01 |
| INDE | 5 850 435 462,80 | 0,55 |
| KOWET | 5 171 285 716,20 | 0,48 |
| AUTRES | 97 952 264 907,84 | 9,17 |
| **FITAMBARANY** | **1 068 391 598 241,07** | **100,00** |

Loharanom-baovao : CGAF 2020

**Kisary 17 : Endriky ny fihenan'ny trosa**




Loharanom-baovao : CGAF 2020

### c. Antontan-trosa tamin'ny faran'ny taona 2020

Ny antontan-trosan'ny fanjakana tamin'ny faran'ny taona 2020 dia tombanana ho 18 499,87 lavitrisa Ariary ary voatanisa ao amin'ny fafana etsy ambany :


**Fafana 45 : Endriky ny antontan-trosan'ny fanjakana**

Amin'ny Ariary

| Mpampindram-bola | Antontan-trosa | Taha (%) |
|---|---|---|
| BONS DE TRESOR | 3 134 268 232 464,27 | 16,94 |
| AUTRES EMPRUNTS | 1 400 608 834 059,72 | 7,57 |
| BADEA | 148 551 398 159,87 | 0,80 |
| CHINE | 601 655 650 626,38 | 3,25 |
| FIDA | 736 480 286 826,47 | 3,98 |
| OPEP | 203 857 670 117,12 | 1,10 |
| AFD | 422 021 692 782,82 | 2,28 |
| ALGERIE | 281 969 940 593,31 | 1,52 |
| ARABIE SAOUDITE | 67 327 239 854,06 | 0,36 |
| BAD | 29 791 487 670,99 | 0,16 |
| BCM | 985 572 975 852,42 | 5,33 |
| CEE/BEI | 316 413 332 820,00 | 1,71 |
| COREE | 148 280 744 449,28 | 0,80 |
| ICO Espagne | 6 782 543 193,90 | 0,04 |
| FAD | 1 959 025 427 926,75 | 10,59 |
| IDA | 7 169 968 766 192,14 | 38,76 |
| INDE | 49 352 712 856,69 | 0,27 |
| KOWET | 78 386 420 547,63 | 0,42 |
| AUTRES | 759 555 064 020,69 | 4,11 |
| **FITAMBARANY** | **18 499 870 421 014,50** | **100,00** |

Loharanom-baovao : CGAF 2020

**Kisary 18 : Endriky ny antontan-trosan'ny fanjakana**




Loharanom-baovao : CGAF 2020

## d. Antontan'antoka omen'ny Fanjakana 2020

**Fafana 46 : Antontan'antoka omen'ny Fanjakana 2020**

| Mpandray | Mpanome | Anton'ny fifanarahana | Teti-bidin'ny fifanarahana (@ Ariary) | Vola | Antoka | Antontan'antoka 2020 |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Air Madagascar | ELIX ASSETS 7 LIMITED | Location ATR 72-212A | 23 760 000 | USD | 1 188 000 | 1 188 000 |
| Air Madagascar | ELIX ASSETS 7 LIMITED | Location 72-212A | 23 760 000 | USD | 1 188 000 | 1 188 000 |
| Air Madagascar | SKY HIGH II LEASING COMPANY LTD | Location B737-800 | 16 800 000 | USD | 560 000 | 560 000 |
| Air Madagascar | BANK OF AFRICA MADAGASCAR | Intégration de 2 AIRBUS 330-200 | 19000000000 | MGA | 14250000000 | 14250000000 |

Loharanom-baovao : Direction de la Dette Publique, CGAF 2020

Tamin'ny taona 2020, ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola dia nanome antoka ho tombontsoan'ny Air Madagascar : andaniny mitentina 2 936.000 USD ho an'ny fanofana fiaramanidina ary ankilany mitentina 14 250 000 000 Ariary ho an'ny fampidirana ny AIRBUS miisa roa 330-200.

## D. FIHOARANA NY SORA-BOLA

Tamin’ny taona 2020 dia **607 389 549 450,73 Ariary** ny fihoarana ny sora-bola ka **471,00 Ariary** tamin'ny sora-bola voafetra ary **607 389 548 979,73 Ariary** tamin'ny sora-bola tombana.

### 1. Fihoarana ny sora-bola momba ny famatsiam-bola anatiny

#### a. Minisiteran’ny Filaminam-bahoaka

**Fafana 47 : DIGS (Direction de l'Inspection Générale des Service)**

Amin’ny Ariary

| SOA | Anaran’ny SOA | Famatsiam-bola | Kaonty | Sora-bola farany | Fandaniana | Ambiny |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 00-15-0-210-00000 | Direction de l'Inspection Générale des Service | 10-001-001-A | 6131 | 3 033 000,00 | 3 033 200,00 | -200,00 |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020

Tamin'ny fotoana nanaovana ny fandraiketana, ny rafitra SIIGFP dia tsy nampiseho fandaniam-bola nihoatra, ity fandaniam-bola tafahoatra ity dia niseho nandritra ny dingana famoaham-bola. Io fihoarana 200.00 Ariary io dia vokatry ny fivondronan'ny ambin’isa tsy voaray tamin'ny vola noraiketin'ny SOA 00-15-0-210-00000 sy nifandraika tamin'ny kaonty 6131 « Solika sy menaka ».

**Fafana 48 : SCFB (Service Central des Finances et du Fudget)**

Amin’ny Ariary

| SOA | Anaran’ny SOA | Famatsiam-bola | Kaonty | Sora-bola farany | Fandaniana | Ambiny |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 00-15-0-3A0-00000 | Service central des Finances et du Budget | 10-001-001-A | 6061 | 5 123 000,00 | 5 123 270,00 | -271,00 |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020

Toy izany koa ny fanazavana momba ity fihoaram-pandaniana ity, nandritra ny fanatanterahana ny fandraiketana dia tsy nisy nahatsikaritra ny fisian’ny fihoarana ny tompon’andraikitra nahazo alalana, indrindra fa tsy nisy fampitandremana na fanakanana nataon'ny rafitra informatika ; Rehefa nojerena ny antontan-taratasy rehetra momba ny fitantanam-bola dia hita fa noho ny fivondronan’ny ambin’isa tsy voaray tamin’ny vola noraiketina io fihoarana 271,00 Ariary io.

**b. Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

**Fafana 49 : DGT (Direction Générale du Trésor)**

An'Arivony Ariary

| SOA | Anaran'ny SOA | Famatsiam-bola | Kaonty | Sora-bola farany | Fandaniana | Ambiny |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 00-21-T-223-00000 | Service de la gestion des ressources/ Dépense obligatoire à caractère évaluatif | 10-001-001-A | 6131 | 13 574,00 | 127 212,95 | -113 638,95 |
| | | | 6214 | 0,00 | 241 736,70 | -241 736,70 |
| | | | 6233 | 500 000,00 | 1 306 010,00 | -806 010,00 |
| | | | 6241 | 1 098 570,00 | 2 834 942,00 | -1 736 372,00 |
| **FITAMBARANY** | | | | **1 612 144,00** | **4 509 901,65** | **-2 897 757,65** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020

Fihoarana -2.897.757.646,00 Ariary no voamarika ary mifandraika amin'ny fandaniana tsy maintsy atao tamin'ny asa fitaterana sy ny fitandroana ny volam-panjakana nataon'ny tahirimbolam-panjakana.

Araka ny voalazan'ny didim-panjakana laharana faha 2017-619 tamin'ny 25 jolay 2017, mamaritra ny fepetra amin'ny fanatanterahana ny fandaniana tsy maintsy atao araka ny endrika tombana sy ny taratasy laharana faha-1011-2020-MEF/SG/DGFAG/DB/SSSA /sa tamin'ny 15 septambra 2020 momba ny fandaniana tsy maintsy atao amin'ny sora-bola tombana momba ny asa fitaterana sy ny fitandroana ny volam-panjakana ataon'ny tahirimbolam-panjakana, ny fandaniana atao amin'ireo kaonty ireo dia tsy azo atao tsy ampy sora-bola.

**Fafana 50 : DSP (Direction de la Solde et des Pensions)**

Amin'ny tapitrisa Ariary

| SOA | Anaran'ny SOA | Famatsiam-bola | Kaonty | Sora-bola farany | Fandaniana | Ambiny |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 02-23-0-F40-00000 | CRCM/CPR | 10-001-001-A | 6521 | 730 500,00 | 736 771,68 | -6 271,68 |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020

Voamarika fa nisy ny tsy fahampian'ny tetibola ho an'ny volana desambra 2020 saingy noho ny fahamehana tamin'ny fandoavana ny fisotroan-dronono, ny fanatanterahana ny tetibola izay tsy afaka hiharan'ny tsy fahampian'ny sora-bola, dia nanome alalana io fihoaram-pandaniana io ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin'ny alàlan'ny taratasy laharana 375-2020-MEF/SG/DGFAG/DSP. Fanampin'izany, dia nisy vola fanampiny ho an'ny sora-bola nisokatra, mitentina 6 528 077 167,00 Ariary nomena ny kaonty 6521 « CRCM ».

**c. Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.**

**Fafana 51 : Minisiteran'ny Raharaham-bahiny**

Amin'ny Ariary

| Tetibola | Fam. | Minisitera | LFI | Sora-bola farany | Fandaniana | Fihoarana |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 00 | 10 | 11-MAE | 565 000 000,00 | 565 000 000,00 | 7 035 084 194,31 | -6 470 084 194,31 |
| **FITAMBARANY** | | | **565 000 000,00** | **565 000 000,00** | **7 035 084 194,31** | **-6 470 084 194,31** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020, BCSE 2020

Fihoarana 6 470 084 194,31 Ariary no voamarika tamin'ny taom-piasana 2020.

**2. Fihoarana ny sora-bola tao amin'ny famatsiam-bola ivelany**

**a. Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny DTI.**

**Fafana 52 : Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny DTI**

Amin'ny Ariary

| Tetibola | Fam. | Minisitera | LFI | Sora-bola farany | Fandaniana | Fihoarana |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 00 | 20 | 41-MAEP | 1 500 000,00 | 1 500 000,00 | 1 156 857 027,00 | -1 155 357 027,00 |
| 00 | 20 | 44-MEDD | 0,00 | 7 000,00 | 1 112 403 753,00 | -1 112 396 753,00 |
| **FITAMBARANY** | | | **1 500 000,00** | **1 507 000,00** | **2 269 260 780,00** | **-2 267 753 780,00** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020 sy BCSE 2020

Mitentina 2 267 753 780 Ariary ny fihoarana tamin'ny sora-bola DTI ho an'ny taona 2020, ka ny tetik'asa tsirairay izay nihoatra ny sora-bola dia nanaovana fifanarahana teo amin'ny Minisitera voakasika sy ny mpamatsy vola azy. Nihena ny fihoarana tamin'ny DTI raha oharina tamin'ny taona 2019 izay 25 824 126 335,00 Ariary.

**b. Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny FANAMPIANA.**

**Fafana 53 : Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny FANAMPIANA**

Amin'ny Ariary

| Tetibola | Fam. | Minisitera | LFI | Sora-bola farany | Fandaniana | Fihoarana |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 00 | 60 | 05-PRIM. | 39 172 926 000,00 | 37 142 926 000,00 | 173 480 620 324,64 | -136 337 694 324,64 |
| 00 | 60 | 14-MID | 10 381 000 000,00 | 5 381 000 000,00 | 16 754 411 632,41 | -11 373 411 632,41 |
| 00 | 60 | 16-MINJUS | 936 100 000,00 | 736 100 000,00 | 990 669 097,60 | -254 569 097,60 |
| 00 | 60 | 21-MEF | 292 850 000,00 | 292 850 000,00 | 3 503 320 517,13 | -3 210 470 517,13 |
| 00 | 60 | 41-MAEP | 2 143 000 000,00 | 3 069 442 000,00 | 18 786 938 341,69 | -15 717 496 341,69 |
| 00 | 60 | 62-MATTP | 26 022 383 000,00 | 29 222 383 000,00 | 47 606 186 509,18 | -18 383 803 509,18 |
| 00 | 60 | 71-MINSAN | 12 129 000 000,00 | 12 129 000 000,00 | 33 310 863 759,74 | -21 181 863 759,74 |
| 00 | 60 | 76-MPPSPF | 405 000 000,00 | 405 000 000,00 | 1 562 176 497,09 | -1 157 176 497,09 |
| 00 | 60 | 81-MEN | 0,00 | 2 409 000 000,00 | 13 639 353 023,67 | -11 230 353 023,67 |
| 00 | 60 | 81-MENETP | 2 023 000 000,00 | 2 023 000 000,00 | 11 244 271 081,58 | -9 221 271 081,58 |
| **FITAMBARANY** | | | **93 505 259 000,00** | **92 810 701 000,00** | **320 878 810 784,73** | **-228 068 109 784,73** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020 sy BCSE 2020

Mitentina **228 068 109 784,73 Ariary** ny fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola avy any ivelany Fanampiana ho an’ny taona 2020.

### c. Fihoarana tamin’ny sora-bola momba ny Findramam-bola

**Fafana 54 : Fihoarana tamin’ny sora-bola momba ny FINDRAMAM-BOLA**

Amin’ny Ariary

| Tetibola | Fam. | Minisitera | LFI | Sora-bola farany | Fandaniana | Fihoarana |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 00 | 70 | 01-PRESI. | 1 902 000 000,00 | 1 902 000 000,00 | 3 646 356 791,76 | -1 744 356 791,76 |
| 00 | 70 | 21-MEF | 25 721 405 000,00 | 25 718 905 000,00 | 60 828 685 609,88 | -35 109 780 609,88 |
| 00 | 70 | 41-MAEP | 31 702 500 000,00 | 41 761 000 000,00 | 128 425 253 912,04 | -86 664 253 912,04 |
| 00 | 70 | 51-MEH | 0,00 | 29 763 863 000,00 | 42 310 508 082,43 | -12 546 645 082,43 |
| 00 | 70 | 62-MATTP | 90 404 426 000,00 | 129 295 951 000,00 | 335 718 544 747,57 | -206 422 593 747,57 |
| 00 | 70 | 71-MINSAN | 0,00 | 6 894 161 000,00 | 21 210 376 351,12 | -14 316 215 351,12 |
| 00 | 70 | 76-MPPSPF | 80 000 000,00 | 80 000 000,00 | 267 044 234,18 | -187 044 234,18 |
| 00 | 70 | 81-MENETP | 4 347 000 000,00 | 4 347 000 000,00 | 8 769 965 063,26 | -4 422 965 063,26 |
| **FITAMBARANY** | | | **154 157 331 000,00** | **239 762 880 000,00** | **601 176 734 792,24** | **-361 413 854 792,24** |

Loharanom-baovao : LFI 2020, LFR 2020 sy BCSE 2020

Nahatratra 361 413 854 792,24 Ariary ny fandaniana nihoatra tamin'ny sora-bolan'ny Findramam-bola ny taona 2020. Ireo sora-bola ireo dia amin'ny endrika tombana.

Manodidina ny **607 389 236 979,73 Ariary** araka izany ny famoaham-bola nihoatra ny sora-bola ho an’ny taona 2020 ka **15 639 518 622,76 Ariary** ny avy amin’ny loharanom-bola anatiny madiodio ary **591 749 718 356,97 Ariary** ny avy amin’ny vola avy any ivelany.

**Fafana 55 :** Vokatra ankapobeny tamin'ny fampiasana ny tetibolam-panjakana 2020

Amin'ny Ariary

| Anarana | Vola miditra | | Fandaniana | | Zava-bita | | Vokatra |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Vinavina voalohany | Vinavina farany | Sora-bola voalohany | Sora-bola farany | Vola miditra | Fandaniana | |
| **FIZARANA I** | | | | | | | |
| **TETIBOLA ANKAPOBENY** | | | | | | | |
| a – Lahasa fampandehanan-draharaha | 7 617 189 844 000,00 | 5 980 635 621 000,00 | 4 799 675 166 000,00 | 5 114 182 861 000,00 | 5 053 792 078 188,96 | 4 659 942 794 860,88 | |
| b – Lahasan'ny hana-pamokarana | 1 123 458 000 000,00 | 1 197 612 000 000,00 | 4 835 344 529 000,00 | 4 980 842 495 000,00 | 359 960 526 496,80 | 3 423 945 806 403,82 | |
| c – Fifanakalozana ara-bola | - | - | 855 000 000 000,00 | 855 000 000 000,00 | 10 798 994 499,28 | 847 920 885 552,15 | |
| **FITAMBARAN'NY FIZARANA I** | **8 740 647 844 000,00** | **7 178 247 621 000,00** | **10 490 019 695 000,00** | **10 950 025 356 000,00** | **5 424 551 599 185,04** | **8 931 809 486 816,85** | **-3 507 257 887 631,81** |
| **FIZARANA II** | | | | | | | |
| **TETIBOLA ANANKINA** | | | | | | | |
| a - Lahasa fampandehanan-draharaha | 29 464 842 000,00 | 32 414 842 000,00 | 23 774 842 000,00 | 24 724 842 000,00 | 16 204 785 374,30 | 13 140 168 930,48 | |
| b - Lahasan'ny Hana-pamokarana | - | - | 5 690 000 000,00 | 7 690 000 000,00 | 121 885 000,00 | 121 885 000,00 | |
| **FITAMBARAN'NY FIZARANAII** | **29 464 842 000,00** | **32 414 842 000,00** | **29 464 842 000,00** | **32 414 842 000,00** | **16 326 670 374,30** | **13 262 053 930,48** | **3 064 616 443,82** |
| **FIZARANA III** | | | | | | | |
| **CPT** | | | | | | | |
| a - Lahasa fampandehanan-draharaha | 758 053 403 000,00 | 800 604 715 000,00 | 1 063 580 612 000,00 | 1 106 144 344 000,00 | 777 635 225 550,99 | 886 291 091 114,40 | |
| b - Lahasan'ny Hana-pamokarana | - | - | 205 928 000 000,00 | 205 928 000 000,00 | - | 183 798 523 715,93 | |
| **FITAMBARAN'NY FIZARANAIII** | **758 053 403 000,00** | **800 604 715 000,00** | **1 269 508 612 000,00** | **1 312 072 344 000,00** | **777 635 225 550,99** | **1 070 089 614 830,33** | **-292 454 389 279,34** |
| **FIZARANA IV** | | | | | | | |
| **FAMPIASANA NY FCV** | | | | | | | |
| **FCV SY NY MOMBAMOMBA IZANY** | 1 538 800 000,00 | 1 538 800 000,00 | 7 056 400 000,00 | 8 448 600 000,00 | 1 268 822 423,30 | 349 259 445,00 | |
| **FITAMBARAN'NY FIZARANA IV** | **1 538 800 000,00** | **1 538 800 000,00** | **7 056 400 000,00** | **8 448 600 000,00** | **1 268 822 423,30** | **349 259 445,00** | **919 562 978,30** |
| **FIZARANA V** | | | | | | | |
| **OCDP** | | | | | | | |
| Trosa anatiny | 3 515 544 000 000,00 | 4 224 019 356 000,00 | 3 110 024 000 000,00 | 2 522 098 492 000,00 | 1 755 673 301 820,55 | 775 960 732 364,98 | |
| Trosa ivelany | 2 434 791 660 000,00 | 3 012 288 646 000,00 | 294 858 000 000,00 | 265 605 000 000,00 | 1 830 275 987 402,75 | 287 771 309 632,44 | |
| Vola an-tànana tsy azo ahetsika | | | 279 109 000 000,00 | 158 449 346 000,00 | | | |
| **FITAMBARAN'NY FIZARANA V** | **5 950 335 660 000,00** | **7 236 308 002 000,00** | **3 683 991 000 000,00** | **2 946 152 838 000,00** | **3 585 949 289 223,30** | **1 063 732 041 997,42** | **2 522 217 247 225,88** |
| **FITAMBARAM-BE** | **15 480 040 549 000,00** | **15 249 113 980 000,00** | **15 480 040 549 000,00** | **15 249 113 980 000,00** | **9 805 731 606 756,93** | **11 079 242 457 020,10** | **-1 273 510 850 263,17** |

Fatiantoka tamin'ny fampiasana ny Tetibolam-panjakana taona 2020 : **1 273 510 850 263,17 Ariary**

# VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2020

## FANADIHADIANA IREO ANDININY

Ahitana andininy folo (10) ity volavolan-dalàna Fandravonana ny Tetibola ity.

Ny andininy voalohany hatramin'ny faha-5 dia natokana ho amin'ny fanisana ny zava-bita farany sy ny vokatra azo tamin'ireo fizaran-tetibola dimy izay nitsinjarana ny lahasan'ny tetibola 2020, araka ny asehon'ireto antontan-taratasy fanamarinana ireto :

1- Fampiasana ny Tetibola ankapobe ;

2- Fampiasana ireo Tetibola anankina ;

3- Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana ;

4- Fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany;

5- Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakana.

Ny andininy fahaenina no milaza ny vokatra tamin'ny fifanakalozana ara-bola.

Ny andininy fahafito no anehoana ny fihoarana tamin'ny sora-bolan'ny fampandehanan-draharaha sy ny fampiasam-bola nandritra ny fitantanana.

Ny andininy fahavalo no mamoaka ny kaontim-bokatra tamin'ny taom-pitantanana, izay mifanaraka amin'ny andininy faha 43 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004.

Ny andininy fahasivy no manome alàlana ny fampidirana ho ao amin'ny Kaonty maharitry ny Tahirimbolam-panjakana ny vokatra tamin'ny taom-piasana 2020.

Ny andininy fahafolo no manome alàlana ny famoahana ity Lalàna ity ao anatin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Farany, ampiarahina amin'ity volavolan-dalàna ity ny tatitry ny Fitsarana momba ny Kaonty izay nanadihadiany ireo vokatry ny fanatanterahana ny Tetibola 2020 sy ny Fanambaram-pitoviana ho an'ny kaontin'ireo mpampiasa vola sy ny CGAF.

Toy izany Andriamatoa Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika, Andriamatoa, Mpanolontsaina Ambony ao amin'ny Fanavaozana ny Repoblika, Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra Mpikambana ao amin'ny Governemanta, no tanjon'ity volavolan-dalana ity izay voninahitra ho anay ny manolotra azy ho ankatoavinareo.

Antananarivo, faha

NY MINISTRY NY TOEKARENA SY NY VOLA

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana - Tanindrazana –Fandrosoana**
**-------------**

**FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

**-----------**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA tamin'ny**

**Mitondra ny Lalànan'ny Fandravonana taona 2020**

Nankatoavin'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriany ny

Ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika, Filoham-panjakana

- Araka ny Lalàm-panorenana,
- Araka ny fanapahana faha -HCC/D tamin'ny

Mamoaka izao lalàna izao :

**Andininy voalohany :**

Hita fototra ny vokatry fampiasàna ny Tetibola Ankapobeny ho an'ny taona 2020 izay nahatratra **5 413 752 604 685,76 Ariary** ho an'ny vola miditra, ary **8 083 888 601 264,69 Ariary** ho an'ny vola mivoaka, izany hoe fatiantoka **2 670 135 996 578,93 Ariary.**

**Andininy faharoa :**

Hita fototra ny vokatra afa-karatsaka ny fampiasana ny Tetibola Anankina tamin'ny 2020 izay nitentina ; amin'ny vola miditra **16 326 670 374,30 Ariary** ary amin'ny vola mivoaka **13 262 053 930,48 Ariary**, izany hoe nahitana tombony de **3 064 616 443,82 Ariary,** izay ahitana :

a- Ho an'ny Tranompirintim-pirenena, ny vola miditra dia **12 239 756 384,00 Ariary** ary ny vola nivoaka **9 076 315 903,95 Ariary**, izany hoe nanatombo **3 163 440 480,05 Ariary** ny vola miditra.

b- Ho an'ny tetibola anankina Paositra sy Fifandraisan-davitra, ny vola miditra **4 086 913 990,30 Ariary** ary ny vola nivoaka dia **4 185 738 026,53 Ariary** izany hoe fatiantoka **98 824 036,23 Ariary**.

**Andininy fahatelo :**

Hita fototra ny vokatry ny fampiasana ny Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana ho an'ny taona 2020 izay mitentina isan'isany toy izao ; vola miditra **777 635 225 550,99 Ariary,** ary ny vola mivoaka **1 070 089 614 830,33 Ariary**, niteraka fatiantoka **292 454 389 279,34 Ariary**.

**Andininy fahaefatra :**

Hita fototra ny vokatra azo avy amin'ny fampiasàna ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany, izay mitentina isan'isany, tamin'ny vola miditra **1 268 822 423,30 Ariary** ary tamin'ny vola mivoaka **349 259 445,00 Ariary**, nahazoana tombony **919 562 978,30 Ariary.**

**Andininy fahadimy :**

Hita fototra ny vokatry ny Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakàna izay mitentina isan'isany toy izao, vola miditra **3 585 949 289 223,30 Ariary** ary ny vola mivoaka **1 063 732 041 997,42 Ariary**, nahazoana tombony **2 522 217 247 225,88 Ariary**.

**Andininy fahaenina :**

Hita fototra ny vokatry ny fifanakalozana ara-bola izay mitentina isan'isany toy izao, vola miditra **10 798 994 499,28 Ariary** ary ny vola mivoaka **847 920 885 552,15 Ariary**, izany hoe fatiantoka **837 121 891 052,87 Ariary**.

**Andininy fahafito :**

Hita fototra ny fihoarana tamin'ny sora-bola voafetra izay mitentina **471,00 Ariary;**

Hita fototra ny fihoarana tamin'ny sora-bola tombatombana izay mitentina **607 389 236 979,73 Ariary.**

Vokatr'izany, ho fampiharana ny andininy faha-13 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Lalàna mifehy ny Tetibola dia omena alalana ny fampidirana ny mari-bola mifanaraka amin'izany ho fanarenana ity fihoarana ity.

**Andininy fahavalo :**

Hita fototra araka ny fitsinjarana niseho tao anatin'ny takela-pamintinana niaraka tamin'ity volavolan-dalàna ity ireo vokatra tamin'ny taona 2020 izay ahitana :

**1-** ny fatiantoka tamin'ny fampiasàna ny Tetibola Ankapobeny **2 670 135 996 578,93 Ariary;**

**2-** ny tombony azo avy amin'ny fampiasàna ny Tetibola Anankina **3 064 616 443,82 Ariary;**

3- Ny fatiantoka tamin'ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirimbolam-panjakàna **292 454 389 279,34 Ariary;**

**4-** Ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony avy tamin'ny Fanomezana sy fanampiana avy any ivelany **919 562 978,30 Ariary;**

5- Ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony azo avy amin'ny Kaonty fampindramam-bola **2 522 217 247 225,88 Ariary;**

**6-** Ny fatiantoka tamin'ny vokatry ny fifanakalozana ara-bola izay **837 121 891 052,87 Ariary.**

**Andininy fahasivy :**

Ekena ny fanoratana ao amin'ny Kaonty Maharitry ny Tahirimbolam-panjakana ny vola mitentina **1 273 510 850 263,17 Ariary,** izay fatiantoka tamin'ny taona 2020.

**Andininy fahafolo :**

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakàn'ny Repoblika ity lalàna ity. Hotanterahina ho toy ny lalàm-panjakana izany.

Navoaka tao Antananarivo, tamin'ny

**Michaël RANDRIANIRINA**

**Hita mba hatovana amin'ny Didim-panjakana laharana faha**
**tamin'ny**

**Avy amin'ny Praiminisitra,**
**Lehiben'ny Gouvernemanta,**

**Mamitiana RAJAONARISON**